



# 10 ANDROM- BAVAKA

9-19 Janoary 2019

"Ary izao no fiainana mandrakizay,  
dia ny mahafantatra Anao,  
Izay Andriamanitra tokana sady marina,  
sy Jesosy Kristy, Izay efa nirahinao."

**JAO. 17:3**

## Fanandramana Lalina Kokoa

- Tari-dalana ho an'ny mpitarika
- Fampidirana
- Fanamby eo amin'ny fanatrarana ny any ivelany
- Alim-bavaka
- Andro 1 Mahalala sy mino
- Andro 2 Avy ao anaty
- Andro 3 Ny ady lehibe indrindra
- Andro 4 Ny tombambidin'ny fanoloran-tena
- Andro 5 Ny tombontsoan'ny fiaraha-miasa
- Andro 6 Ny fanomezam-pahasoavan'ny fibebahana
- Andro 7 Ny voninahitry ny tanjona
- Andro 8 Mamakivaky ny lohasaha
- Andro 9 Hery lehibe noho ny fisalasalana
- Andro 10 Avelao any ny tsilo
- Sabata fankalazana
- Teny fikasana takina mandritra ny vavaka

## **FANANDRAMANA LALINA KOKOA**

### **TARI-DALANA HO AN'NY MPITARIKA**

#### **Tonga soa amin'ny Folo Androm-bavaka 2019!**

Andriamanitra dia naneho fahagagana an'arivony tamin'ny alalan'ny fandaharana Folo Androm-bavaka hatramin'ny niantombohan'izany tamin'ny Ezaka Ranonorana Maneran-tany tamin'ny taona 2006. Ny Fanahy Masina dia efa nanetsika fifohazana, fiovam-po, fitiavana fatratra indray ny asa fitoriana, ary nitondra fahasitranana teo amin'ny fifandraisana. Marina tokoa fa ny vavaka no toerana ahaterahan'ny fifohazana!

Ireto tari-dalana ireto dia natao hanampy anao amin'ny maha-mpitarika/ tompon'andraikitra anao. Ny fizarana voalohany, dia misahana ireo lohahevitra mifandray amin'ny Folo Androm-bavaka 2019. Ny fizarana faharoa dia ahitana ireo torohevitra mahasoa hanampy anao sy ny vondrom-bavaka misy anao. Tsarovy fa tahirin-kevitra sy soso-kevitra ihany ireo. Aza misalasala hanisy fanovana araka izay itarihan'ny Fanahy Masina anareo.

Mandritra ny Folo Androm-bavaka voalohany, 9-19 Janoary 2019, dia tokony hihaona isan'andro ny vondrona misy anareo, mivantana na an-tariby, mba hiaraka hiombom-bavaka ao anatin'ny ora iray. Ny andro fahiraika ambin'ny folo, izany hoe ny 19 Janoary, dia Sabata. Manoso-kevitra anareo izahay ny hanaovana io Sabata io ho fankalazana izay zavatra rehetra nataon'Andriamanitra ho valin'ny vavaka niombonana. Manantena izahay fa ireo hevitra sy soso-kevitra ireo dia hanampy hahatonga ny Folo Androm-bavaka 2019 ho fanandramana mahery vaika ho an'ny tarika madinika misy anareo na ny fiangonanareo.

Raha hanomboka izao diabe izao ianareo, dia tianay ny hizara fijoroana ho vavolombelona avy amin'ireo izay nandray anjara tamin'ny Folo Androm-bavaka 2018:

*“Teo aloha dia toa nomena toerana mialoha ny firaisana amin'i Kristy ny zavatra hafa rehetra, ary ny fivavahana dia zary fahazarana fotsiny ihany. Ny Folo Androm-bavaka tamin'ity no nampahatsiahy ahy fa mitondra fiadanana sy fifaliana ny miresaka amin'ny Mpamonjy sy ny mahatsapa ny fanatrehany” – Tasha, avy any St. Kitts and Neves.*

*“Fanandramana tena mahagaga ny Folo Androm-bavaka! Mivondrona sy mifampivavaka ny fiangonantsika. Nahitana ranomaso latsaka sy fifaliana tamin'io fivoriana masina io ary rehefa nivavaka izahay dia hitanay ny fitiavan'Andriamanitra sy ny famaliany ny vavakay”. – Yan, avy any Indônezia.*

*“Tena nitondra famelombelomana sy faherezana tokoa ny Folo Androm-bavaka. Ny fanandramana tena nampihetsi-po indrindra dia ny pasitora iray efa misotro ronono, izay tsy niala fandriana sady tsy afa-niteny vokatry ny aretina diabeta nahazo azy. Afaka miresaka an-telefaonina anefa izy izao sady afaka mipetraka amin’ny seza misy kodiarana. Vao fiandohan’ny fijoroanay fotsiny izao ho fiderana an’Andriamanitra!”. - Ima, avy any Nigéria.*

*“Toy ny hoe nosoratana ho ahy mihitsy ny lesona natao hodinihina isan’andro. Efa natanjaka ny finoako hatramin’izay ary vao mainka nihanatanjaka. Voavaly ny vavaka manokana nangatahiko. Ny sasany aza efa nivaly raha tsy mbola nangataka akory aho. Nandritra izany koa anefa dia maro ireo fizahan-toetra tsy nampoizina sy tsy hay fehezina, kanefa dia nanampy ahy teo am-piatrehana izany Andriamanitra. Mambambo fo tokoa ny fahalehibiazany!” - Sandra avy any Maryland, Etazonia.*

*“Nitondra fiovana teo amin’ny fiainam-bavakay izany” - Ronald, Etazonia.*

*“Toy ny hoe nampidirana hery sy tanjaka vaovao tato anatiko. Tena voatahy manokana mihitsy aho satria ao anatin’ny vondron’olona mpivavaka. Ny ankamaroan’ny vavaka rehetra nataoko dia saika novalian’Andriamanitra avokoa, ary mbola ankiniko amin’ny fahendreny sy ny fotoany ihany ireo valim-bavaka sisa” - Jenny, Kôrea.*

*“Ity taona ity no fahefatra amin’ny fiombonanay amim-bavaka. Nifady hanina sy nitolona am-bavaka nandritra ny folo andro izahay. Hitanay Andriamanitra nanao fahagagana teo amin’ny fiainanay. Nisy rahavavy iray nivavaka mba ho afaka hiantso fianakaviana any amin’ny firenen-kafa, satria efa roapolo taona izay no tsy nahazoany vaovao avy tamin’ireo. Taorian’ny fivavahana mafana indrindra, dia notanterahin’Andriamanitra izany! Niara-nidera an’Andriamanitra taminy izahay”. - Doris, avy any Virginie, Etazonia.*

## **TOROMARIKA ANKAPOBENY MOMBA NY FOLO ANDROM-BAVAKA**

### **Nahoana no miresaka momba ny fanandramana lalindalina kokoa?**

Izao no voalazan’i Ellen White: “Ireo izay manolo-tena hanompo ny Tompo dia mila fanandramana ambony, lalina, mivelatra lavitra noho izay heverin’ny maro. Maro amin’ireo izay efa mambra ao amin’ny ankohonan’Andriamanitra no tsy mahafantatra ny hevitra ny atao hoe mimbanjina ny voninahiny sy ny hoe hovana avy amin’ny voninahitra ho amin’ny voninahitra. Maro amin’ireo izay tsy mahatsapa firy akory ny tena fahatsaran’i Kristy no mientam-pifaliana ny fony. Mangetaheta ny hahatsapa ny fitiavan’ny Mpamonjy feno sy lalina kokoa izy ireny. Aoka izy ireo handala ny faniriana lalina ao amin’ny fanahiny izay mikatsaka an’Andriamanitra” - Gospel Workers, t. 274.

Irintsika ny handinika io foto-kevitra momba ny hampitomboana fanandramana ambony sy lalina ary mivelatra kokoa miaraka amin'i Jesôsy io sy ny hijery ny fomba hampiharana izany eo amin'ny fanandramantsika isan'andro.

### **Ireo taratasy misy ny lohahevitra isan'andro**

Misy ny taratasy ahitana ny lohahevitra izay efa voaomana ho an'ny andro tsirairay avy. Ao amin'ny pejy voalohany dia misy andinin-tSoratra Masina iray sy tari-dalana fanompoam-pivavahana fohy. Ao amin'ny pejy faharoa indray dia ahitana soso-kevitra momba ny endriky ny vavaka iombonana sy hevitra ho an'ireo antom-bavaka manokana, hira tokony hohiraina ary teny fikasana natao hozaraina. Tsara indrindra raha ataonareo dika mitovy ireo taratasy misy ny lohahevitra ireo mba hanana avokoa ny mpandray anjara rehetra mandritra ny fotoam-bavaka.

Ny fiangonana rehetra maneran-tany dia hiombona aminareo amin'ny fivavahana ho an'ny lohahevitra tsirairay isan'andro. Noho izany dia aoka koa ianareo hiray amin'izy ireo amin'ny vavaka iombonana ary hivavaka amin'ny alalan'ny Soratra Masina, teny notsongaina ary soso-kevitra momba ny vavaka ao amin'ireo taratasy misy ny lohahevitra tsirairay. Na izany aza anefa, dia tsy voatery hanaraka fotsiny izay ao anatin'ny taratasy misy ny lohahevitra ianao – fa avelao fotsiny izany hitarika anareo. Mety ho tianareo koa ny hizara ho tarika madinika ka aoka ny tarika tsirairay avy hitondra amim-bavaka ny ampahany iray ao anatin'ny lisitra.

Ny sasany amin'ireo antom-bavaka dia mifandraika indrindra amin'ny Fiangonana Advantista Maneran-tany. Tena ilaina ny miara-mivavaka ho an'ny fiangonantsika, saingy mety ho tianareo koa ny hanampy lohahevitra hafa momba ny vavaka ankapobeny raha toa ka misy mpamangy ao amin'ny tarikareo. Ento amim-bavaka ny fomba tsara indrindra handraisantsika ny mpamangy sy ny hahatsapan'izy ireo ho isan'ny tarika.

### **Soso-kevitra momba ny fotoana ho an'ny fizarana tsirairay amin'ny vavaka**

Ny fotoana natokana ho an'ny fizarana tsirairay dia azo antoka fa hiovaova kely ihany isaky ny fotoana hiarahanareo mivavaka. Ireto manaraka ireto misy soso-kevitra hahazoana mandrindra tsara izany araka ny efa fanandramana natao hatramin'izay:

- Fiarahabana tonga soa / Fampidirana: 2-5 mn
- Famakiana ny mahakasika ny lohahevitra hodinihina ao anatin'ny fanompoam-pivavahana: 3-5 mn
- Fiderana: 10 mn
- Fiaiken-keloka sy fitakiana ny fandresena ny ota: 3-5 mn

- Fitalahoana sy Fanelanelanana: 30-35 mn
- Fisaorana: 10 mn

**Fanelanelanana ho an'olona fito:**

Ampirisiho ny mpandray anjara hangataka amin'Andriamanitra haneho amin'izy ireo olona fito mba hoentiny amim-bavaka mandritra ny folo andro. Mety ho mambran'ny fianakaviana izany, namana, mpiara-miasa, mpiara-mivavaka, sy ny sisa. Ampirisiho izy ireo hivavaka mba hitarihan'ny Fanahy Masina ireo olona fito ireo hitoetra ao amin'i Kristy. Ireo mambra ao anatin'ny vondrona koa dia tokony hivavaka amin'Andriamanitra mba haneho aminy ny fomba hahazoany mangataka ho an'izay zavatra manokana ilaina ho fanatrarana ireo olona fito ireo mandritra ny folo andro. Azonao atao ny manomana karatra na sombin-taratasy maromaro azon'ny olona hanoratana ireo anarana fito tiany hoentina amim-bavaka.

**Fanompoam-pivavahana Sabata ao anatin'ny Folo Androm-bavaka 2019**

Ataovy izay hisian'ny fotoana manokana hifantohana amin'ny vavaka ary manaova fijoroana ho vavolombelona ny amin'ireo valim-bavaka azo, mandritra ny fanompoam-pivavahana ao anatin'ireo Sabata anankiroa. Aoka hikaroka fomba hahatonga izany ho mahaliana: maro ny fomba hahazoana mizara amin'ny fiangonana ny zavatra nitranga mandritra ireo fivoriam-bavaka natao isan'andro.

**Sabata fankalazana farany**

Ny Sabata farany dia tokony hatokana ho fotoam-piravoravoana lehibe ny amin'izay rehetra efa nataon'Andriamanitra tao anatin'ny folo andro. Manokàna fotoana malalaka tsara ho fizarana fijoroana ho vavolombelona momba ny valim-bavaka azo, fampianarana Baiboly / toriteny momba ny vavaka ary hira. Tariho ho amin'ny fotoam-bavaka manokana ny fiangonana, amin'izay dia mba hanandrana ny fifaliana amin'ny fiaraha-mivavaka amin'ny hafa koa ireo izay tsy afa-nanatrika ny fivoriana natao isan'andro. Miangavy anao hijery ny taratasy manokana momba ny Sabata fankalazana raha mila fanazavana fanampiny ianao.

**Fanaraha-maso aorian'ny Folo Androm-bavaka 2019**

Mivavaha mikasika izay tian'Andriamanitra hotohizan'ny fiangonanao / tarika misy anao aorian'ny Folo Androm-bavaka 2019. Asa, mety hotohizanareo amin'ny herinandro fiaraha-mivavaka izany angamba. Na koa, mety ho tian'Andriamanitra ny hanombohanareo asa vaovao eo anivon'ny fiangonana na koa asa atao eo amin'ny fiarahamonina. Aoka hivelatra tsara sy hanaraka izay hitarihan'Andriamanitra eo. Azo

antoka fa ho talanjona ianareo eo amin'ny fiarahana Aminy. Misy fanamby ho amin'ny asa fitaomana fanahy miaraka amin'ny soso-kevitra maromaro nampidirinay ao amin'ny faran'ity tari-dalana ho an'ny mpitarika ity.

### **Fijoroana ho vavolombelona**

Mifampizarà tantara mikasika ny fomba niasan'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny Folo Androm-bavaka! Ny tantaranao dia ho fampirisihana ny maro hafa. Ny fijoroana ho vavolombelona dia azo alefa ao amin'ny <stories@ministerialassociation.org> na koa ao amin'ny <www.tendaysofprayer.org>.

## **TOROHEVITRA MAHASOA MAHAKASIKA NY FIOMBONAM-BAVAKA**

### **Miaraha miombon-kevitra**

Rehefa misy olona iray manao fangatahana amin'Andriamanitra, dia ataovy izay hivavahan'ny hafa momba izany fangatahana izany koa sy hiara-miombon-kevitra; tena mahery vaika io! Aoka tsy hihevitra fa satria efa nanao izany hataka izany ny olona iray, dia tsy mila manao izany intsony ny hafa. *“Ary lazaiko aminareo koa: Raha misy roa aminareo mifanaiky etỳ ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany”* – Mat. 18:19. Tena mampahery indrindra ny voasandratra ao anatin'ny vavaka!

### **Mitaky ny teny fikasan'Andriamanitra**

Misy teny fikasana mifandraika amina lohahevitra voafaritra ao anatin'ny taratasy tsirairay avy. Ampirisiho ny tarika hitaky ny teny fikasan'Andriamanitra rehefa mivavaka izy ireo. Mora dia mora tokoa ny mifantoka amin'ny olantsika. Saingy rehefa mitaky ny teny fikasan'Andriamanitra isika, dia mampitombo ny finoantsika ary mampahatsiahy ny tenantsika fa hain'Andriamanitra ny zavatra rehetra. Ny teny fikasana dia manampy hamily ny maso tsy hifantoka amin'ny fahalemena sy ny olana fa hifantoka amin'i Jesôsy kosa. Ho an'ny fahalemena sy ny tolona tsirairay avy, dia misy ny teny fikasan'ny Baiboly izay azontsika takina. Ampirisiho ny olona hikaoka teny fikasana hafa ka hanoratra izany mba ho azony takina izany amin'ny hoavy.

### **Fifadian-kanina**

Asao ireo mpiray tarika aminao mandritra ny Folo Andro mba handinika ny karazana fifadiana toy ny tsy fijerena fahitalavitra, tsy fihainoana ny mozikan'izao tontolo izao na ny horonantsary samihafa, tsy fanokafana internety, tsy fihinanana vatomamy, na karazan-kanina hafa saro-devonina. Manokàna fotoana hivavahana sy

handinihana ny Baiboly ary hangatahana amin'Andriamanitra mba hanampy anareo sy ny fiangonanareo hitoetra misimisy kokoa ao amin'i Kristy. Amin'ny fanarahana fomba fisakafo tsotra no hahatonga ny saintsika ho mora mandre kokoa ny feon'ny Fanahy Masina.

## Ny Fanahy Masina

Angataho ny Fanahy Masina haneho aminareo ny tokony hoentina amimbavaka eo amin'ny fiainan'ny olona iray na ny toe-javatra iray manokana. Voalazan'ny Baiboly fa tsy fantatsika izay angatahintsika fa ny Fanahy Masina no mitalaho ho antsika.

*“Tsy hoe tsy maintsy mivavaka fotsiny amin'ny anaran'i Kristy isika, fa amin'ny fibitsihan'ny Fanahy Masina koa. Izany dia manazava ny dikan'izay voalaza hoe: ‘Ny Fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina’ (Rôm. 8:26). Mahafaly an'Andriamanitra ny mamaly fivavahana toy izany. Rehefa manonona vavaka amin'ny anaran'i Kristy amin-kafanam-po sy amin-kery isika, dia ao amin'io hery io indrindra no misy antoka avy amin'Andriamanitra fa hamaly ny fivavahantsika lzy, ‘mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza’ (Efes. 3:20)” – Henoinareo ny Fanoharana, tt. 141-142.*

**Fifanakaikezana ara-batana:** Rehefa manomboka ny vavaka iombonana ianareo, dia iangavio ny tsirairay avy mba hifanatona. Rehefa mifanatona mba hanao faribolana ety ny olona dia manampy hampirisika ny toe-tsain'ny firaisana izany, izay zava-dehibe tokoa eo amin'ny vavaka iombonana. Raha miparitaka manerana ny efitrano ny olona, dia sarotra ny handre ny vavaka ataon'ny tsirairay.

## Bokikelim-bavaka:

Ny fampiasana bokikelim-bavaka mandritra ny Folo Andro, dia mety ho fitaovana tsara ho an'ny mpandray anjara hiraiketana ny lohahevitra amin'ny vavaka, hahatonga fanoloran-tena azo tsapain-tanana ho an'Andriamanitra sy ho fanehoana fankasitrahana ny fitahiana narotsany. Ny firaiketana ny vavaka sy ny fitehirizana ny valim-bavaka avy amin'Andriamanitra dia voaporofa ho mitondra faherezana.

Raha tianao, dia maro ireo fomba azo hampidirana ny fampiasana bokikely ao anatin'ny Folo Androm-bavaka. Azonao atao ny manokana fotoana ao anatin'ny fivoriam-bavaka mba hahazoan'ny olona mirakitra an-tsoratra ny valinteny asetryny an'Andriamanitra ao anatin'ny diariny manokana. Azo atao koa ny mihazona diary iraisana misy ireo antom-bavaka sy ny valiny; mety ho bokikely izany na afisy lehibe, na amin'ny alalan'ny internety. Misy fomba tsotra iray azo anatanterahana izany, asiana tsipika eo afovoan'ny taratasy iray lehibe. Soraty eo ankavia ny antom-bavaka ary eo

ankavanana ny valiny. Mampihetsi-po no sady mampiorina ny finoana ny manao jery todika ny lasa ary mahita ny fomba namalian'Andriamanitra ny vavaka nataontsika!

### **Fiankohofana**

Mampirisiha ary manehoa fihetsika mitory fanajana ny zava-masina. Manatona ny efitra misy ny fiandrianan'ny Mpanjakan'izao tontolo rehetra izao isika. Aoka tsy hohamaivamaivanina amin'ny fomba fiseho na ny fahazaran-dratsy eo amin'ny fihetsika na ny fomba fiteny ity fotoam-bavaka ity. Na izany aza, dia tsy hoe voatery handohalika tsy tapaka tsy akory ny rehetra. Tianao ny hampahazo aina ny rehetra mandritra ny ora iray, koa ampirisiho izy ireo handohalika na hipetraka na hitsangana araka izay hitarihan'Andriamanitra azy sy mampahazo aina azy.

### **Fehezanteny ao anatin'ny vavaka**

Ny vavaka dia tokony ho fohy sy mazava ary mivantana. Izany dia manome ho an'ny hafa koa ny fahafahana hivavaka. Ezaho ny hametra ny vavaka ataonareo amin'ny fehezan-teny vitsy. Afaka mamerina mivavaka imbetsaka ny tsirairay. Ny vavaka fohy dia mitahiry ny fotoam-bavaka ho mahaliana sady mamela ny Fanahy Masina hiasa ka hampahafantatra ny fomba tokony hivavahan'ny tarika. Tsy voatery hanomboka na hamarana ny vavaka fohy tsirairay amin'ny fehezanteny toy ny hoe "Ray malala ô" sy ny "Amena" ianareo. Resaka mitohy atao amin'Andriamanitra izany.

### **Fahanginana**

Amin'ny maha-mpitarika anareo, aoka tsy hobahananareo samirery ny fotoam-bavaka. Ny tanjona dia ny mba hahafahan'ny hafa mivavaka. Mahafinaritra ny fotoana mangina, satria manome fotoana an'Andriamanitra hitenenana amin'ny fontsika izany. Avelao ny Fanahy Masina hiasa sy hanome ho an'ny tsirairay fotoana hivavahana.

### **Hira**

Ny hira ataon'ny tarika, eny anelanelan'ny vavaka, dia manampy fahatsarana amin'ny fivoriam-bavaka. Ny mihira dia fomba tsara koa hiampitana avy amin'ny fizaram-bavaka iray ho amin'ny fizarana iray hafa.

**Fanangonana antom-bavaka:** Aza mangataka antom-bavaka avy amin'ny tarika. Fa ilzao kosa ny olona hanao avy hatrany izay fangatahany ary hampirisika ny hafa hiombona amin'izany antom-bavaka izany. Ny antony dia ny fotoana! Ny firesahana na ny fanehoana ny antom-bavaka dia mandany fotoana be lavitra noho ny tena vavaka. Faly i Satana raha afaka mihazona antsika hiresaka momba ny olona fa tsy mivavaka



momba ny olana. Matetika ny mambra ao amin'ny tarika no manomboka amin'ny fanomezana torohevitra sy soso-kevitra momba ny vahaolana. Avy amin'Andriamanitra ny hery! Arakaraka ny ivavahantsika no anomezana antsika ny heriny.

### **Ny fotoam-bavakareo isan'andro**

Tena zava-dehibe io! Aoka ho azo antoka fa amin'ny maha-mpitarika anareo, dia manokana fotoana isan'andro eo an-tongotr'i Jesôsy ianareo, miresaka Aminy ary mamaky ny teniny. Raha ataonareo ho laharam-pahamehana eo amin'ny fiainanareo ny fahafantarana an'Andriamanitra, dia hanokatra fanandramana mahafinaritra ho anareo izany. *“Avy amin'ny toerana manginan'ny vavaka no niavian'ny hery izay nanozongozona izao tontolo izao tamin'ny andron'ny Refôrmasiona Lehibe. Tamin'ireny toerana ireny no nametrahan'ireo mpanompon'i Jehôvah ny tongony tambonin'ny vatolampin'ny teny fikasany”* – Hery Mifanandrina, t. 214.

### **Fihaikana ho fanatrarana ny hafa**

#### **Azon'ny rehetra atao ny manao asa hanafainganana ny fiavin'i Jesôsy amin'ny alalan'ny Mambra Rehetra Mandray Anjara.**

*“Fa noana Aho, dia nomenareo hanina; nangetaheta Aho dia nampisotroinareo; nivahiny Aho, dia nampiantranoinareo; tsy nanan-kitafy Aho, dia notafianareo; narary Aho, dia notsaboinareo; tao an-trano-maizina Aho, dia novangianareo”* - Mat. 25:35,36.

Izao no voalaza ao amin'ny Tanamasoandron'ny Fahasalamana: *“Tsy maintsy mivelona amin'ny fiainana roa sosona isika: dia fiainam-pisainana sy fiainan'asa, fiainan'ny fivavahana mangina sy fiainan'ny asa mafana”* – t. 343. Tombontsoa ho antsika ny maneho amin'ny hafa ny fitiavan'i Jesôsy. Efa nandray fitiavana mitafotafo avy tamin'ny Mpamonjy isika, koa aoka tsy hohazonintsika ho antsika samirery izany. Andeha hozaraintsika amin'ny hafa ny fitiavany.

Mampirisika anao sy ny fiangonanao izahay hangataka amin'Andriamanitra mba hanomezany ny fomba hanatrarana ny hafa aorian'ny Folo Androm-bavaka. Misafidiana hetsika iray na maro, andro iray, ary meteza ho tanana sy tongotr'i Jesôsy. Eo am-pandaminana ny zavatra rehetra anefa, dia aoka tsy hisakana anareo tsy hivavaka ny fanomanana rehetra. *“Ny ezaka manokana rehetra atao ho an'ny hafa, dia tokony hialohavan'ny vavaka mangina betsaka, satria mitaky fahendrena lehibe ny mahatakatra ny siansan'ny famonjena fanahy. Mialoha ny hifandraisana amin'olona, dia mifandraisa aloha amin'i Kristy. Eo amin'ny seza fiandrianan'ny famindram-pon'ny lanitra no hahazoana ny fahavononana hanao ny asa ho an'ny olona”* – Prayer, t. 313.

Efa nanomana lisitra misy ireo fomba hahazoana manampy ny hafa izahay. Fidio izay rehetra mifanaraka amin'ny ilain'ny olona tianareo hampiana. Tsy maninona ihany koa raha mbola misy ny zavatra hafa tianareo atao ankoatra ireto voalaza ireto.

- Manaova sakafo ho an'ny olona iray izay vao avy narary.
- Manasà ny mpifanolo-bodirindrina/mpiara-miasa iray mba hanatrika hetsika ataonareo ho an'ny fiaraha-monina.
- Mizarà fitafiana izay tianareo mba homena anareo koa.
- Manampia ny zokiolona iray. Tsidiho matetika izy ary ampio amin'ny asa aman-draharahany, miantseña, mahandro sakafo na manao zaridaina.
- Manamboara mofo ka zarao amin'ny mpifanolo-bodirindrina iray izany.
- Manampia amin'ny tetikasa hatao eo amin'ny manodidina anareo.
- Miaraha amin'ny marary na ny sembana ara-batana iray mba ho afaka hanao raharaha hafa ny mpikarakara azy.
- Mandraisa anjara amin'ny tetikasa atao ho an'ny fiarahamonina.
- Mifankahafantara amin'ny mpifanolo-bodirindrina iray izay vaovao ka tolory sakafo izy amin'izany. Ataovy izay hahatsapany fa mandray tsara azy ianareo.
- Mividiana enta-madinika ka zarao amin'ny fianakaviana sahirana izany.
- Omeo olona ny solomasonao efa tsy ampiasainao intsony.
- Manaova fampianarana Baiboly.
- Mitsidiha olona any amin'ny toeram-pitsaboana.
- Manomeza vola kely ho an'ny mpianatra iray mba hividianany sakafo.
- Manangona fitafiana ho an'ny sahirana. Azonareo atao ny manomboka ny fanangonana ao am-piangonanareo.
- Omeo olona ny solosainareo na ny fitaovana hafa toy izany.
- Omeo olona ny fiaranareo efa tranainy.
- Mikarakarà fampirantiana momba ny fahasalamana.
- Mandefasa karatra firarian-tsoa ho an'ny olona iray izay mpitokantokana.
- Manaova seminera na kaoferansa.
- Miantsoa an-telefaonina ny mpiray vadirindrina ka manontania ny fahasalamany.
- Omeo izay boky heverinao fa tiany ny olona iray.

- Mizarà trakta “GLOW”.
- Manasà olona izay manaiky an’i Jesôsy.
- Manomeza fampianarana mahandro sakafo.
- Tanteraho ilay “Tetikasa boky 28”. Manome boky iray ianao ao anatin’ny herinandro iray. Ny herinandro faharoa, boky roa. Ny herinandro fahatelo, boky telo. Tohizana hatrany izany mandra-pahatapitry ny boky 28.
- Mitondrà sakafo ho an’ny olona izay vao namoy hava-malala.
- Mitsidiha marary any amin’ny hôpitaly ka ampaherezo izy na ampio araka izay fahafaha-manaonareo.
- Mamakia boky ho an’ny zokiolona iray.
- Mitsidiha akany fitaizana zaza kamboty ka mangataha hanampy ny tompon’andraikitra.
- Manangàna vondrona mpampianatra zaitra na vim-bà mba hanamboarana fitafiana ho an’ny sahirana.
- Mamakia Baiboly ho an’izay tsy afaka manao izany na tsy mahita tsara.
- Miasà an-tsitrapo any amin’ny ivontoerana fiahiana ny olona iharan’ny herisetra.
- Manomeza boky ho an’ny akany na ivontoerana mikarakara ny ankizy tsy misy mpiahy.
- Ento mamangy any amin’ny akany fitaizana zokiolona ny ankizy ao ampiangonanareo. Asaivo manolotra fotoana manokana ho azy ireo izy.
- Manaova asa sôsialy fanadiovana eo amin’ny tanàna misy anareo ao anatin’ny iray andro.
- Manangàna fikambanana mikasika ny fahasalamana eo anivon’ny fiangonanareo. Asao hiditra amin’izany ny namana sy ny mpiray vodirindrina.
- Manasà olona hiara-mijery horonantsary ara-panahy aminareo. Eo am-pijerena izany, dia mivavaha mba hibitsika ao am-pon’izany olona izany ny Fanahy Masina.
- Mamolavolà tetikasa anao manokana.

Raha tianao ny hahafantatra fomba fijoroana ho vavolombelona misimisny kokoa, dia tsidiho ny [www.revivalandreform.org/resources/witnessing](http://www.revivalandreform.org/resources/witnessing)

## **FANANDRAMANA LALINA KOKOA**

### **FAMPIDIRANA**

Tonga soa eto amin'ny Folo Androm-bavaka 2019! Tena feno fankasitrahana isika satria afaka manomboka ity taona ity amin'ny vavaka. Nanao fahagagana maro Andriamanitra nandritra ireo taona lasa raha nitady Azy tamim-bavaka sy ny fifadiankanina isika. Nanatanteraka fifohazana sy fanovam-po, nanavao ny fitiavana miredareda ny hitory ny filazantsara, ary nanasitrana fifandraisana rava ny Fanahy Masina. Tena toerana ahaterahan'ny fifohazana tokoa ny vavaka! Mino izahay fa hiova ny fiainanao sy ny fiainan'ireo entinao am-bavaka raha mikambana amin'ny mambran'ny fiangonana namanao ianao, hivavaka mba hirotsahan'ny Fanahy Masina, izay nampanantenain'ny Ray fa homena ireo izay mangataka Aminy. Indreto misy fijoroana ho vavolombelona anankitelo monja avy amin'ireo izay nandray anjara tamin'ny Folo androm-bavaka teo aloha:

“Voatahy mihoatra noho izay noeritreretiko aho tamin'ny alalan'ny Folo Androm-bavaka. Namaly ny vavakay tao amin'ny fiangonanay atỳ Zimbabwe ny Tompo, ka misy firaisana ao amin'ny fiangonana ankehitriny. Tafakambana indray ny mpianakavy, ary vonona hanompo ny Tompo ny mambran'ny fiangonana.” - HOWARD, ZIMBABWE

“Tena voatahy ny fiangonana. Manontany avokoa ny ankamaroan'ny mambra raha toa ka afaka mamerina izany indray izahay. Milaza ny rehetra fa mahatsiaro ho akaiky kokoa an'Andriamanitra izy ireo, ary tena tsapa tokoa fa misy firaisana eo anivonay.” - GLENNY, any NEW YORK, ETAZONIA

“Tamin'ny alalan'ny vavaka dia sitrana ny marary, tafakambana indray ny mpianakavy efa nisara-bazana, teo foana ny fanantenana na dia tao anatin'ny fahafatesan'olon-tiana aza, ary nanolotra ny fiainany ho an'Andriamanitra indray ny olona. Manompo Andriamanitra velona isika! Tsy andrinay ny hahita izay efa nomaniny ao amin'ny trano firaketany ho anay amin'ity taona ity. Omem-boninahitra ny anarany!” - DERECK, AFRIKA ATSIMO

### **Lohahevitra ny Folo Androm-bavaka: Fanandramana lalindalina kokoa**

Mandritra ity Folo Androm-bavaka 2019 ity, dia hojerentsika ny fomba hananana fanandramana kristianina lalina sy mavesa-danja kokoa. Na mpino vaovao na mambran'ny fiangonana efa ela isika, dia samy mila fihaonana nohavaozina sy isan'andro amin'i Jesôsy avokoa. Ity andiany ity dia mirakitra lesona sarobidy ho an'ny fiainana, teny fikasana avy ao amin'ny Baiboly, ary teny mampahery avy ao amin'ny Fanahin'ny Faminaniana, mba hanamafisana ny fiarahantsika mandeha isan'andro amin'i Kristy.

Izao no vakintsika momba ireo mpino voalohany: *“Nilain’ireo mpino tany Korinto ny hanao fanandramana lalindalina kokoa ny amin’ny zavatr’Andriamanitra. Tsy mbola tena takatry ny sainy ny hevitra ny hoe mibanjina ny voninahitr’Andriamanitra sy tonga olom-baovao. Mbola vao ny taratra voalohany amin’ny fipoak’andro maraina fotsiny momba an’io voninahitra io no voarainy. Nirin’i Paoly ny hahafeno ny Korintiana amin’ny fahafenoan’Andriamanitra, sy ny hiezahany hahafantatra an’Ilay ho avy indray, izay efa eo am-piomanana hiseho toy ny tara-pahazavana mamirapiratra ny maraina; niriny ny hitohizan’ny fandraisan’ireo ny anatra avy amin’Andriamanitra, mba ho voataona ho eo amin’ny fahazavana feno ao amin’ny finoana tanteraka izy.”* – Vavolombelona Mahery, t. 269.

Mivavaka izahay mba hanampy antsika hikorokoro fifandraisana lalina sy ety amin’i Jesôsy ity fifantohana amin’ny vavaka ity, mandra-pahatongantsika “ho voataona ho eo amin’ny fahazavana feno ao amin’ny finoana tanteraka” sy hitaratra amin’ny fahafenoany ny toetrany be fitiavana.

## **SOSO-KEVITRA SY TOROMARIKA HO AMIN’NY FOTOAM-BAVAKA**

- Ataovy fohy mandrakariva ny vavakareo – fehezanteny iray na roa ihany momba ny lohahevitra iray. Rehefa izay dia avelao hanana ny anjarany indray ny hafa. Afaka mivavaka imbetsaka araka izay tianareo ianareo, tahaka ny hoe miresaka mihitsy.
- Aza matahotra ny fahanginana, satria manome fotoana ho an’ny tsirairay mba ihainoana ny Fanahy Masina izany.
- Fitahiana goavana koa ny fiarahana miredona hira araka izay itarihan’ny Fanahy. Tsy mila pianô ianareo ho amin’izany; mety tsara ny mihira tsy misy zava-maneno.
- Aza lanina amin’ny fifampitanisana ny antom-bavakareo ilay fotoam-bavaka sarobidy, fa avy hatrany dia ento amim-bavaka fotsiny izany. Rehefa izay dia afaka mitondra amim-bavaka ny fangatahanareo sy hitaky ny teny fikasana ho amin’izay mahasoana anareo koa ny hafa.

## **Mitaky ireo teny fikasana**

Nanome antsika teny fikasana maro Andriamanitra ao amin’ny teniny. Tombontsoa ho antsika ny mitaky azy ireny ao anatin’ny vavaka ataontsika. Teny fikasana koa ny didiny sy ny toroheviny rehetra. Tsy hangataka amintsika zavatra izay tsy azontsika tanterahina amin’ny heriny na oviana na oviana Izy.

Tena mora ny mifantoka amin’ny zavatra ilaintsika sy ny olantsika ary

ny fihainana lalovantsika – sy ny midradradra sy mitaraina momba ny zavatra iainantsika rehefa mivavaka isika. Tsy izany no tanjon'ny vavaka. Natao hampahatanjaka ny finoantsika ny vavaka. Izany no mahatonga anay hampirisika anareo hitaky ny teny fikasana avy amin'Andriamanitra eo amin'ny fotoam-bavakareo. Esory tsy ho eo amin'ny tenanareo sy ny fahalemenareo ny masonareo ka mijere an'i Jesôsy. Voaova hanana ny endriny isika rehefa mibanjina Azy. “Ho antsika ny teny fikasana tsirairay ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. Asehoy ao amin'ny vavakao ny tenim-pianianana nataon'i Jehôvah ka takio amim-pinoana ny teny fikasana nomeny. Ny teniny no manome antoka fa hahazo ireo fitahiana ara-panahy rehetra ianao raha mangataka izany amim-pinoana. Tohizo hatrany ny fangatahana, dia hahazo mihoatra lavitra noho izay angatahinao na heverinao aza ianao” - In Heavenly Places, t. 71. Ahoana no ahafahana mitaky ny teny fikasana nomeny? Ohatra, rehefa mangataka fiadanana ianareo, dia azonareo takina ny Jao. 14:27 ka lazao hoe: “Tompo ô, nilaza taminay ianao ao amin'ny teninao hoe: *‘Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen'izao tontolo izao no fanomeko anareo.’* Omeo anay ny fiadanana nampanantenainao fa havelanao ho anay.” Misaora ny Tompo fa manome anareo ny fiadanany izy, na dia mety tsy tsapanareo avy hatrany aza izany.

Misy teny fikasana mifandraika manokana amin'ny lohahevitra nampidirina ao amin'ny lahatsoratra hatao isan-kariva.

## **Fifadian-kanina**

Mampirisika anao izahay hanao fifadian-kanina toy izay nataon'i Daniela, mandritra ny folo andro. Fomba iray lehibe hanolorana ny fiainana ho an'Andriamanitra ho an'ny taona vao mitsidika ny fanombohana izany amin'ny vavaka sy fifadian-kanina. Iza no ambaran'i Ellen White amintsika: “Amin'izao fotoana izao sy mandra-pahatonga ny fiafaran'izao tontolo izao, ny vahoakan'Andriamanitra dia tokony ho mahatoky kokoa, ho malina kokoa ka tsy hitoky amin'ny fahendreny manokana fa amin'ny fahendren'ilay Mpitarika azy. Tokony hanokana andro hifadiana hanina sy hivavahana izy ireo. Tsy voatery hifady hanina tanteraka izy ireo saingy sakafo tsotra indrindra no tokony hohaniny.” - Counsels on Diet and Foods, tt. 188, 189.

Fantatsika ny tantaran'i Daniela izay nihinana voankazo sy zava-maniry mandritra ny folo andro. Ampirisihinay koa ianao mba hihinana sakafo tsotra mandritra ity folo andro ity. Mitondra soa ho antsika amin'ny lafiny maro ny sakafo tsotra lavitry ny siramamy sy ny sakafo voahodina sy voaova ary ny zava-pisotro toy ny “soda”. Voalohany, ny fihinanana sakafo tsotra dia tsy mandany fotoana ela amin'ny fikarakarana izany ka hananana fotoana bebe kokoa iarahana amin'Andriamanitra. Faharoa, arakaraka

ny maha-tsotra ny sakafo hanintsika no maha-mora kokoa ny fandevonan-kanina ao amin'ny vavony, ka hampahazava kokoa ny saintsika. Isika rehetra dia mahalala fa manarona ny faritra aloha amin'ny atidoha, ivon'ny fieritreretantsika ny siramamy. Raha te hanana atidoha matsilo kokoa amin'ny fandrenesana ny feon'Andriamanitra isika, ary raha te hanatona Azy bebe kokoa dia ilaintsika ny mahazo antoka fa tsy manakana antsika amin'izany ny sakafo hanintsika.

Tsy ny tsy fihinanana sakafo ihany no voakasiky ny fifadian-kanina; mampirisika anao izahay mba hifady koa ny fahitalavitra, ny horonantsarimihetsika, ny lalao amin'ny solosaina, ary na ny "Facebook" sy ny "Youtube" koa aza. Indraindray ny zavatra izay toa tsy misy maharatsy azy, tahaka ny "Facebook" sy ny "Youtube", no maka ny ankamaroan'ny fotoantsika. Avelao avokoa izay azo avela rehetra mba hanananao fotoana betsaka kokoa hiarahana amin'Andriamanitra.

Tsyhoefombahaingana indrindra hahazoana fahagagana avy amin'Andriamanitra ny fifadian-kanina, fa fanetrena ny tenantsika mba hahafahan'Andriamanitra miasa ao anatintsika sy amin'ny alalantsika. "Ampirihina ary mety indrindra ny fifadian-kanina arahim-bavaka amin'ny toe-javatra sasany. Fomba fanadiovana ny fo izany eo antanan'Andriamanitra ary mahatonga ny saina hatsilo kokoa. Mahazo valim-bavaka isika satria manetry tena eo anatrehan'Andriamanitra." - Medical Ministry, t. 283

Andeha isika hanetry tena eo anatrehan'Andriamanitra ary hitady Azy amin'ny fontsika sy ny saintsika ary ny herintsika rehetra. Andeha hanatona Azy bebe kokoa amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fifadian-kanina, dia hanatona antsika bebe kokoa izy.

## **Ny Fanahy Masina**

Ataovy azo antoka fa nangataka ny Fanahy Masina ianao mba haneho aminay fa tokony hivavaka ho an'ny lafiny iray amin'ny fiainan'ny olona iray ianao, na amin'ny toe-javatra manokana iray. Milaza amintsika ny Baiboly fa tsy haintsika izay vavaka hotononina fa ny Fanahy Masina no manao fanelanelanana ho antsika.

*"Tsy hoe tsy maintsy mivavaka fotsiny amin'ny anaran'i Kristy isika, fa amin'ny fibitsihan'ny Fanahy Masina koa. Izany dia manazava ny dikan'izay voalaza hoe: 'Ny Fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina' Mahafaly an'Andriamanitra ny mamaly fivavahana toy izany. Rehefa manonona vavaka amin'ny anaran'i Kristy amin-kafanam-po sy amin-kery isika, dia ao amin'io hery io indrindra no misy antoka avy amin'Andriamanitra fa hamaly ny fivavahantsika izy, 'mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza'" - Henoinareo ny Fanoharana, tt. 141, 142*

## Ny finoana

Izao no hitantsika ao amin'ny Fanahin'ny Faminaniana: “Ny fivavahana sy ny finoana dia hanao izay tsy azon'ny fahefana na iza na iza eto an-tany tanterahina” - The Ministry of healing, t. 509. Ampirisihina koa isika mba hivavaka sy hino fa efa nandre ny vavaka nataontsika Andriamanitra ary hamaly izany.

“Izao no nolazain'i Kristy: 'Mangataha, dia homena ianareo'. Manome torolalana ho antsika i Kristy ao amin'ireo teny ireo fa tokony hivavaka isika. Tokony hanatona ny Raintsika any an-danitra isika amin'ny fahatsorana tahaka ny an'ny zaza, mangataka Aminy ny fanomezan'ny Fanahy Masina. Mbola nanampy i Jesôsy hoe: 'Ary na inona na inona no angatahinareo amin'ny fivavahana atao amin'ny finoana dia ho azonareo.' Tokony hanatona ny Ray amin'ny fibebahana sy fiaiken-keloka ianareo, manaisotra ny fahotana rehetra sy ny fahalotoana ao amin'ny fanahy, ary tombontsoa lehibe ho anao ny manaporofy ny teny fikasan'Andriamanitra (...) Mila mino ny tenin'Andriamanitra isika satria ny fisedrana ny toetsika dia hita ao amin'ny fiorenantsika ao amin'ny finoana masina indrindra. Ny teniny no isedran'Andriamanitra anao. Tsy tokony hiandry fientanampo mahafinaritra ianao vao hino fa nandre anao Andriamanitra; tsy tokony ho fepetra apetrakao ny fihetsehampo satria ny fientanampo dia miovaova tahaka ny rahona. (...) Azontsika atao ny mahazo ny fanampian'ny lanitra eto an-tany. (...) Fa efa nizaha toetra an'Andriamanitra in'arivony maro aho. Handeha amin'ny finoana aho, tsy hanala baraka ny Mpamonjy ahy amin'ny tsy finoana.” - Review and Herald, 11 Oktôbra 1892, par. 1, 3, 6.

Efa nambara tamintsika koa fa “azontsika angatahina avokoa ny fanomezana nampanantenainy rehetra; koa tokony hino isika fa efa nandray izany ary misaotra an'Andriamanitra noho ny amin'izay noraisintsika.” - Education, t. 258. Ka aoka ho fahazarana ny misaotra an'Andriamanitra mialoha amin'ny alalan'ny finoana ny amin'izay hataony sy ny fomba hamaliany ny vavaka ataontsika.

## Mivavaha ho an'olona fito

Mampirisika anao izahay mba hivavaka amin'ny fomba miavaka mandritra ny folo andro ho an'ireo olona fito izay tianao hahita fanandramana amin'ny fananana “fiainana feno kokoa”. Mety ho isan'ny fianakaviana izany, namana, mpiara-miasa, mpiray vodirindrina, na olom-pantatra tsotra. Manokàna fotoana fohy ary angataho Andriamanitra ny amin'izay olona tiany hoentinao am-bavaka. Angataho koa lzy mba hanaovanao ezaka ho an'ireo olona ireo. Soraty amin'ny taratasy kely ireo anarana ireo ary apetraho amin'ny toerana mora ahitana azy; ao anaty Baiboly ohatra. Misy zavamahagaga tokoa amin'ny fanoratana ireo anarana ireo; ho talanjona ianao ny amin'ny fomba hiasan'Andriamanitra amin'ny famaliana ny vavaka ataonao!



## **FANANDRAMANA LALINA KOKOA**

### **ALIM-BAVAKA: FIVORIAN'ALIM-BAVAKA HO AN'NY ANDRO FAHAFOLO (TSY VOATERY)**

Nahoana no asiana alim-bavaka?

Tsy misy zavatra “masina” amin’ny fomba manokana amin’ny tsy fatoriana sy fivavahana mandritra nyalina iray manontolo na mandritra ny ampaham-potoana amin’ny alina. Ny alina anefa no mety ho fotoana tokana tsy mahaseriny na mampirotoroto ny olona. Mino izahay fa ny tanjonareo dia tsy ny hoe tsy hatory mandritra ny alina iray manontolo fa ny hivavaka araka izay ilaina ary mandra-pitondranareo amim-bavaka ny zavatra rehetra tsapanareo fa irin’Andriamanitra hoentinareo amim-bavaka.

Manoso-kevitra izahay ny mba hisian’ny olona maro hitarika ny fotoana mandritra io alina io. Aoka ho azo antoka fa misy fakan-drivotra. Amin’ny maha-mpitarika anao, dia ho tsapanao ny rivo-piainana misy, ary ho tsapanao ny fotoana ilàna fakan-drivotra, ary ny fotoana tokony hidirana amin’ny fotoam-bavaka manaraka. Manoso-kevitra izahay ny mba hanaovanareo fakan-drivotra folo minitra, fara faharatsiny isaky ny sivifolo minitra. Azonareo ampidirina mandritra ny fotoam-bavakareo koa ny famakiana teny avy ao amin’ny Baiboly. Mety ho tianareo ny hanatanteraka ny zavatra rehetra aroso ato na ny sasany amin’izany ihany, arakaraka izay mety indrindra amin’ny fiangonanareo.

Azo atao tsara ny manova ny filaharan’ireto zavatra aroso ireto. Indro ny drafitra arosanay momba ny alim-bavaka:

- Atombohy amin’ny fotoam-bavaka. Miderà an’Andriamanitra ao anatin’ny vavakareo sy amin’ny alalan’ny hira.
- Manokàna fotoana ho amin’ny fiaiken-keloka, ka ataovy azo antoka tsara fa tsy misy zavatra manakana an’Andriamanitra tsy hihaino anareo. Omeo fotoana ny olona hanaovany fiaiken-keloka amin’ny mangingina ary asio fotoana ho amin’ny fiaiken-keloky ny besinimaro. Ampirisiho ny olona hiaiky ao amin’ny mangingina ny heloka vita tao amin’ny mangingina, sy hiaiky ampahibemaso ny heloka vita ampahibemaso. Mamaky ny momba an’i Daniela isika ao amin’ny Dan. 9:1-19, izay nanelanelana sy niaiky ampahibemaso ny fahotan’ny vahoakan’Andriamanitra. Ampirisiho ny olona hiaiky ampahibemaso ny fahotan’ny fiangonana.
- Ento amim-bavaka ny zavatra ilain’ny olona tonga manatrika ny fivoriam-bavaka. Olona tena maro no maratra am-po na mila vavaka na mahafantatra

olon-kafa izay tena mila vavaka. Manaova faribolana, asio seza eo afovoany, ary asao ireo izay manana antom-bavaka manokana handroso tsirairay ka hizara ny antom-bavany. Rehefa izay dia mivondròna manodidina ilay olona, dia asio olona roa na telo hitondra am-bavaka ny zavatra manokana ilain'ilay olona sy hitaky ny teny fikasan'Andriamanitra ho azy. Ho gaga ianao hahita fa olona maro no maratra am-po na mila vavaka.

- Zrao ho vondrona anankiroa ny fiangonana. Asaivo mivavaka ao amin'ny efitrano iray ny vehivavy ary ao amin'ny efitrano iray hafa ny lehilahy. Asio mpitarika vehivavy ho an'ny vondrom-behivavy ary mpitarika lehilahy ho an'ny vondron-dehilahy. Misy zavatra ilaina manokana maro izay tsy azo ary tsy tokony hotantaraina amin'ny olona rehetra. Mora kokoa anefa ny mitantara izany amin'ny olona mitovy aminao (lehilahy samy lehilahy, vehivavy samy vehivavy).
- Rehefa samy tafaverina ianareo rehetra, dia mivavaha ho an'ny lisitry ny antom-bavaka hita etsy ambany. Soso-kevitry'antom-bavaka avy amin'ny fiangonana maneran-tany izy ireto. Aza mieritreritra ianareo fa tsy maintsy vitaina haingana ilay lisitra iray manontolo. Mety ho tianareo ny hizara ho tarika madinika ka hivavaka ho an'ny ampahany amin'ilay lisitra ny tarika tsirairay.
- Mivavaha ho an'ireo olona fito nentin'ny tsirairay amim-bavaka nandritra izay Folo Androm-bavaka izay.
- Mifidiana andalan-teny ao amin'ny Baiboly ka mivavaha araka izany.
- Farano amin'ny fotoam-piderana sy fisaorana indray ny vavaka.

### **Antom-bavaka**

- Tahio ireo hetsika ana hetsiny hotanterahina manerana izao tontolo izao amin'ity taona 2019 ity, ho fanatrarana ny any ivelany. Mivavaka amin'ny fomba manokana izahay ho an'ny ezaka fitoriana ny filazantsara, “Mambra Rehetra Mandray Anjara”, any Inde, amin'ny Jona 2019, sy any Papouasie-Nouvelle-Guinée, amin'ny May 2020.
- Mivavaka izahay ho an'ireo mambra advantista izay miaritra fanenjehana na fanagadrana noho ny finoany.
- Mivavaka izahay mba hisian'ny fifohazana ara-panahy eo anivon'ny tanora advantista mianatra any amin'ireo sekoly ambaratonga ambony sy Oniversite manerana izao tontolo izao. Enga anie ka ho lasa ambasadaoron'i Kristy mavitrika izy ireo.

- Mivavaka izahay ho an'ireo 69 isan-jaton'ny mponin'ny tany izay tsy mbola nahazo fanehoana mazava an'i Jesôsy.
- Mivavaka izahay ho an'ireo olona miisa 62 tapitrisa izay monina any amin'ireo tanàna valo amby roapolo mikatona indrindra amin'ny filazantsara ao amin'ny Union Soviétique taloha (Diviziona Eorôpa-Azia).
- Mivavaka izahay mba hananganan'Andriamanitra misiônera vonona ny hiasa eo anivon'ireo vondron'olona miisa 746 any amin'ireo firenena roapolo any Moyen Orient.
- Mivavaka izahay ho an'ny Hetsika Misiônera 1000 any amin'ny Diviziona Avaratr'i Azia-Pasifika sy ny Diviziona Atsimon'i Azia-Pasifika. Raha manompo any amin'ny firenena tahaka an'i Taïwan, Chine, Russie, ary Birmanie ireo tanora ireo, dia enga anie izy ireo ka hatao batisa amin'ny Fanahy Masina sy hahazo hery mba hamitany ny asan'Andriamanitra.
- Mivavaka izahay mba hiara-mirona amin-kery ny Advantista raha hanompo an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fitiavana ny hafa sy ny fitoriana ny filazantsara amin'ny olona hafa kolontsaina sy antokom-pivavahana.
- Mangataka izahay ny mba hananganana mpianatra "vaudois" amin'izao vanin'andro môderina izao, izay vonona ny hanompo Anao any amin'ireo toerana sarotra iasana.
- Mivavaka izahay ho an'ireo olona 202 tapitrisa any amin'ireo tanàna 41 mikatona indrindra amin'ny filazantsara any amin'ny Diviziona Atsimon'i Azia-Pasifika, mba hahafantaran'izy ireo an'i Jesôsy.
- Mivavaka izahay ho an'ny Departemantan'ny Sekoly Sabata sy ny Asa Fitoriana ao amin'ny fiangonana tsirairay raha mikatsaka ny fikasan'Andriamanitra, sy manatratra ny fiarahamoniny amin'ny fanompoam-pitiavana, fampianarana Baiboly, ary fijoroan'ny tena manokana ho vavolombelona izy ireo.
- Mivavaka izahay ho an'ny ADRA raha manolotra izay ilain'ny olona amin'ny andavanandro maneran-tany izy ireo.
- Mivavaka izahay ho an'ireo olona 16 tapitrisa any amin'ireo tanàna mikatona indrindra amin'ny filazantsara any amin'ny Diviziona Pasifika Atsimo. Mivavaka izahay ny mba hisian'ny batisan'ny Fanahy Masina isan'andro eo amin'ny mambra raha manatratra amim-pitiavana ireo mbola tsy nandray ny filazantsara izy ireo.

- Mivavaka izahay ny mba hanampian'ny Fanahy Masina anay hahay hanatratra ireo olona 406 tapitrisa any amin'ireo tanàna 105 mikatona indrindra amin'ny filazantsara, any amin'ny Diviziona Avaratr'i Azia-Pasifika.
- Mitalaho Aminao izahay ny mba hitahiana ny Sampana "Aumônerie" raha manetsika ireo "aumôniers" sy ireo mambra liana mba hiasa any amin'ireo voafonja izany sampana izany.
- Tompo ô, mahatsiaro ireo mpampianatry ny Sekoly Sabata izahay. Ampio izy ireo hahalala fa tena zava-dehibe ho an'ny zanakay ny asan'izy ireny.
- Tompo ô, mangataka ny fitarihanao izahay eo amin'ireo ivontoeran'ny fanantenana maro, eo amin'ireo fandaharana momba ny fahasalamana sy ny fianakaviana, ary eo amin'ireo klioban'ny Mpisavalalana maneran-tany.
- Mivavaka izahay mba hisy tanora betsaka hatrany hatrany hirotsaka an-tsehatra eo amin'ny Iraka any amin'ireo Tanàn-dehibe.
- Mivavaka izahay mba hanampiana anay hitia sy hamahana ireo mambra vaovao.
- Tompo ô, mba aseho anay ny fomba hampielezana boky mirakitra ny fahamarinana maro kokoa (vita pirinty sy elektrônika) amin'ireo manodidina anay. Mivavaka izahay mba hamakian'ny olona izany sy handresen'ny Fanahy Masina lahatra azy ireo amin'ny fahamarinana ao amin'ny Baiboly.
- Tompo ô, mangataka ny fiarovanao ho amin'ireo misiônera miasa any amin'ny toerana mampidi-doza izahay.
- Mitalaho Aminao izahay mba hanangana mpampielezy boky evanjelitra, mpianatra mpirotsaka an-tsitrapo, mpanoratra, matihanina momba ny haino aman-jery, ary mpanohana ara-bola mba hampielezy ny tenim-panantenana sy fiainana.
- Mivavaka izahay ho an'ireo sekoly advantista 8208 izay ahitana mpianatra eo ho eo amin'ny roa tapitrisa. Enga anie ireo sekoly ireo ka hampianatra mandrakariva ny fahamarinana ao amin'ny Baiboly sy hitarika ny tanora ho amin'ny iraka sy ny fanompoana.
- Tompo ô, omeo fahendrena izahay mba hanatratra ireo kolontsaina lahika tsy mba liana amin'ny fivavahana. Aoka ny Fanahinao Masina handrava ny rindrina manodidina ny fo tsy liana amin'ny fivavahana.

- Mivavaka ho an'ireo vondron'olona mbola tsy nitoriana ny filazantsara any Azia izahay, ao anatin'izany ny Silamo sy ny Bodista ary ny Hindou. Maro amin'izy ireo no mbola tsy nandre ny anaran'i Jesôsy. Omeo fahendrena miavaka izahay mba hanomezanay izay ilainy.
- Tahio izahay raha hanatratra ireo olona voagejan'ny fanompoana fanahy sy ny fanompoan-tsampy ary ny finoana sy ny fanompoana zavaboary. Ampio izahay hahatakatra ny fomba fijereny sy hampahafantatra azy ireo ilay Mpamonjy manokana.
- Tompo ô, taomy ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito manerana izao tontolo izao mba hivavaka mihoatra noho izay natao tamin'ny lasa rehetra. Enga anie izahay ka hiara-mitalaho ny hirotsahan'ny ranonorana farany amin'ny Fanahy Masina. Mangataka Aminao izahay ny mba hahatanterahan'ny Joe. 2 sy Hos. 6 ary ny Asa. 2, araka izay efa nampanantenainao.
- Mivavaka izahay ho an'ireo vondron'olona 541 any amin'ireo firenena 18 ao amin'ny Diviziona Atsimon'i Afrika sy Ranomasimbe Indianina. Miangavy Anao izahay mba hitarika azy ireo ho eo amin'ny fahamarinana ao amin'ny Baiboly.
- Asehoy anay ny fomba anomezana ny zavatra ilain'ireo mpitsoa-ponenana eo amin'ny lafiny ara-batana sy ara-panahy. Enga anie ny fiangonanay ka ho fantatra noho ny fitiavanay ny olona rehetra, na iza izany na iza ary na avy aiza na avy aiza.
- Enga anie izahay ka hitory amim-pahatokiana sy amin'ny fahafenoany ny hafatry ny anjely telo ao amin'ny Apôk. 14. Enga anie izahay ka hampifantoka ny fampianaranay rehetra eo amin'ny fitiavana sy ny fahamarinan'i Kristy.
- Mangataka Anao izahay mba hanangana misiônera an-drenivohitra mba hanorina fiangonana ho an'ireo vondron'olona 806 any amin'ireo firenena roapolo ao amin'ny Diviziona Inter-Eorôpeanina.
- Mitalaho Aminao izahay mba hanangana tafika mpiasa mba hanorina fiangonana ho an'ireo vondron'olona 948 any amin'ireo firenena valo amby telopolo ao amin'ny Diviziona Inter-Amerikanina.
- Ampianaro anay ny fomba hitoriana ireo foto-pinoan'ny fiangonana amin'ny fomba mazava sy tia karokaroka ary araka ny Baiboly. Enga anie ka ny fitiavan'i Kristy no ho ivon'ny zavatra rehetra inoanay.
- Mangataka Anao izahay mba hanomana tanora hanangana fiangonana ho an'ireo vondron'olona 789 any amin'ireo firenena sivy ao amin'ny Diviziona Avaratr'i Amerika.

- Mangataka Anao izahay mba hanomana mpirotsaka an-tsitrapo mba hanompo ireo vondron'olona fitopolo ao amin'ny Sahan'i Isiraely.
- Mangataka Anao izahay mba hanangana misiônera ara-pahasalamana mba hanorina fiangonana eo amin'ireo vondron'olona 830 any amin'ireo firenena iraika ambin'ny folo ao amin'ny Diviziona Afrika Afovoany-Atsinanana.
- Mangataka Anao izahay mba hanangana miaramilam-bavaka mba hivavaka ho an'ireo vondron'olona 2568 any amin'ireo firenena efatra ao amin'ny Diviziona Atsimon'i Azia. Mahatsiaro amin'ny fomba manokana ny Hope TV any Inde sy ny Asian Aid School ho an'ny Jamba izahay.
- Mivavaka izahay ho an'ny asan'ireo trano pirinty ao amin'ny Diviziona Atsimon'i Azia-Pasifika.
- Mivavaka izahay mba hanao araka izay nampanantenainao ao amin'ny Sal. 32:8 lanao, ka hitarika sy hanolo-tsaina anay raha manatanteraka ny fanamby eo amin'ny fanatrarana ny any ivelany aorian'ny Folo androm-bavaka izahay.
- Mitalaho Aminao izahay mba hanehoan'ny ankohonanay ny fitiavanao ao an-tokantranonay sy amin'ny manodidina anay. Mangataka Anao izahay mba hitondra firindrana ao an-tokantranonay, hanasitrana ny fifandraisana rava, hiaro ireo olona marefo amin'ny fanararaotana, ary haneho ny herinao manamasina ao anatin'ny toe-javatra toa tsy misy antenaina.
- Enga anie ny mambran'ny fiangonanay sy ny mpitandrina ary ireo mpitarika maneran-tany mba hivoky amin'ny Tenin'Andriamanitra isan'andro. Enga anie ka hitady Anao isan'andro amin'ny alalan'ny vavaka manokana koa izahay. Ampahatsiahivo anay mandrakariva fa tsy mahefa na inona na inona izahay raha tsy eo lanao.
- Mangataka Anao izahay mba hanangana mpitsabo mpanampy sy mpitsabo mba hanorina fiangonana vaovao eo amin'ireo vondron'olona 1978 any amin'ireo firenena roa amby roapolo ao amin'ny Diviziona Afrika Afovoany-Andrefana.
- Mivavaka izahay ho an'ireo olona 49 tapitrisa any amin'ireo tanàna 19 mikatona indrindra amin'ny filazantsara ao amin'ny Diviziona Trans-Eorôpeanina.
- Mivavaka ho an'ny zanakay izahay. Miangavy Anao mba hanome hery azy ireny mba hijoroany amim-pahasahiana ho Anao rehefa miatrika sakana sy faneriterena izy ireo. Ampio izy ireo mba hanao safidy feno fahendrena sy hijoro ho an'ny fahamarinana (Isa. 44:3,4).
- Ampianaro izahay hanaraka ny ohatra tsy misy fitiavan-tena nasehon'i Kristy, amin'ny alalan'ny fanomezana izay ilain'ny olona manodidina anay isan'andro.

Omeo anay ny fitaovana ilaina mba hanompoanay amin'ny maha-misiônera ara-pahasalamana, sy mpirotsaka an-tsitrapo eo amin'ny fiarahamonina, ary namana ho an'ny sahirana.

- Tompo ô, enga anie ka hisy fifohazana matanjaka ahitana toe-panahy araka an'Andriamanitra fahita tany am-piandohana mba hanadio ny fiangonanao amin'ny andro farany. Enga anie izahay ka hijoro amin'ny fahamarinana na dia hikoro aza ny tany sy ny lanitra.
- Tompo ô, aseho anay ny fomba hitoriana ny filazantsara amin'ny Silamo. Mivavaka izahay mba hihainoan'izy ireo sy hamaliany ny fanomezanao ny fahasoavana.
- Mivavaka izahay ho an'ireo voan'ny fahamarinana nafafy tany Japon nandritra ny hetsika "Mambra Rehetra Mandray Anjara" ho fanatrarana ny any ivelany tamin'ny herintaona. Miangavy Anao izahay mba handefa mpiasa hiasa sy hivavaka any Japon.

## **FANANDRAMANA LALINA KOKOA**

### **TENY FIKASANA TAKINA MANDRITRA NY VAVAKA**

Maro ireo teny fikasana omen'Andriamanitra antsika eto amin'izao tontolo izao. Tombony ho antsika ny mitaky izany teny fikasana izany ao anatin'ny vavaka. Ny didiny sy ny toroheviny rehetra dia teny fikasana ihany koa. Tsy hangataka velively izay zavatra tsy ho vitantsika amin'ny alalan'ny heriny Andriamanitra.

Mora dia mora tokoa ny mifantoka amin'ireo zava-manahirana antsika, ny olantsika ary ny fihaikana manoloana antsika, mora amintsika ny mifendrofendro sy ny mitaraina ny amin'izay manjo antsika rehefa mivavaka isika. Tsy izany no tanjon'ny vavaka ataontsika. Ny vavaka dia natao hanatanjaka ny finoantsika. Izany no antony hampirisanay anareo hitaky ny teny fikan'Andriamanitra mandritra ny fotoambavaka. Esory tsy hifantoka amin'ny tenanao sy ny fahalemenao ny masonao ka banjino i Jesôsy. Rehefa lzy no banjinina, dia hiova araka ny endriny isika.

"Natao ho antsika ny teny fikasana rehetra ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. Ao amin'ny vavaka atao, dia ento ny teny fianianan'i Jehovah ka takio amim-pinoana ny teny fikasany. Ny teniny dia toky fa raha mangataka amin'ny finoana ianareo, dia handray ny fitahiam-panahy rehetra. Tohizo hatrany ny fangatahana fa handray mihoatra lavitra noho izay nangatahinareo na noheverinareo ianareo" – In Heavenly Places, t. 71.

Ahoana no fomba fitakiana ny teny fikasany? Ohatra, raha mangataka momba ny fiadanana, dia azonao takina ny Jao. 14:27 sady milaza izao: "Tompo ô, hoy ny

voalazanao tao amin'ny Teninao hoe: *'Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen'izao tontolo izao no fanomeko anareo. Aza matahotra na malahelo ny fonareo'* Omeo ahy izany fiadanana efa nampanantenainao fa havelanao ho anay izany". Isaory Andriamanitra fa homeny anao izany fiadanana izany na dia mety tsy ho tsapanao avy hatrany sy eo amin'io toerana io aza izany.

### **Teny fikasana momba ny Fanahy Masina**

*"Mangataha ranonorana amin'i Jehovah hianareo amin'ny andro fara-orana, dia amin'i Jehovah, Izay manao ny helatra; Ranonorana mivatratra no homeny azy, eny, samy homeny ny zava-maitso any an-tsaha ireny"* – Zak. 10:1

*"Koa raha hianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy?"* – Lio. 11:13

*"Fa ny Mpananatra, dia ny Fanahy Masina, Izay hirahin'ny Ray amin'ny anarako, Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra sy hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra izay nolazaiko taminareo (...) Ary raha tonga Izy, dia hampiaiky izao tontolo izao ny fahotana sy ny fahamarinana ary ny fitsarana"* – Jao. 14:26; 16:8

*"Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mino Ahy, ny asa ataoko no hataony koa; ary hanao asa lehibe noho izany aza izy, satria Izaho mankany amin'ny Ray. Ary na inona na inona no hangatahinareo amin'ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin'ny Zanaka. Raha mangataka zavatra amiko amin'ny anarako hanareo, dia hataoko izany."* – Jao. 14:12-14

*"Dia namaly izy ka nanao tamiko hoe: Izao no tenin'i Jehovah amin'i Zerobabela: Tsy amin-kery na amim-pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiko, hoy Jehovah, Tompon'ny maro"* - Zak. 4:6

### **Teny fikasana momba ny valim-bavaka omen'Andriamanitra**

*"Raha miray amiko hianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany"* – Jao. 15:7

*"Koa aoka isika hanatona ny seza fiandrianan'ny fahasavana amin'ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindrampo sy hahitantsika fahasavana ho famonjena amin'izay andro mahory"* - Heb. 4:16

*"Koa lazaiko aminareo: Na inona na inona tononinareo amin'ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray hianareo, dia ho azonareo izany"* – Mar. 11:24

*"Antsoy Aho amin'ny andro fahoriana, dia hamonjy anao Aho, ka hanome voninahitra Ahy hianao"* - Sal. 50:15



*“Ary lazaiko aminareo koa: Raha misy roa aminareo mifanaiky etý ambonin’ny tany na amin’inona na amin’inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin’ny Raiko Izay any an-danitra izany” - Mat. 18:19*

*“Ary na inona na inona no angatahinareo amin’ny fivavahana atao amin’ny finoana dia ho azonareo” - Mat. 21:22*

*“Ary na inona na inona no hangatahinareo amin’ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin’ny Zanaka. Raha mangataka zavatra amiko amin’ny anarako hanareo, dia hataoko izany.” - Jao. 14:13,14*

*“Ary amin’izany andro izany dia tsy hanontany Ahy na inona na inona hianareo; lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa na inona na inona hangatahinareo amin’ny Ray dia homeny anareo amin’ny anarako izany.” - Jao. 16:23,24*

*“Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany: Raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika, dia mihaino antsika Izy” - 1 Jao. 5:14,15*

## **Teny fikasana momba ny herin’Andriamanitra**

*“Fa moa misy zavatra mahagaga izay tsy hain’i Jehovah va? Amin’ny fotoan’andro raha avy ny taona toy izao dia hiverina aminao Aho, ary Saraha hanana zazalahy” - Gen. 18:14*

*“Jehovah hiady ho anareo, fa hianareo kosa hangina” - Eks. 14:14*

*“Fa Jesosy nijery azy ka nanao hoe: Raha amin’ny olona dia zavatra tsy hainy izany; fa tsy mba tahaka izany amin’Andriamanitra; fa ny zavatra rehetra dia hain’Andriamanitra” - Mar. 10:27*

*“Mahatoky Izay miantso anareo, sady Izy no hanefa izany” - 1 Tes. 5:24*

*“Fantatro fa hainao avokoa ny zavatra rehetra, ary tsy azo ferana ny fisainanao” - Jôba 42:2*

*“Inona ary no holazaintsika ny amin’izany zavatra izany? Raha Andriamanitra no momba antsika, iza no hahatohitra antsika?” - Rôm. 8:31,32*

*“Andriamanitra tsy mba olona ka handaingana, na zanak’olombelona ka hanenina; Moa efa nilaza va Izy, ka tsy hefainy? Na efa niteny va Izy, ka tsy hotoviny?” - Nom. 23:19*

*“Tsy fantatrao va? Tsy efa renao va fa Andriamanitra mandrakizay Jehovah, izay namorona ny faran’ny tany? Tsy mba mety ho reraka na sasatra Izy; Tsy takatry ny saina ny fahalalany. Mampahatanjaka ny reraka Izy, ary izay kely hery dia omeny hery be. Na dia ny tanora fanahy aza dia ho reraka sy ho sasatra, ary na dia ny zatovo aza dia mety ho tafintohina mafy; Fa izay miandry an’i Jehovah dia mandroso hery kosa; Elatra*

*no hiakarany tahaka ny voromahery; Hihazakazaka izy, nefa tsy ho sasatra; Handeha izy, nefa tsy ho reraka” - Isa. 40:28-31*

### **Teny fikasana momba ny fitarihan’Andriamanitra**

*“Tsy efa nandidy anao va Aho? Koa mahereza sy mahatanjaha; aza matahotra na mivadi-po, fa momba anao Jehovah Andriamanitrao amin’izay rehetra alehanao.” – Jos. 1:9*

*“Ary, indro, Izaho momba anao ka hiaro anao amin’izay làlan-kalehanao rehetra ary hampody anao indray ho amin’ity tany ity; fa tsy handao anao Aho mandrapanaoko izay voalazako taminao.” – Gen. 28:15*

*“Indro, Izaho maniraka Anjely eo alohanao hiaro anao any an-dàlana sy hitondra anao ho any amin’ny fitoerana izay namboariko.” – Eks. 23:20*

*“Kanefa any hianao no hitady an’i Jehovah Andriamanitrao ka hahita Azy, raha mitady Azy amin’ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra.” – Deo. 4:29*

*“Antsoy Aho, dia hovaliako hianao ka hampisehoako zavatra lehibe sy saropantarina izay tsy fantatrao.” – Jer. 33:3*

*“Aoka hasandratra ny lohasaha rehetra, aoka haetry ny tendrombohitra sy ny havoana rehetra; aoka ny be havoana ho tonga lembalemba, ary ny tany saro-dàlana ho tonga lemaka.” – Isa. 40:4,5*

*“Hanome saina anao sy hampianatra anao izay làlan-kalehanao Aho; hitsinjo anao ny masoko ka hanolo-tsaina anao Aho.” – Sal. 32:8*

*“Ary Jehovah no mandeha eo alohanao; ary lzy no hiaraka aminao; tsy handao anao na hahafoy anao lzy; koa aza matahotra na mivadi-po hianao.” – Deo. 31:8*

*“Iza no lehilahy matahotra an’i Jehovah? lzy no hampianariny izay làlana tokony hofidiny.” – Sal. 25:12*

*“Matokia an’i Jehovah amin’ny fonao rehetra, fa aza miankina amin’ny fahalalanao; maneke Azy amin’ny alehanao rehetra, fa lzy handamina ny làlanao.” – Ohab. 3:5,6*

*“Ary afoinao ho an’ny noana izay hanina tianao, ka mahavoky ny ory hianao, dia hiposaka ao amin’ny maizina ny fahazavanao, ary ny aizim-pitonao ho tahaka ny mitataovovonana.” – Isa. 58:10,11*

*“Raha tsy mbola miantso aza izy dia hamaly Aho; ary raha mbola miteny izy, dia hihaino Aho.” – Isa. 65:24*

**Teny fikasana ho an'ny fo voaova**

*“Ary homeko fo hahalalany Ahy ho Jehovah izy; dia ho oloko izy, ary Izaho kosa ho Andriamaniny; fa hiverina amiko amin’ny fony rehetra izy.” - Jer. 24:7*

*“Dia hoforan’i Jehovah Andriamanitrao ny fonao sy ny fon’ny taranakao hitiavanao an’i Jehovah Andriamanitrao amin’ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra, mba ho velona hianao.” - Deo. 30:6*

*“Ary homeko fo vaovao hianareo, ary fanahy vaovao no hataoko ao anatinareo, ary hesoriko amin’ny nofonareo ny fo vato, ka homeko fo nofo hianareo.” - Ezek. 36:26*

*“Ary matoky indrindra aho fa izay nanomboka asa tsara tao anatinareo no hahatanteraka izany mandra-pihavin’ny andron’i Jesosy Kristy.” - Fil. 1:6*

*“Koa raha misy olona ao amin’i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo.” - 2 Kôr. 5:17*

*“Voahombo miaraka amin’i Kristy amin’ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin’ny nofo dia ivelomako amin’ny finoana ny Zanak’Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy.” - Gal. 2:20*

*“Ary Andriamanitry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka, ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin’ny fihavian’i Jesosy Kristy Tompontsika.” - 1 Tes. 5:23, 24*

**Teny fikasana momba ny famelan-keloka**

*“Raha ny oloko izay nantsoina tamin’ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin’ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hanasitrana ny taniny.” - 2 Tant. 7:14*

*“Fa Hianao, Tompo ô, no tsara sady mamela heloka ary be famindrampo amin’izay rehetra miantso Anao.” - Sal. 86:5*

*“Ary raha mitsangana mivavaka hianareo, ka misy olona anananareo alahelo, dia mamela ny helony, mba havelan’ny Rainareo Izay any an-danitra kosa ny helokareo.” - Mar. 11:25*

*“Ary aoka samy halemy fanahy amin’ny namany avy hianareo, ka hifampiantra sy hifamela heloka, tahaka ny namelan’Andriamanitra ny helokareo ao amin’i Kristy.” - Efes. 4:32*

*“Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina lzy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin’ny tsi-fahamarinana rehetra.” - 1 Jao. 1:9*

*“Avia ary hifandahatra isika, hoy Jehovah: Na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo, dia ho fotsy tahaka ny oram-panala, na dia mangatratrakata tahaka ny sily aza, dia ho tahaka ny volon’ondry fotsy.” - Isa. 1:18*

*“Izaho dia Izaho no mamono ny fahadisoanao noho ny amin’ny tenako, ary tsy hotsarovako ny fahotanao.” - Isa. 43:25*

*“Fa havelako ny helony, ary tsy hotsarovako intsony ny fahotany.” - Jer. 31:34*

*“Izy no ananantsika fanavotana amin’ny rany, dia ny famelana ny fahadisoantsika, araka ny haren’ny fahasoavany.” - Efes. 1:7*

### **Teny fikasana ho an’ny fandresena ny fahotana**

*“Fa izay rehetra naterak’Andriamanitra dia maharesy izao tontolo izao; ary ny fandresena izay enti-maharesy izao tontolo izao dia ny finoantsika.” - 1 Jao. 5:4*

*“Kanefa amin’izany rehetra izany dia manaoatra noho ny mpandresy isika amin’ny alalan’Ilay tia antsika.” - Rôm. 8:37*

*“Fa isaorana anie Andriamanitra Izay manome antsika ny fandresena amin’ny alalan’i Jesosy Kristy Tompontosika.” - 1 Kôr. 15:57*

*“Aza matahotra hianao, fa momba anao Aho; ary aza miherikerika foana, fa izaho no Andriamanitrao; mampahery anao Aho sady mamonjy anao; eny, mitantana anao amin’ny tàmàna ankavanan’ny fahamarinako Aho.” - Isa. 41:10*

*“Ary ho fanampin’izany rehetra izany dia tano ny finoana ho ampinga, izay hahazoanareo hamono ny zana-tsipika mirehitra rehetra izay alefan’ilay ratsy.” - Efes. 6:16*

*“Voahombo miaraka amin’i Kristy amin’ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin’ny nofo dia ivelomako amin’ny finoana ny Zanak’Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy.” - Gal. 2:20*

*“Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony.” - Fil. 2:13*

*“Fa hoy izaho: Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan’ny nofo hianareo.” - Gal. 5:16*

*“Fa Andriamanitry ny fiadanana hanorotoro an’i Satana faingana eo ambanin’ny tongotrareo. Ho aminareo anie ny fahasoavan’i Jesosy Kristy Tompontosika.” - Rôm. 16:20*

*“Ary aza manaraka ny fanaon’izao tontolo izao; fa miova amin’ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon’Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina.” - Rôm. 12:2*

*“Aza tia izao tontolo izao, na izay zavatra eo amin’izao tontolo izao. Raha misy olona tia izao tontolo izao dia tsy ao anatiny ny fitiavana ny Ray.” - 1 Jao. 2:15*

### **Teny fikasana momba ny fanasitranana**

*“Raha hazoto hihaino ny feon’i Jehovah Andriamanitrao hianao ka hanao izay mahitsy eo imasony sy hihaino ny lalàny ary hitandrina ny didiny rehetra, dia tsy hisy hataoko aminao ireny aretina rehetra ireny, izay nataoko tamin’ ny Egyptiana; fa Izaho no Jehovah Izay mahasitrana anao.”- Eks. 15:26*

*“Ho vy sy varahina ny hidinao; Ary hifamatra amin’ny andronao ny fiadananao.”- Deo. 33:25*

*“Misaora an’i Jehovah, ry fanahiko; ary aza misy hadinoinao ny fitahiany rehetra, izay mamela ny helokao rehetra, izay manasitrana ny aretinao rehetra, izay manavotra ny ainao tsy hidina any an-davaka, izay manarona famindrampo sy fiantrana anao, izay mahavoky soa ny vavanao; ny fahatanoranao mody indray toy ny an’ny voromahery.”- Sal. 103:2-5*

*“Aza manao anao ho hendry; matahora an’ i Jehovah, ka mifadia ny ratsy. Dia ho famelombelomana ny nofonao izany sy ho fanamandoana ny taolanao.”- Ohab. 3:7, 8*

*“Natao tsinontsinona sy nolavin’ ny olona Izy; lehilahy ory sady zatra ny fahoriana, ary tahaka izay tsy tian’ ny olon-kojerena akory Izy; natao tsinontsinona Izy ka tsy mba nahoantsika. Nitondra ny aretintsika tokoa Izy sady nivesatra ny fahoriantika; kanjo isika kosa nanao azy ho nokapohina sy nasian’ Andriamanitra ary nampahorina. Nefa Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika sy notorotoroina noho ny helotsika, ny fampijaliana nahazoantsika fihavanana no namelezana Azy; ary ny dian-kapoka taminy no nahasitranana antsika.”- Isa. 53:3-5*

*“Jehovah ô, sitrano aho, dia ho sitrana; vonjeo aho, dia ho voavonjy; fa Hianao no fiderako.”- Jer. 17:14*

*“Fa hotanterahiko ny fanasitranana anao, eny, hositraniko ny faharatranao, hoy Jehovah, noho ny nanaovany anao hoe: ilay noroahina, sy hoe: Ziona tsy misy mpitady ity.”- Jer. 30:17*

*“Dia, indro, hotanterahiko tokoa ny fanasitranana azy, eny, hositraniko izy, ary hasehoko aminy ny haren’ ny fiadanana sy ny fahamarinana.”- Jer. 33:6*

*“Ary hiposaka aminareo, izay matahotra ny anarako, ny masoandron’ ny fahamarinana, manana fanasitranana ao amin’ ny tanany; ary hivoaka hianareo ka hifalihavanja toy ny zanak’ omby mifahy”- Mal. 3:20*

*“Misy marary va eo aminareo? Aoka izy hampaka ny loholon’ ny fiangonana; ary aoka hanosotra diloilo azy amin’ ny anaran’ ny Tompo ireo sady hivavaka eo aminy; ary ny fivavaky ny finoana dia hamonjy ilay marary, fa ny Tompo hanangana azy; ary raha nanota izy, dia havela ny helony.”- Jak. 5:14, 15*

### **Teny fikasana momba ny hery hoenti-manao ny sitraon’Andriamanitra**

*“Miandrasa an’i Jehovah hianao; matokia, ary aoka hahery ny fonao; eny, miandrasa an’i Jehovah.”- Sal. 27:14*

*“Ary tsy ketraka izahay; fa na dia mihalevona aza ny toetray ivelany, dia havaozina isan-andro isan-andro kosa ny toetray anatiny. Fa ny fahorianay maivana, izay vetivety foana, dia mainka miasa fatratra indrindra ka mahatanteraka voninahitra mavesatra maharitra mandrakariva ho anay, raha tsy mijery ny hita izahay, fa ny tsy hita; fa ny hita dia ho vetivety foana, fa ny tsy hita no haharitra mandrakizay.”- 2 Kôr. 4:16-18*

*“Ary aza mba ketraka amin’ ny fanaovan-tsoa isika; fa amin’ ny fotoan’ andro no hijinjantsika, raha tsy reraka isika.”- Gal. 6:9*

*“Mahay ny zavatra rehetra aho ao amin’ ilay mampahery ahy.”- Fil. 4:13*

*“Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrafony.”- Fil. 2:13*

*“Nefa hoy izy tamiko: Ampy ho anao ny fahasavako; fa ny heriko dia tanterahina amin’ ny fahalemena. Koa mainka sitrako ny hirehareha amin’ ny fahalemeko, mba hitoeran’ ny herin’ i Kristy amiko.”- 2 Kôr. 12:9*

### **Teny fikasana momba ny fijoroana ho vavolombelona ho an’Andriamanitra**

*“Aza matahotra na mangovitra hianareo; Tsy efa nampandre anareo hatramin’ ny fahiny va Aho ka nanambara taminareo? Eny, hianareo no vavolombeloko; misy Andriamanitra afa-tsy izaho va? Tsia, tsy misy Vatolampy, tsy hitako izany.”- Isa. 44 :8*

*“Mitsangàna, mihazavà, fa tonga ny fahazavanao, ary ny voninahitr’ i Jehovah efa miposaka aminao.”- Isa. 60:1*

*“Fa izany rehetra izany dia avy amin’ Andriamanitra, izay nampihavana antsika taminy amin’ ny alalan’ i Kristy sady nanome anay ny fanompoana fampihavanana.”- 2 Kôr. 5:18*

*“Fa hoy Jehovah tamiko: Aza manao hoe: Mbola zaza aho; fa handeha amin’izay rehetra hanirahako anao hianao, ary izay rehetra handidiako anao no hambaranao.”- Jer. 1:7*

*“Fa hahazo hery hianareo amin’ ny hilatsahan’ ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran’ i Jodia sy Samaria ary hatramin’ ny faran’ ny tany.”- Asa. 1:8*

*“Fa hianareo kosa dia taranaka voafidy, “fanjakà-mpisorona, firenena masina”, olona nalain’ Andriamanitra ho an’ny tenany mba hilazanareo ny hatsaran’ Ilay niantso anareo hiala tamin’ ny maizina ho amin’ny fahazavany mahagaga.”- 1 Pet. 2:9*

*“Fa manamasina an’ i Kristy ho Tompo ao am-ponareo; ary aoka ho vonona mandrakariva hianareo hamaly izay manontany anareo ny amin’ ny anton’ny fanantenana ao anatinareo, nefa amin’ny fahalemem-panahy sy ny fanajana.”- 1 Pet. 3:15*

**FANANDRAMANA LALINA KOKOA****ANDRO 1 – MAHALALA SY MINO**

*“Mety manadino ny zanany minono va ny vehivavy ka tsy hamindra fo amin’ny zanaka naloaky ny kibony? Eny, mety manadino ihany izy, fa izaho kosa tsy mba manadino anao.” - Isa. 49:15.*

Mety hahatakatra amin’ny fahafenoany ny fitiavan’Andriamanitra ve ny ankizy iray raha tsy nahatsapa ny fitiavan’ny ray eto an-tany? Tena sarotra izany teo amin’ny fanandramana niainako. Nanana ray anankiefatra aho. Nisaraka tamin’ny reniko ny raiko niteraka ahy raha vao nitondra ahy am-bohoka izy. Tena tsapako lalina mihitsy ny fandavany. Mpisotro toaka ary tena mpanararaotra ny vadin’ny reniko faharoa – nanandrana namono an-dreniko mihitsy aza izy. Tsara fanahy saingy tia vola ny raikeliko nanaraka izany. Nandroba banky anankitelo izy, niaraka tamin’ny namany anankiroa. Naiditra am-ponja izy ka nisarahan’ny reniko.

Tsy nisy zavatra nahafinaritra mihitsy nandritra ireo taom-pahazazako. Tsy nanana toky aho, ambany dia ambany ny tombambidy nomeko ny tenako, ary nahatsapa tena ho tsy tiana mihitsy aho. Sarotra tamiko ny naka namana tany an-tsekoly. Raha tanora aho, dia naniry fatratra ny mba hoe ken’ireo tanora nitovy tamiko, saingy namela ahy hahatsapa ho babangoana sy manirery fotsiny ihany ny fitadiavako fitiavana. Tsy fantatro fa niasa tao ambadiky ny sehatra ilay Raiko any an-danitra mba hameno ny fahabangana. *“Hatry ny fony hianao tsy mbola noforoniko tany an-kibo no efa fantatro. (...) Efa niantso ny anaranao Aho, Ahy hianao” - Jer. 1:5; Isa. 43:1. “Ary ho Rainareo Aho, ary hianareo ho zanako-lahy sy ho zanako-vavy, hoy Jehovah Tsitoha” - 2 Kôr. 6:18. “Fa ny raiko (...) efa nahafoy ahy; fa Jehovah kosa no mandray ahy.” - Sal. 27:10.*

Raha 19 taona aho, dia nisy namako anankiray nanasa ahy hanatrika antsan-kira kristianina tao amin’ny fiangonany. Nanome ity fanasana ity ny iray tamin’ireo mpitarika ny antoko mpihira: “Raha babangoana ny fiainanao ary mahatsiaro manirery ianao, dia tsy hanome lalana ho an’i Jesôsy va ianao?” Nanohina ny foko ny teniny sy ny hira ka namaly ny antso ny handroso eny anoloana sy handray an’i Jesôsy aho. Namaky ny Filazantsaran’i Jaona aho ka tonga tamin’ity teny ity: “fa ny Ray dia tia anareo” – Jao. 16:27. Nanaitra ahy izany! Reko fa tia ahy i Jesôsy, saingy ny Ray? Tena azoko inoana ve izany? Ny zavatra fantatro momba an’Andriamanitra Ray dia hoe toa lavitra ahy Izy – any an-danitra any – ary mahita ny zavatra rehetra ataoko. Natahotra Azy aho. Raha namaky ny Soratra Masina aho, dia babon’i Jesôsy. Tonga mba haneho amintsika ny fitiavan’ny Rainy anefa i Jesôsy. Rehefa hoy i Filipo hoe: “Tompoko, aseho anay ny Ray, dia ampy ho anay izay”, dia namaly



i Jesôsy hoe: *“Izay ela izay no efa nitoerako teto aminareo, ka tsy mbola fantatrao ihany va Aho, ry Filipo? Izay nahita Ahy dia nahita ny Ray”* – *Jaô . 14:8, 9.*

Tsy maintsy nanaiky aho fa tena tia ahy amin’ny alalan’ny Zanany, i Jesôsy Kristy, Andriamanitra Ray. *“Ny dingana voalohany indrindra atao mba hanatonana an’Andriamanitra, dia ny mahalala sy mino ny fitiavany antsika; fa ny fanintonan’izany fitiavana izany no mahatonga antsika hankeo aminy.”* – *Sambatra, t. 93. “Fa Andriamanitra mampiseho ny fitiavany antsika, fa fony mbola mpanota isika, dia maty hamonjy antsika Kristy.”* – *Rôm. 5:8. Ary koa: “Andriamanitra ao amin’i Kristy no nampihavana izao tontolo izao taminy ka tsy nanisa ny fahadisoany”* – *2 Kôr. 5:19.*

Vantany vao takatro fa tia ahy tsy misy fepetra Andriamanitra, dia nahazo hery hamela ny fahadisoan’ireo raiko teto an-tany noho ny fandavany ahy aho. Nomen’Andriamanitra fahasoavana aho mba hanohizako ny diako. Fantatro ankehitriny fa manana Ray any an-danitra aho ary zanaka vavin’Andriamanitra Avo Indrindra, ilay Mpanjakan’ny mpanjaka. Fantatry ny Raintsika any an-danitra ny filan’ny olombelona fitiavana sy fanekena ny tenany. Tsy nanadino ahy izy.

Koa ahoana indray àry ny amin’ilay raiko fahefatra? Iraika ambin’ny folo taona aho raha nanambady indray ny reniko. Satria nandao anay ireo lehilahy hafa rehetra, dia nanontany tena aho raha toa ka hitoetra aminay izy. Tena nitoetra taminay tokoa anefa izy. Noraisiko toy ny raiko izy ary tiaviko toy ny raiko niteraka ahy. Nanolotra ny toky sy ny fitiavana tokony hatolotry ny ray rehetra izy. Efa maty ny reniko ankehitriny, saingy mitoetra ho ampahany iankinan’ny aina eo amin’ny fiainako ny raiko. Mihoatra noho ny ra ny ray.

Ahoana kosa ny aminao? Nafoin’ny ray na reny na fianakaviana ve ianao? Maniry fatratra ny hoekena sy hahazo toky ve ianao? Maniry ny hotiavina tsy misy fepetra ve ianao? *“Aoka ianao ho velona eo amin’ny firaisana amin’ilay Kristy velona, dia hitana anao mafy amin’ny tanana tsy azo vahana izy. Aoka ianao hahalala sy hino ny fitiavan’Andriamanitra antsika, dia hahazo toky ianao fa izany fitiavana izany no manda tsy azon’ny fitaka sy ny famelezan’i Satana anihina.”* – *Sambatra, t. 106. “Ny anaran’i Jehovah dia tilikambo mafy; ny marina miezaka ho ao aminy ka voavonjy.”* – *Ohab. 18:10.*

## **SOSO-KEVITRA MOMBA NY ENDRIKY NY FOTOAM-BAVAKA**

### **Fiderana**

- Ray ô, midera Anao izahay satria lanao efa tia anay taloha.
- Midera Anao izahay satria nisintona anay tamin’ny fitiavanao lanao (Jer. 31:3).

- Midera Anao izahay noho ny fikarakaranao tsy miovaova.
- Tompo ô, midera Anao izahay noho ny herinao manasitrana.

### **Fiaiken-keloka**

- Tompo ô, mamelà anay noho ny helokay izay manakana anay tsy hanana fanandramana lalina kokoa miaraka Aminao. [Manokàna minitra vitsivitsy ho amin'ny vavaka mangina ataon'ny tena manokana, ho famelana ny Fanahy Masina handinika ny fonao sy haneho aminao ny fahotana rehetra ilainao ibebahana mangingina amin'Andriamanitra, fa tsy ampahibemaso].

### **Fitalahoana sy fanelanelanana**

- Tompo ô, mivavaka izahay, tahaka izay nataon'i Paoly ao amin'ny Efes. 3:17-19:
  - Mba hahitanao fonenana maharitra ao am-ponay raha mianatra ny hatoky Anao izahay.
  - Mba hamaka lalina ao amin'ny fitiavanao izahay.
  - Mba hahaizanay ny halava sy ny halalina ary ny sakan'ny fitiavanao.
  - Mba ho vonton'ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra izahay.
- Mangataka izahay mba hofenoinao ny fitiavanao ny fonay, ka hiredareda amin'ny fitiavana ny hafa sy hitarika azy ireny ho eo amin'i Jesôsy.
- Mivavaka izahay ho an'ireo fianakaviana, izay feno korontana sy alahelo ary savorovoro ny tontolony.
- Mangataka izahay mba hitahiana ireo hetsika ana hetsiny hotanterahina manerana izao tontolo izao amin'ity taona 2019 ity, ho fanatrarana ny any ivelany. Mivavaka amin'ny fomba manokana izahay ho an'ny ezaka fitoriana ny filazantsara, "Mambra Rehetra Mandray Anjara", any Inde, amin'ny Jona 2019, sy any Papouasie-Nouvelle-Guinée, amin'ny May 2020.
- Mivavaka izahay ho an'ireo mambra advantista izay miaritra fanenjehana na fanagadrana noho ny finoany.
- Mivavaka izahay mba hisian'ny fifohazana ara-panahy eo anivon'ny tanora advantista izay mianatra any amin'ireo sekoly ambaratonga ambony sy Oniversite manerana izao tontolo izao. Enga anie ka ho lasa ambasadaoron'i Kristy mavitrika izy ireo.
- Mivavaka izahay ho an'ireo 69 isan-jaton'ny mponin'ny tany izay tsy mbola nahazo fanehoana mazava an'i Jesôsy.

- Tompo ô, mivavaka izahay ho an'ireo olona fito (na mihoatra) ao amin'ny lisitry ny vavaky ny tsirairay. Enga anie izy ireo ka hamela ny Fanahy Masina hiasa eo amin'ny fiainany. Mivavaka koa izahay ho amin'ny zavatra ilain'ny tsirairay avy aminay vory eto sy ho amin'ny antom-bavaky ny tsirairay avy.

## Fisaorana

- Ray ô, misaotra Anao noho [mitanisà olona manokana] izay nitia sy namahana anay.
- Misaotra Anao izahay satria teo aminay ny tananao mialoha ny nahaterahanay (Sal. 139:13).
- Tompo ô, misaotra Anao aho satria na dia izaho irery ihany aza no nanota, dia ho maty noho izaho lanao.
- Misaotra noho ny famalianao ny vavakay, eny mialoha ny nangatahanay izany aza.

## Hira

Mitadiava hira mifanaraka amin'ny lohahevitra.

## Teny fikasana takina mandritra ny vavaka

- *“Fa ny Ray dia tia anareo satria hianareo efa tia Ahy, ary efa nino fa nivoaka avy tamin'ny Ray Aho.” – Jao. 16:27.*
- *“Tany lavitra any no nisehoan'i Jehovah tamiko ka nanao hoe: Fitiavana mandrakizay no nitiavako anao, koa izany no nampaharetako famindrampo ho anao” - Jer. 31:3.*
- *“Endrey! manao ahoana ny fitiavana nasehon'ny Ray ho antsika, dia ny niantsoana antsika hoe zanak'Andriamanitra, sady izany tokoa isika! Koa noho izany dia tsy mahalala antsika izao tontolo izao, satria tsy nahalala Azy izy.” - 1 Jao. 3:1.*

## FANANDRAMANA LALINA KOKOA

### ANDRO 2 — AVY AO ANATY

*“Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy mahazo mahita ny fanjakan’Andriamanitra.” – Jao. 3:3.*

Zaza tena hendry aho raha teo am-pitomboana. Tsy mba nikomy tamin-dreniko aho; nifantoka tsara aho tany an-tsekoly ary nanaja fatratra ny mpampianatro. Tsy nandray anjara tamin’ny lanonana tsy nisy dikany aho, na nisotro toaka, na nanandrana zava-mahadomelina tahaka ireo tanora hafa tao amin’ny lisea nianarako.

Rehefa tonga Kristianina aho dia nirehareha ny tenako fa hoe olona mendrika. Sakafo sahaza no nohaniko, nosoloiko hira kristianina ny hira “rock” nohenoiko taloha, maotona ny fomba fitafiko, nampianatra ny leson’ny Sekoly Sabata, nikarakara fotoana fitoriana ny filazantsara, ary nitantara ny fanandramako manokana mihitsy aza. Natolotro an’i Jesôsy ny foko, natao batisa aho, tena nino marina ny Teniny, ary niandry fatratra ny honina mandrakizay ao amin’ny fanjakany. Nihodinkodina teo amin’ny fiangonana sy ny hetsika natao tao ary ny fanaovana zavatra tsara ny tontoloko iray manontolo. Nivelona fiainana marina aho raha ny fiseho etỳ ivelany. Tsy ela anefa dia haiko fa ivelambelany fotsiny ny fanandramana kristianina niainako – ary koa tena nila an’i Jesôsy aho.

Nanatrika seminera momba ny fomba fiainana kristianina aho, indray hariva izay, tao amin’ny fiangonako. Nilaza ilay mpadaha-teny fa tsy ao anatin’ny fifandraisana mamonjy amin’i Kristy ny olona raha tsy ateraka indray. Naveriny ity fanambarana nataon’i Ellen G. White ity: *“Ny fiainana kristianina dia tsy fanamboarana na fanatsarana ny teo aloha, fa fanavaozana azy. Misy fahafatesana amin’ny tena sy amin’ny fahotana, ary fiainam-baovao miaraka amin’izany.”* – Ilay Fitiavana Mandresy, tt. 153,154 (edisiona 2011). Nanaitra ahy ny zava-misy marina: misy zavatra mihoatra noho izay noheveriko eo amin’ny fiainana kristianina! Marina fa hafa noho ny talohan’ny nandraisako an’i Kristy ny fiainako, saingy nohatsarina sy namboarina fotsiny ihany izany. Kristianina aho, saingy mbola velona ihany ny izaho. Mbola nanana toetra mora misendaotra ihany aho, ary mora naratra koa. Niavonavona fatratra aho ka nangataka mandrakariva ny hanaovana ny zavatra rehetra araka ny fombako. Tsy nampilefitra ny tenako teo amin’i Kristy aho. Nihevitra aho fa azo antoko ny famonjena ahy noho ireo zavatra rehetra nataoko, saingy tsy nananako ny fifaliana amin’ny famonjena ahy! Nanao fanekena an’i Kristy aho saingy tsy nanana ny fitiavana an’i Kristy; tsy nilefitra teo Aminy aho. Tena nilaiko nohariana tato anatiko i Jesôsy.

Ahoana no ileferan’ny olona iray eo amin’i Kristy? Voalohany, tena ilainy ny mahatsapa fa mila Mpamonjy izy – ilainy ny mifidy Azy. *“Ny fampianarana, ny*

*fanamboarana ny toe-tsaina, ny fampiasana ny sitrapo ary ny fikirizana dia samy manana ny anjara raharahany avy, nefa eto dia samy tsy mahakehaka ireo. Mety hahatonga fahatsarana ivelany amin'ny fitondrantena ireny, fa tsy mahay manova ny fo. Tsy hainy ny manadio ny loharanon'ny fiainana (...). Raha tsy mandray fo vaovao, faniriana vaovao, fikasana vaovao, izay mitarika azy ho amin'ny fiainam-baovao 'dia tsy mahazo mahita ny fanjakan'Andriamanitra' izy" – Ny Tena Hasambarana, t. 21. Tsy afaka manova ny foko aho, saingy afaka mifidy ny hanolotra an'i Jesôsy ny sitrapoko. Novaliko ny fanasana ho amin'ny fibebahana, ka nekeko ny fahotako: fanamarinan-tena, fanindrahindrana ny tena, fampanaranam-po ny tena, ary fiantrana ny tenako manokana. Rehefa izay dia nampianganiako amin'i Kristy ny sitrapo mba hofeheziny.*

Faharoa, manokàna fotoana tsara ahafantarana Ilay Fiainana Mandrakizay. *"Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy, Izay efa nirahinao."* – Jao. 17:3. Raha nanokana fotoana nandinihana ny Soratra Masina sy nivavahana aho, ka lasa nahafantatra lalina kokoa ny Mpamonjiko, dia nanomboka nahazo heviny vaovao ny fiainako. Nanomboka ny dingan'ny fanaovana zavatra tsara avy amin'ny fiainako i Jesôsy. Nohavaozina ny saiko – nisy fihetsika sy fitiavana vaovao nokolokoloina. Nihalalina ny faniriako hanompo an'Andriamanitra.

Mety hiteny ianao hoe: "Terako tato amin'ity fiangonana ity aho. Kristianina foana aho nandritra ny androm-piainako!" "Tsy mbola nivoaka tany amin'izao tontolo izao aho!" "Niasa mandrakariva ho an'ny Tompo aho, raha ny fitadidiako." Mety ho marina ireo zavatra ireo, ary deraina ny Tompo noho izany! Mety manana ireo rehetra ireo anefa ianao, saingy mbola tsy manana ny Zanaka ihany. Angamba mety noresen'ny Fanahy Masina koa ianao fa ivelambelany ihany ny fanandramana kristianina iainanao. Inona no azonao atao? Azonao atao ny manonona ity vavaka ity: *"Diniho aho, Andriamanitra ô, ary fantaro ny foko; izahao toetra aho, ary fantaro ny eritritro; ary izahao na misy làlana mampahory ato anatiko, dia tariho amin'ny làlana mandrakizay aho."* – Sal. 139:23,24. Atolory Azy ny fonao sy ny fiainanao, dia hasehony anao tsirairay ireo lafim-piainanao mila ovaina. Tsy ho toy ny teo aloha intsony ny fiainanao rehefa miara-miasa Aminy ianao!

## **SOSO-KEVITRA MOMBA NY ENDRIKY NY FOTOAM-BAVAKA**

### **Fiderana**

- Ray ô, midera Anao izahay satria nanadio anay ho afaka amin'ny fahotana sy ny tsy fahamarinana rehetra ianao.

- Tompo ô, midera Anao izahay satria lanao no maharo anay mba tsy ho tafintohina, sy manolotra anay amin'ny Ray amin'ny firavoravoana lehibe (Joda 24)
- Midera Anao izahay satria mampiaiky anay ny fahotanay lanao, kanefa koa mamindra fo aminay.

**Fiaiken-keloka**

- Tompo ô, aseho any ireo lafim-piainanay izay mbola ahaveloman'ny izaho.
- Mamelà ny helokay tamin'ny fotoana rehetra nanamarinanay ny tenanay, sy nanarananay fo, ary niantranay ny tenanay manokana.
- Aseho any ireo lafim-piainanay izay ilana fanovana [asio fotoam-panginana fohy].

**Fitalahoana sy fanelanelanana**

- Tompo ô, fenoy fahalalana ny sitraponao izahay, ary aoka handeha miendrika Anao izahay.
- Mivavaka izahay ho an'ireo ao anatin'ny fonja ara-panahy sy ara-tsaina, mba hafahana amin'ny fahamelohany izy ireo.
- Mangataka Anao izahay mba hameno anay amin'ny voan'ny fahamarinana.
- Tompo ô, mivavaka izahay mba hiara-mirona amin-kery ny Advantista raha hanompo an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fitiavana ny hafa sy ny fitoriana ny filazantsara amin'ny olona hafa kolontsaina sy antokom-pivavahana.
- Mangataka izahay ny mba hananganana mpianatra "vaudois" amin'izao vanin'andro môderina izao, izay vonona ny hanompo Anao any amin'ireo toerana sarotra iasana.
- Mivavaka izahay ho an'ireo olona miisa 62 tapitrisa izay monina any amin'ireo tanàna valo amby roapolo mikatona indrindra amin'ny filazantsara ao amin'ny 'Union Soviétique' taloha (Diviziona Eorôpa-Azia).
- Mivavaka izahay mba hananganan'Andriamanitra misiônera feno fahasahiana mba hiasa eo anivon'ireo vondron'olona miisa 746 any amin'ireo firenena roapolo any Moyen Orient.
- Mivavaka izahay ho an'ny Hetsika Misiônera 1000 any amin'ny Diviziona Avaratr'i Azia-Pasifika sy ny Diviziona Atsimon'i Azia-Pasifika. Raha manompo any amin'ny firenena tahaka an'i Taïwan, Chine, Russie, ary Birmanie ireo

tanora ireo, dia enga anie izy ireo ka hatao batisa amin'ny Fanahy Masina sy hahazo hery mba hamitany ny asan'Andriamanitra.

- Mivavaka koa izahay ho an'ireo olona fito na mihoatra [tonòny ny anarany raha mety] ao amin'ny lisitray tsirairay.

### **Fisaorana**

- Tompo ô, misaotra Anao izahay noho ireo olona izay nitarika anay mba handray fanapahan-kevitra ho Anao.
- Misaotra Anao izahay satria tsy namela anay tao amin'ny tsy fahombiazanay sy ny fahadisoanay tamin'ny lasa lanao.
- Misaotra Anao izahay noho ny fanasana anay ho amin'ny fibebahana sy ny fanehoana anay fa mila Anao izahay.
- Misaotra Anao izahay noho ny fahafantaranao ny farany hatramin'ny voalohany, sy ny famalianao ny vavakay amin'ny fotoanao sy ny fombanao.

### **Hira**

Mitadiava hira mifanaraka amin'ny lohahevitra.

### **Teny fikasana takina mandritra ny vavaka**

- *“Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo.”* - 2 Kôr. 5:17.
- *“Ny famindrampon'i Jehovah no tsy nahalany ritra antsika, fa tsy mitsahatra ny fiantrany. Vaovao isa-maraina izany; lehibe ny fahamarinanao.”* - Fit. 3:22,23.
- *“Fa rehefa niseho ny fahamoram-panahin'Andriamanitra, Mpamonjy antsika, sy ny fitiavany ny olona, dia tsy avy tamin'ny asa amin'ny fahamarinana izay nataontsika, fa araka ny famindrampo kosa no namonjeny antsika, tamin'ny fanasan'ny fiterahana indray sy ny fanavaozan'ny Fanahy Masina, Izay naidiny betsaka tamintsika tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy, Mpamonjy antsika”* – Tit. 3:4-6.
- *“Ary homeko fo vaovao hianareo, ary fanahy vaovao no hataoko ao anatinareo, ary hesoriko amin'ny nofonareo ny fo vato, ka homeko fo nofo hianareo.”* - Ezek. 36:26.
- *“Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy.”* - Gal. 2:20.

**FANANDRAMANA LALINA KOKOA****ANDRO 3 — NY ADY LEHIBE INDRINDRA**

*“Ary hitady Ahy hianareo, dia ho hitanareo Aho, raha katsahinareo amin’ny fonareo rehetra” - Jer. 29:13.*

*“Tsy maintsy atolotra an’Andriamanitra ny fo rehetra, fa raha tsy izany dia tsy ho tanteraka ao amintsika ilay fanovana izay hamerenana antsika indray hitovy endrika Aminy. (...) Amin’ny ady rehetra efa nataon’olombelona, dia ny ady amin’ny tena no ady lehibe indrindra. Ny fanolorana ny tena, izany hoe: fanolorana izay rehetra ananana hotapahin’ny sitrapon’Andriamanitra, dia mila fitolomana fatratra; tena ilaina anefa izany amin’ny fanavaozana sy ny fanamasinana antsika.” – Ny Tena Hasambarana, tt. 51,52.*

Nanana faniriana ny ho tahaka an’i Jesôsy aho hatramin’ny fahazazako. Nangataka Azy aho mba hanova ahy raha nanolotra isan’andro ny fiainako ho Azy aho. Namaly ny vavako tamin’ny fomba mahaliana indrindra Izy.

Nifindra niara-nonina taminay ny rafozan-dahiko, George, rehefa maty noho ny homamiadana ny vadiny. Faly izahay nanana azy teo anilanay, ary nirinay ny mba ho tafiditra eo amin’ny fiainan’ny zanakay vavikely izy. Nanantena izahay fa hisy fiantraikany ara-panahy tsara eo aminy ny fonenana ao an-tokantranonay sy ny fandraisana anjara amin’ny fotoam-bavaky ny fianakaviana. Tao amin’ny tanimboly sy tanim-piompiana iray nisy sompitra, farihy, ahi-maitso, ary zava-maniry sy bibidia, izay niserantserana tao amin’ilay toerana, no nonenanay. Lehilahy tena tia fiainana eny anivon’ny zavaboary i George, ka toerana tena tsara ho amin’ny fisintahany izany. Nitsangantsangana teo amin’ny farihy foana izy isa-maraina. Indray andro raha tsy niverina avy tamin’ny fitsangantsanganany tamin’ny fotoana mahazatra izy, dia lasa nitady azy ny vadiko. Nitambotsotra tao amin’ny kirihana-boaroihazo izay nianjerany izy. Nitaraina foana i George nandritra ireo herinandro vitsivitsy taorian’io fa nanindrontsindrona ny tongony sy ny feny, ary hitany fa sarotra taminy ny namindra. Naneho fivontosana efa nihanaka teo amin’ny hazon-damosiny ny fitiliana rehetra natao. Nandamina fotoana handidiana azy mba hanalana ilay fivontosana ny mpitsabo azy. Niteraka tsy fahafaha-mihetsika mandrakizay nanomboka teo amin’ny valahana no ho midina izany fandidiana izany. Tsy nampidirina tao amin’ny toerana ho amin’ny fitsaboana maharitra izy, fa nanapakevitra izahay fa izaho no hikarakara azy ao an-trano. Tsy nanana fiofanana momba ny fitsaboana aho, afa-tsy ny fampianarana kimaimaika nataon’ny mpitsabo mpanampy niandraikitra ny fivoahan’ny marary rehefa nandao ny hôpitaly izahay. Nampandro an’i George, nitsabo ny feriny nateraky ny fijanonana am-pandriana, nanome ny



fanafodiny, ary namindra azy avy ao am-pandriana ho eo amin'ny seza sy namerina azy am-pandriana indray, ireo no nandrafitra ny tontolo androko. Tena nanala baraka azy mihitsy ny tsy fahafahany nikarakara tena intsony, ary izaho no tena nilanja ny vesatry ny fahamenarany.

Nandamina fialan-tsasatra kely mandritra ny faran'ny herinandro izahay mivady, ka nametraka tovolahy iray aho mba hikarakara an'i George mandritra ny fotoana handehananay. Nampiakariko am-pandriana i George, ny alina mialoha ny niainganay, norohako teo amin'ny handriny izy, ary nampahatsiahiviko fa hiainga maraina izahay amin'ny dianay mandritra ny faran'ny herinandro. Rehefa izay dia nilaza tamim-pahatezerana izy hoe: "Andraikitrareo aho! Tsy manan-jo hamela ahy amin'olonkafa ianareo!" Dia namaly azy aho hoe: "Lahiantitra tia tena sy tsy mieritreritra ianao!"

Teo no ho eo ihany dia tsapako fa tsy nety ary tena tsy naneho an'i Kristy ny fihetsiko. Nitomany aho ka nihazakazaka nankany amin'ny efitranoko ary niankohoka teo amin'ny fandriako. "Tampo ô, inona no tsy mety amiko? Nahoana aho no tsy mahafehy ny toetrako? Tena miasa eo amin'ny fiainako ve ianao?" Tonga tamin'ny fomba tena malefaka ny valiny: "Miasa eo amin'ny fiainanao Aho. Mamaly ny vavakao mba ho tahaka Ahy Aho. Tezitra amin'i George ianao. Maka ny fotoanao izy, ka mamela anao hahatsapa toy ny tototra tsy afa-manotra mihitsy. Fahotana ny fahatezerana, ka raha atolotrao Ahy izany, dia homeko fahasoavana ianao mba hahafahanao manohy ny fikarakarana an'i George."

*"Maro ireo izay manokana marina ny tenany ho amin'ny fanompoana an'Andriamanitra no gaga sy diso fanantenana rehefa hitany fa mifanehatra amin'ny zava-misakana sy tafihin'ny fitsapana sy fahaverezan-kevitra mihoatra ny teo aloha izy ireo. Mivavaka izy mangataka ny hanana toetra amam-panahy tahaka ny an'i Kristy, mba ho afaka hanao ny asan'ny Tompo, ary dia indro izy apetraka eo amin'ny toejavatra izay toa miantso ny ratsy rehetra eo amin'ny tenany. (...) Omeny [Andriamanitra] fotoana mety izy ireo hoenti-manitsy ireny toetra ratsy ireny mba hahatonga azy ho afaka hanompo Azy." – Tanamasoandron'ny Fahasalamana, tt. 394,395.*

*"Ny fibebahana dia tsy maintsy misy fahatsiarovana mangirifiry noho ny fahotana sy fahafoizana izany. Tsy afaka hiala amin'ny fahotana isika, raha tsy mahita ny tena maha-fahotana azy, ary raha tsy efa miala tanteraka tsara amin'izany ao am-pontsika isika dia tsy hisy fiovana tanteraka tsara amin'ny fiainantsika." – Ny Tena Hasambarana, tt. 26,27.*

Hitako ny tena endriky ny fahatezerana, ka tsy tiako ho ao am-poko izany. Niaiky ny fahotako ary nanapa-kevitra ny hiaina ho an'Andriamanitra aho. Nangataka Azy aho mba hanadio ahy sy hanome ahy fo vaovao. Nitsangana avy tao am-pandriako

aho, namafa ny ranomasoko, ary nangataka famelana tamin'i George. Nameno ny foko ny fiadanana, ary nivadika ho fandresena ny fahareseko. Tsy maintsy napetrakay tany amin'ny toerana ho amin'ny fitsaboana maharitra i George nony farany satria tsy vitako intsony ny fikarakarana azy. Naharay antso an-tariby izahay indray alina izay, izay niangavy anay mba ho tonga any amin'ilay toeram-pitsaboana satria voan'ny fahatapanan'ny lalan-dra i George. Nipetraka teo anilany ny vadiko ka nibitsibitsika teo am-poto-tsofiny hoe: "Dada ô, fantatrao ve fa tia anao i Jesôsy? Hamonjy anao Izy raha angatahinao amin'ny fonao." Ny famantarana tokana hita maso fa azon'i George ny tian-kambara dia ranomaso nikoriana teo amin'ny takolany. Mino aho fa nandray an'i Jesôsy ho Mpamonjiny izy tamin'ireo fotoana farany niainany.

## **SOSO-KEVITRA MOMBA NY ENDRIKY NY FOTOAM-BAVAKA**

### **Fiderana**

- Tompo ô, midera Anao izahay satria manome hery anay sy mihazona anay lanao rehefa malemy izahay.
- Midera Anao izahay satria tsy mandao anay lanao raha lavo izahay.
- Midera Anao izahay, Tompo ô, satria harianao ho any amin'ny ranomasina lalina ny fahotanay rehetra, ary tsy tsarovanao intsony izany.
- Fiaiken-keloka
- Tompo ô, mamelà ny helokay noho ireo fotoana namelanay ny izaho hifehy anay.
- Mamelà ny helokay noho ireo fotoana tsy nanehoanay Anao araka ny tokony ho izy tamin'ny hafa.
- Mamelà ny helokay, Tompo ô, noho ireo fotoana namikiranay tamin'ny fahotana, fa tsy namelanay Anao hanaisotra izany tsy ho eo amin'ny fiainany.
- Tompo ô, diniho ny fonay. Izahao raha misy lalana mampahory ao anatinay, ary tariho amin'ny lalana mandrakizay izahay (Sal. 139:23,24).

[Manokàna fotoana fohy ho amin'ny vavaka mangina ataon'ny isam-batan'olona, ho famelana ny Fanahy Masina handinika ny fonareo.]

### **Fitalahoana sy fanelanelanana**

- Tompo ô, ampio izahay mba hanam-paharetana sy halemy fanahy, ka haneho ny fitiavanao sy ny fiantranao amin'ireo manaraby sy miampanga anay.

- Ampio izahay mba haharitra ao anatin'ny fitsapana, indrindra amin'ny fotoana izay mahasarotra ny fanehoam-pitiavana.
- Mivavaka izahay ho an'ireo izay mikarakara ny mpianakavy efa zokiolona sy/na marary. Omeo faharetana sy tanjaka ary fitiavana izy ireo.
- Tompo ô, aoka lanao hanamaivana ny tebitebin'ireo izay miatrika aretina amin'ny dingana farany mialoha ny fahafatesana. Omeo ny herim-po sy ny fiadanan'i Jesôsy izy ireo.
- Mivavaka izahay ho an'ireo olona 202 tapitrisa any amin'ireo tanàna 41 mikatona indrindra amin'ny filazantsara ao amin'ny Diviziona Atsimon'i Azia-Pasifika, mba hahafantaran'izy ireo an'i Jesôsy.
- Mivavaka izahay ho an'ny Departemantan'ny Sekoly Sabata sy ny Asa Fitoriana ao amin'ny fiangonana tsirairay raha mikatsaka ny fikasan'Andriamanitra, sy manatratra ny fiarahamoniny amin'ny fanompoam-pitiavana, fampianarana Baiboly, ary fijoroan'ny tena manokana ho vavolombelona izy ireo.
- Mivavaka izahay ho an'ny ADRA raha manolotra izay ilain'ny olona manerantany amin'ny andavanandro izy ireo.
- Mivavaka koa izahay ho an'ireo olona fito na mihoatra [tonin'ny ny anarany raha mety] ao amin'ny lisitray tsirairay avy.

### **Fisaorana**

- Misaotra Anao izahay noho ny fametrahanao fiambenana eo anoloan'ny vavanay, sy ny fiandrasanao ny varavaran'ny molotray.
- Misaotra Anao izahay noho ny fitiavana toy ny an'i Kristy omenao anay mba hatolotray ho an'ireo sarotra tiavina.
- Misaotra Anao izahay fa ho voasintona hanatona Anao ny hafa rehefa voavolavola eo amin'ny fiainany ny toetranao.
- Tompo ô, misaotra Anao izahay noho ny fihainoanao anay, sy ny famalianao ny vavakay, ary ny fiasanao ao ambadiky ny sehatra mba hanatanterahana ny sitraponao.

### **Hira**

Mitadiava hira mifanaraka amin'ny lohahevitra

**Teny fikasana takina mandritra ny vavaka**

- “Avy amin’i Jehovah no mahalavorary ny dian’ny olona, ka Izy no mankasitraka ny lalany. Na dia lavo aza izy, tsy dia mikarapoka, fa Jehovah no mitantana azy.” - Sal. 37:23,24.
- “Fa izay miandry an’i Jehovah dia mandroso hery kosa; elatra no hiakarany tahaka ny voromahery; hihazakazaka izy, nefa tsy ho sasatra; handeha izy, nefa tsy ho reraka.” - Isa. 40:31.
- “Jehovah no heriko sy ampingako; izy no nitokian’ny foko, ka voavonjy aho; dia mifaly ny foko, ka ny hirako no hiderako Azy.” - Sal. 28:7.

## **FANANDRAMANA LALINA KOKOA**

### **ANDRO 4 — NY TOMBAMBIDIN'NY FANOLORAN-TENA**

*“Lazaiko aminareo fa hisy fifaliana toy izany any an-danitra ny amin’ny mpanota iray izay mibebaka noho ny amin’ny olona marina sivy amby sivi-folo, izay tsy misy tokony hibebahany.” – Lio. 15:7.*

Nitombo tao amin’ny tranon’ny mpikapa hazo iray izy, izy izay zandriny indrindra amin’ny ankizy efatra. Efa lehibe lavitra noho izy ireo iray tam-po aminy ka efa samy nanana ny fiainany; seriny tamin’ny fitantanana toeram-pisakafoana tsotsotra ao amin’ilay tanàna kely onenany ny ray aman-dreniny. Matetika i Eddie no navela hikarakara tena samirery. Ny efitrano fijerena sarimihetsika ao an-toerana no mpitaiza azy amin’ny faran’ny herinandro, ary matetika izy no nody tao an-trano foana, taorian’ny fijerena horonan-tsary lavabe anankiroa. Indraindray izy dia nipetraka tao amin’ny fiaran’ny fianakaviana aoriana lavitry ny fotoana natorian’ny ankizy fito taona hafa ao am-pandriana, ka niantso an-dreniny mba hivoaka ilay toeram-pisakafoana ary hanatitra azy any an-trano.

Rehefa feno 14 taona i Eddie, dia lasa Kristianina Advantista nateraka indray ny reniny, ka niova tanteraka ny zava-drehetra. Tsy nitantana ilay toeram-pisakafoana intsony izy, fa nanomboka nanatrika fivoriam-bavaka sy fotoana tany am-piangonana. Niditra tao amin’ilay fiangonana Advantista niaraka tamin-dreniny i Eddie ary nampidirina tao amin’ny sekolin’ny fiangonana izy. Tsy liana tamin’ny fiangonana intsony anefa izy raha feno 17 taona. Tafiditra tao amin’ny fanompoana miaramila izy, roa taona taty aoriana. Nampirisika azy ny mpitandrina mba hatao batisa indray mialoha ny hiatrehany ireo loza aman’antambo amin’ny ady. Toa fikasana tena tsara izany, ka nanaiky ny hanao izany i Eddie rehefa nody tany an-trano tamin’ny fotoam-pialan-tsasatra. Koa nianatra ireo foto-pinoan’ny fiangonana Advantista fanindroany izy. Nanome fahalalana ara-tsaina ho azy izany, saingy mbola tsy fantany ihany i Jesôsy. Hitan’i Eddie fa fihaikana goavana ny fiezahana hanatratra ireo soatoavin’ny fiangonana amin’ny herin’ny tenany. Reraky ny miezaka ny ho Kristianina izy, reraky ny mody mankany am-piangonana, reraky ny miezaka mankatò. Tsy nanan-kery hihazonana ny fiainana kristianina izy ka niverina tamin’ny fahazarany taloha indray. Inona no tsy nety?

“Misy olona izay milaza ho manompo an’Andriamanitra, nefa ny herin’ny tenany ihany no ianteherany hoenti-mankatò ny lalàna sy hananana toe-panahy tsara ary hahazoana famonjena. Tsy mba voahetsiky ny fieritreretana lalina ny amin’ny fitiavan’i Kristy ny fony, fa miezaka izy hanatanteraka ny adidiny amin’ny toe-piainana kristianina izay ilain’Andriamanitra aminy mba hahazoany ny lanitra. Tsinontsinona

ny fivavahana toy izany.(...) Raha filazana ho manaraka an'i Kristy, nefa tsy misy izany fitiavana lalina izany, dia tsy inona fa bedibedy foana, fomba fotsiny, mahakamo ary raharaha mandreraka tsy misy vokatra." – Ny Tena Hasambarana, tt. 53,54.

Nanatrika fivoriam-bavaka nandritra ny alina iray manontolo tany ampiangonana ny renin'i Eddie sy ny anabaviny, ny alina nialoha ny taom-baovao. Nivavaka ho an'i Eddie tamin'ny fomba manokana izy ireo. Hitan'izy ireo ny valin'ny fivavahany nandritra ireo herinandro vitsivitsy taorian'io, rehefa nanomboka tsy nandeha tamin'ny laoniny ny zavatra niainan'i Eddie. Nilaozan'ny olon-tiany izy, very ny asany sy ny fiarany. Nahoana no mikoroso fahana tahaka izao ny tontoloko, hoy izy nanontany tena. Taorian'ny alina iray nisotroan-toaka niaraka tamin'ny namany, dia nody tany an-trano tao anatin'ny hamamoana tanteraka i Eddie. Niantsoantso izy hoe: "Andriamanitra ô, raha tena misy marina linao, dia tena mila Anao aho! Mahafantatra zavatra maro momba Anao aho, saingy te-hahafantatra Anao aho ankehitriny!"

Nisy feo malefaka sy miadana ary kely nandrobaka ny zavona tao an-tsainy: "Tena MISY tokoa Aho, ary tia anao Aho." Nanohina ny fony izany. "Ahoana no mbola itiavanao ahy taorian'ireny fomba fiainako ireny?" hoy izy nanontany. "Tena reraky ny fiainako amin'izao endriny izao aho. Miangavy Anao aho mba hanao ahy ho tena Kristianina marina. Te hanompo Anao amin'ny androm-piainako sisa rehetra aho, saingy tsy vitako samirery izany." Natolotr'i Eddie an'i Jesôsy ny fiainany tamin'io alina io, ary noraisiny ho Tompony sy Mpamonjy azy izy. Nino marimarina izy fa navela ny helony ary olom-baovao ao amin'i Kristy Jesôsy izy; efa lasa ny zavatra taloha. Nanomboka asa tao am-pony tamin'ny alalan'ny fihetsiny tsotra, dia ny finoana ny teny fikasana avy amin'Andriamanitra, ny Fanahy Masina. Nisy fiainam-baovao nipoitra, ka tsy niverindalana intsony i Eddie.

*"Rehefa nomenao an'i Kristy toy izany ny tenanao, dia aza mihemotra na miala aminy, fa manaova isan'andro hoe: 'An'i Kristy aho; efa nomeko Azy ny tenako'; ary angataho Izy mba hanome anao ny Fanahiny, sy hitahiry anao amin'ny fahasoavany. Ary satria ny fanoloranao ny tenanao ho an'Andriamanitra sy ny finoanao Azy no mahatonga anao ho zanany, dia aoka ho araka izany koa no hivelomanao ao aminy. Hoy ny Apostoly hoe: 'Tahaka ny nandraisanareo an'i Kristy Jesosy Tompo, dia mandehana ao aminy araka izany koa.' - Kôl. 2:6" – Ny Tena Hasambarana, tt. 62,63*

Nanomboka namaky ny Baiboly sy nianatra nivavaka i Eddie. Niova ny fiainany rehefa nianatra ny Soratra Masina ka nahafantatra misimisy kokoa ny momba ny fitiavan'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fiainan'i Jesôsy izy. Tsy hita teo amin'ny fiainany intsony ny fisotroana sy ny fifohana ary ireo safidy momba ny fomba fiainana hafa izay nahafaly azy fahiny. Nanoso-kevitra an'i Eddie ny reniny mba hamaky ilay boky

kely “Ny Tena Hasambarana” mba hanampiana azy eo amin’io diany vaovao io. Hitany hoe sarotra ny namaky izany tamin’ny voalohany satria nivezivezy imbetsaka ny sainy. Lasa sarobidy taminy anefa ilay boky rehefa naharitra namaky izany izy, rehefa nandray takila iray isaky ny mamaky. Hitany tao amin’ireo takilany ny fitiavan’Andriamanitra, ka nekeny tamim-pinoana fa natao ho azy ireo teny fikasana avy amin’Andriamanitra. Nahita fiadanana izy nony farany.

## **SOSO-KEVITRA MOMBA NY ENDRIKY NY FOTOAM-BAVAKA**

### **Fiderana**

- Tompo ô, midera Anao izahay satria tsy mahafofy na iza na iza mihitsy lanao.
- Midera Anao izahay noho ireo asanao mahagaga ho an’ny zanak’olombelona.
- Tompo ô, midera Anao izahay noho ny fifaliana azonay amin’ny fanatrehanao sy ny fanomezanao anay fanantenana ny amin’ny hoavy.

### **Fiaiken-keloka**

- Tompo ô, mamelà anay noho ny fifikiranay amin’ireo zavatra mampisaraka anay Aminao.
- Mamelà anay noho ireo fotoana niezahanay nivelona ny fiainana kristianina tamin’ny herin’ny tenany.
- Miaiky izahay fa mila fanandramana manokana miaraka Aminao, fa tsy fahalalana ara-tsaina fotsiny.

### **Fitalahoana sy fanelanelanana**

- Tompo ô, mangataka Anao izahay mba hanome anay fo voatolotra tanteraka ho Anao, mba hiainanay ao anatin’ny fankatoavana ny Teninao.
- Miangavy Anao izahay mba hanao batisa anay amin’ny Fanahy Masina isan’andro, sy hampahazoto anay eo amin’ny ezaka ataonay ho famaboana olona ho Anao.
- Mivavaka izahay mba hahatsiarovan’ireo olon-tianay izay nandao ny finoana ny hamamin’ny fiarahana Taminao, sy hanirian’izy ireo fatratra ny ho tafakambana Aminao indray. Ampio izy ireo hahatsapa sy handray ny fitiavanao sy ny famelan-keloka avy aminao.
- Miangavy Anao izahay mba hanatanteraka ny teny fikasana ao amin’ny Joe. 2:25: onero ho anay ireo taona nohanin’ny valala [fahotana] teo amin’ny

fiainanay sy teo amin'ny fiainan'ireo olon-tiany. Omeo finona izahay mba hinoanay fa hitana ny Teninao Ianao.

- Mivavaka izahay ho an'ireo olona 16 tapitrisa any amin'ireo tanàna enina mikatona indrindra amin'ny filazantsara ao amin'ny Diviziona Pasifika Atsimo. Mivavaka izahay ny mba hisian'ny batisan'ny Fanahy Masina isan'andro eo amin'ny mambra raha manatratra amim-pitiavana ireo mbola tsy nandray ny filazantsara izy ireo.
- Mivavaka izahay ny mba hanampian'ny Fanahy Masina anay hahay hanatratra ireo olona 406 tapitrisa any amin'ireo tanàna 105 mikatona indrindra amin'ny filazantsara ao amin'ny Diviziona Avaratr'i Azia-Pasifika.
- Mitalaho Aminao izahay mba hitahy ny Sampana "Aumônerie" raha manetsika ireo "aumôniers" sy ireo mambra liana mba hiasa any amin'ireo voafonja izany sampana izany.
- Mivavaka koa izahay ho an'ireo olona fito na mihoatra [tonòny ny anarany raha mety] ao amin'ny lisitray tsirairay avy.

### Fisaorana

- Misaotra, Tompo ô, satria nomenao anay ny Fanahy Masina mba hitari-dalana anay mandrakariva ho amin'ny marina rehetra.
- Misaotra noho ny fiasanao mba hamaliana ny vavakay amin'ny fomba tsy takatray.
- Tompo ô, misaotra Anao sahady izahay noho ny famalianao ny vavakay, tsy noho ny fahamendrehanay, fa noho ny fahamendrehan'i Jesôsy.

### Hira

Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra.

### Teny fikasana takina mandritra ny vavaka

- *"Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehan'ny: Raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika, dia mihaino antsika izy; ary raha fantatsika fa mihaino antsika izy, na inona na inona no angatahintsika, dia fantatsika fa azontsika izay angatahintsika aminy."* - 1 Jao. 5:14,15.
- *"Hositraniko ny fiodinany, ho tia azy tsy vozonana Aho; fa efa niala taminy ny fahatezerako."* - Hôs. 14:4.



- *“Tsy avy hiantso ny marina Aho, fa ny mpanota mba hibebaka” - Lio. 5:32.*
- *“Ary ny fonareo no triatriaro, fa aza ny fitafianareo, ary miverena amin’i Jehovah Andriamanitrareo; fa mamindra fo sy miantra lzy, mahari-po sady be famindrampo ary manenina ny amin’ny loza” – Joe. 2:13.*

## FANANDRAMANA LALINA KOKOA

### ANDRO 5- NY TOMBONTSOAN'NY FIARAHA-MIASA

*“Koa raha misy olona ao amin’i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo.” - 2 Kôr. 5:17*

Niova tanteraka ny fiainako rehefa nanolotra ny foko ho an’i Jesôsy aho tamin’ny fahasivy amin’ny folo taonako. Nanjary namako isan’andro ny fianarana ny Baiboly sy ny vavaka. Tsy andriko ny fotoana hanatrehana fivoriam-bavaka sy fandinihana ny Baiboly anaty tarika madinika sy ny Sekoly Sabata ary ny fotoana andehanana any ampiangonana - na aiza na aiza toerana itoriana ny Tenin’Andriamanitra sy isian’ny fijoroana ho vavolombelona. Naniry hatrany hatrany ny hahafantatra momba an’i Jesôsy aho. Arakaraka ny namenoan’i Kristy ny tato anatiko no nampiova ny fitiavako amin’ny lafiny mozika, fialamboly, fomba fitafy, ny zava-drehetra! Ny mpampianatra anay ao amin’ny Sekoly Sabata, izay tena tiako tokoa, dia milaza matetika fa rehefa manolo-tena feno ho an’i Kristy isika ka manokana ny fiainantsika ho amin’ny fanompoana Azy, dia *“tsy mety hampanaram-po ny tenany intsony amin’ny filàna aloha izy, fa noho ny finoana ny Zanak’Andriamanitra dia hanaraka ny diany izy, haneho ny toetrany, (...) Ny zavatra izay halany taloha tonga tiany izao, ary izay tiany taloha kosa, dia halany izao.”* – Ny Tena Hasambarana, tt. 69,70.

Hitako tokoa ny fahamarinan’izany. Nitsiry tato am-poko ny faniriana ny hilaza amin’ny olon-drehetra fa tia ahy Jesôsy ary namela ny heloko, efa nodioviny aho ary sarobidy Aminy. *“Raha vantany vao mahafantatra an’i Kristy ny olona dia miredareda ao am-pony ny faniriana ta-hampahafantatra ny hafa, fa efa nahita Sakaiza malala izy, dia Jesosy: tsy azony hidiana ao am-po ny fahamarinana mahatonga famonjena sy fahamasinana. Tsy azontsika atao ny hangina, raha voatafin’ny fahamarinan’i Kristy isika ary feno fifaliana noho ny Fanahiny ao am-pontsika. Tsy maintsy hananjavatra holazaina isika, rehefa nanandrana, ka nahita fa tsara ny Tompo.”* – Ny Tena Hasambarana, t. 93.

Aiza no hanombohako? Tsy nahalala izay tokony hatao aho na dia kely aza amin’ny fomba hizarana amin’ny hafa, koa nivavaka sy nangataka tamin’Andriamanitra ny amin’izay tokony hatao aho. Talanjona aho: *“efa nahazo maimaimpoana hianareo, koa manomeza maimaimpoana.”* - Mat. 10:8. Mora kokoa ny milaza izany noho ny manatanteraka. Inona no holazaiko amin’izy ireo? Hoy ny eritreritro. Nahita ity teny ity aho nandritra ny fotoana nandinihako ny tenin’Andriamanitra: *“Teo amin’ny tenany mihitsy anefa no nitondrany ny porofo mazava fa Jesosy no Mesia. Afaka nilaza izay fantany izy, izay efa hitany sy reny, ary tsapanany ny amin’ny herin’i Kristy. Izany no*

*asan'izay rehetra manana fo voatohin'ny fahasoavan'Andriamanitra.(...) Azontsika lazaina ny fomba nahatanterahan'ny teny fikasany teo amintsika, ka nahitantsika fa marina izany. Azontsika atao ny mijoro ho vavolombelona ny amin'izay fantatsika momba ny fahasoavan'i Kristy. Hampiseho izany no iantsoan'ny Tompo antsika, fa raha tsy misy izany dia ho very izao tontolo izao.” - IFM, tt. 358,359. Niandry ny hanomezan'Andriamanitra fotoana ho ahy hijoroako ho vavolombelona ho Azy aho.*

Nanao ny asa maha-mpandray olona anaty birao ahy aho no nisy vaovao tselatra nandeha tamin'ny fahitalavitra, nampitandrina anay fa misy rivo-doza mahatsiravina nandalo tany amin'ny fanjakan'i Floride ary mikisaka mianavaratra mihazo ny moron-dranomasin'i Atlantique mankany Caroline izany. Rehefa nijery ny fandaharana izahay dia nanontany i Ginger, iray amin'ireo mpiara-miasa amiko hoe: “Fa misy inona? Mikorontana ny rehetra!” “Ho avy i Jesôsy!” hoy aho niteny mafy. Tsy ela akory no niasako tato ary gaga aho tamin'ny famaliko toa nandeha ho azy! Niverina teo amin'ny sezako haingana aho. Tsy ela taorian'izay dia nanatona ny latabatro i Ginger ary nipetraka teo ambony seza. Hoy izy: “Lazao amiko ny momba izany hoe Jesôsy ho avy izany. Te hahafantatra aho!” Nivavaka aho no sady nanome azy fampianarana Baiboly fohifohy momba ireo famantarana ny fiavian'i Jesôsy fanindroany ary nizara taminy ny nanomanako ny foko hahafantatra Azy ilay Sakaiza sy ho vonona hihaona Aminy. Rehefa izay dia notohizako tamin'ny fanasana an'i Ginger hanao toy izany koa. Nanokatra varavarana iray ny Tompo, ary nisafidy ny hiditra tamin'izany varavarana izany aho.

Nanome ahy tombontsoa ny hiara-miasa Aminy Andriamanitra efa ho efapolo taona izao. Mpampianatra Baiboly aho, nampianatra Baiboly tao amin'ny sekoly kilasimandry advantista nandritra ny enin-taona, nitory teny teo anatrehan'ny olona an'arivony tany Philippines, nanao fijoroana ho vavolombelona teo anatrehan'ny mpianatra any amin'ny lisea an'arivony nandritra ny herinandro fiaraha-mivavaka, ary nanao seminera ho an'ny vehivavy tany amin'ny fisintonana ara-panahy ho an'ny vehivavy sy ny fivoriant-dehibe ary tany am-piangonana. Tombontsoa nahafinaritra nizarana izay zavatra nataon'Andriamanitra ireo rehetra ireo, kanefa ny fomba mahomby indrindra hambaboana fanahy ho an'ny Tompo dia ny fanakaikazana ny olona amin'ny alalan'ny fangorahana feno halemam-panahy, amin'ny fanomezana izay ilainy ary ny fahazoana ny fitokiany. Rehefa izay dia azonao asaina hanara-dia an'i Jesôsy izy ireo.

*“Tokony hiteny amin'izao tontolo izao hoe: ‘Indro, Andriamanitrareo’ ireo izay miandry ny fiavian'ny Mpampakatra. Ny taratra farany avy amin'ny fahazavan'ny fahasoavana, ny hafatra farany mitondra famindrampo hoentina amin'ny taranak'olombelona, dia fanambarana ny toetra amam-panahy feno fitiavana. Tokony hampibaribary ny voninahiny ny zanak'Andriamanitra. Ny fiainan'izy ireo sy ny toetra*

*amam-panahiny dia tokony hanambara izay efa nataon'ny fahasoavan'Andriamanitra ho azy.*" – Henoinareo ny Fanoharana, tt. 434,435

## **SOSO-KEVITRA MOMBA NY ENDRIKY NY FOTOAM-BAVAKA**

### **Fiderana**

- Andriamanitra ô! Midera Anao izahay satria nanova anay lanao. Ankehitriny izahay dia olom-baovao!
- Midera Anao izahay noho ny fiarovana hitanay ao Aminao (Isa. 49:16).
- Midera Anao izahay noho ny famindramponao izay asehonao aminay isan'andro.

### **Fiaiken-keloka**

- Andriamanitra ô! Mamelà ny helokay tamin'ny tsy nizaranay ny finoanay noho ny tahotra.
- Miaiky izahay fa mila ny herinao mba hijoroanay ho vavolombelona amim-pahombiazana
- Andriamanitra ô! Atoroy eo amin'ny fiainanay ireo lafiny izay mihazona anay tsy ho vavolombelona mahasoana ho Anao.
- Mamelà ny helokay, Tompo, tamin'ny tsy fanehoanay ny toetranao be fitiavana tamin'ny hafa.

### **Fitalahoana sy fanelanelanana**

- Andriamanitra ô, meteza hamelombelona ny fon'ireo olona ao anatin'ny asa fanompoana izay mahatsiaro ho reraka. Ampahatsiahivo azy ireo fa manao ny sitraponao izy. Raha sitrakao, aoka izy ireo hahita ny vokatry ny asany na dia fanahy iray ihany aza izany.
- Andriamanitra ô! Mahatsiaro ny mpampianatra Sekoly Sabatanay izahay. Ampahafantaro azy ireny ny lanjan'ny asa ataony ho an'ireo zanakay.
- Andriamanitra ô! Mitady ny fitarihanao izahay ho an'ireo ivontoerana marobe, ny tetikasa momba ny fahasalamana sy ny fianakaviana, ary ny fikambanan'ny Mpisavalalana manerana izao tontolo izao.
- Mivavaka izahay mba hitombo hatrany ny tanora hiditra an-tsehatra amin'ny asa fitoriana atao any amin'ny tanàn-dehibe.
- Mivavaka izahay mba hanampianao anay ho tia sy hikolokolo ireo mambra vaovao.

- Andriamanitra ô! Asehoy anay raha sitrakao ny fomba handefasana pejy voasoratra mirakitra ny fahamarinana (voatonta sy elektrônika) betsaka kokoa eo amin'ny fiarahamonina misy anay. Mivavaka izahay mba hamaky izany ny olona ary handresy lahatra azy ireo ny Fanahy Masina mikasika ny fahamarinana ara-Baiboly.
- Andriamanitra ô! Mangataka ny fiarovanao ireo misiônera izay miasa any amin'ny toerana mety hampidi-doza izahay.
- Mangataka izahay mba ho maro ny mpampieliky boky sy mpianatra mpilatsaka an-tsitrabo, ny mpanoratra, ny manam-pahaizana momba ny serasera ary ny mpanohana ara-bola ho fanapariahana ny teny feno fanantenana sy fiainana.
- Mivavaka izahay ho an'ireo lisitra misy anaran'olona fito, meteza lanao hiasa mahery amin'ireo olona ireo. Tanteraho aminay izay voasoratra ao amin'ny 1 Jao. 5:15.

## Fisaorana

- Misaotra Anao noho ny valim-bavaka omenao anay araka ny sitraponao.
- Misaotra Anao noho ny fampiasanao anay hizara amin'ny hafa!
- Misaotra Andriamanitra ô, fa marina sy azo itokiana ny teny fikasanao.

## Hira

Mitadiava hira mifanaraka amin'ny lohahevitra

## Teny fikasana takina mandritra ny vavaka

- *“Fa ny Fanahy Masina no hampianatra anareo amin'izany ora izany izay mety holazainareo.”- Lio. 12:12*
- *“Dia ho tahaka izany ny teniko izay aloaky ny vavako: Tsy hiverina amiko foana izy, raha tsy efa mahatanteraka izay sitrako ary ambinina amin'izay ampandehanako azy.”- Isa. 55:11*
- *“Fa manamasina an'i Kristy ho Tompo ao am-ponareo; ary aoka ho vonona mandrakariva hianareo hamaly izay manontany anareo ny amin'ny anton'ny fanantenana ao anatinareo, nefa amin'ny fahalem-panahy sy ny fanajana,” - 1 Pet. 3:15.*

**FANANDRAMANA LALINA KOKOA****ANDRO 6- NY FANOMEZAN'NY FIBEBAHANA**

*“Koa amin’izany manetre tena ambanin’ny tàna-maherin’Andriamanitra, mba hanandratany anareo amin’ny fotoan’andro”- 1 Pet. 5:6*

Mpampianatra nohajaina fatratra tao amin’ny sekoly kely kilasimandry iray ingahy G, any amin’ny vohitra atsinanan’i Washington any Etazonia. Tsy ny fitsipiky ny famakian-teny fotsiny ihany na ny fanoratana sy ny kajy ary ny fahaiza-manao arak’asan’ny mpianatra ihany no ampianarina ao amin’izany sekoly izany, fa ny fototry ny fomba fiaina kristianina ihany koa. Mianatra manao fampianarana Baiboly ny mpianatra, mianatra mitory teny amin’ny fivoriana ho fitoriana ny filazantsara ary mitarika ao amin’ny fiangonana misy azy amin’ny alalan’ny fampianarana ny leson’ny Sekoly Sabata, mianatra mitory teny sy manao asa fanatrarana ny hafa eo amin’ny fiarahamonina koa izy ireo. Mitana anjara toerana lehibe ao amin’izany fanabeazana izany ingahy G.

Lesona avy ao amin’ny boky “Ny dia ho eo amin’i Kristy” no ampianarin’ingahy G ny mpianany ao amin’ny kilasy fahiraika ambin’ny folo. Fomba tsotra no ampiasainy hampitana amin’ireo mpianatra ny fahatsoran’ny filazantsara, ary ny andraikiny dia ny hanao izay hahazoan’ny mpianatra ny foto-kevity ny fomba hoentina miresaka amin’i Jesôsy sy mitoetra ao Aminy isan’andro. Fijoroana ho vavolombelon’ny herin’Andriamanitra ny fiainany ary apetrany ao an-tsain’ireo mpianany hatrany ny maha-zava-dehibe ny fanombohana ny andro miaraka amin’i Kristy. *“Manokàna ny tenanao ho an’Andriamanitra raha vao maraina; izany no ataovy voalohandraharahananao indrindra. Aoka ny fivavahanao ho toy izao: “Raiso aho, Tompo ô, ho Anao manontolo. Ny fikasako rehetra apetrako eo an-tongotrao. Ampiasao amin’ny fanompoana Anao aho anio.” - Ny Tena Hasambarana, t. 84.*

Tsy fampianarana Baiboly ihany no nataon’ingahy G fa nampianatra ireo ankizy lahy tao amin’ny kilasy fahasivy nandrafitra koa izy. Nozaraina ho sokajy roa ny fianarana. Mandinika boky anankiray aloha izy ireo, rehefa izay dia mampihatra izay nianarany amin’ny fomba tsotra. Indray andro, nandritra ny ora fianarana, dia nanampy ny telo tamin’ireo zazalahy ingahy G; nanorina rindrina natao tohana izy ireo, ny hafa kosa nilalao teo ambony hazo maro nifanaingina. Nilaza tamin’izy ireo ingahy G hanalavitra ireo antontan-kazo ireo andrao mianjera izany ka handratra olona. Mbola nisangisangy teo ambonin’ireo hazo ihany izy ireo ka nony nanatona azy ireo ingahy G hiresaka aminy dia nianjera teo ambony tongony ny hazo fisaka lehibe iray. Nihodinkodina eran’ny trano izy namihina ny tongony. Noraisin’ireo zazalahy ho hanihany izany ka nihomehy izy ireo sady nanondro azy. Nahatezitra mafy an’ingahy G izany ka teny maharary no nivoaka

ny vavany. Tsy nahafehy ny fahatezerany teo anatrehan'ireo mpianany izy, tahaka an'i Mosesy tsy nahafehy ny fahatezerany teo anatrehan'ny zanak'Isiraely.

Nihazakazaka nankao amin'ny birao tsy lavitra teo ingahy G ka nitaraina tamin'Andriamanitra hoe: "Tsy nahomby aho Tompo! Tsy afaka mampianatra intsony aho!" Nampahery ny fony moramora ny fangorahana sy ny famindrampon'i Jesôsy, izay nitarika ho amin'ny fibebahana. *"Maro ny olona izay ta hanao ny marina, sady maniry ny hanompo an'Andriamanitra no tarihin'ny devoly matetika koa hihevitra lalandava ny fahadisoany sy ny fahalemeny; ary rehefa mahasaraka azy amin'i Kristy toy izany izy, dia manantena handresy azy. (...) Miantehera amin'Andriamanitra. Mahay mitahiry izay efa nankininao taminy Izy. Raha apetrakao eo am-pelatanany ny tenanao, dia hataony mihoatra noho ny mpandresy ianao, amin'ny alalan'Ilay tia anao."*- Ny Tena Hasambarana, tt. 85,86.

Raha mbola nivavaka ingahy G dia tonga tao an-tsainy izao eritreritra izao: "Tsy afaka hijanona ato amin'ity birao ity mandritra ny tontolo andro ianao, tsy maintsy mivoaka ianao ary milaza amin'ireo zazalahy ireo fa nandiso ny fanehoana Ahy tamin'izay fihetsika nataonao." Nanetry tena izy ka niverina tany amin'ireo zazalahy izay nijoro tao ivelany sy nanameloka ny tenany noho ny fisafaoaky ny mpampianatra azy. "Tsy naneho an'i Jesôsy taminareo aho androany, miala tsiny aho," hoy izy. Niezaka nampahery azy ireo zazalahy ka niteny taminy hoe: "Tsy maninona fa manao izany daholo ny olondrehetra. Fomban-javatra izany!"

Ny fampianarana Baiboly no taranja manaraka tamin'izay andro izay. Nanendry ny mpianany izy hamaky ny toko fahadimy ao amin'ny boky Ny dia ho eo amin'i Kristy (na Ny Tena Hasambarana), ny "fanoloran-tena", ary nasainy nanoratra ny hevitra izay nanintona ny sainy izy ireo. Rehefa niditra tao amin'ny efitrano fianarana ingahy G dia nahatsapa fa tsy vonona ny hampianatra izy raha ny fihetsehampony. Niditra ny mpianatra ary nipetraka, nametraka ny entimodiny teo amin'ny latabatr'ingahy G ny zazavavy iray. Nanopy maso izany izy ka nahatsikaritra fehezanteny iray: *"Ao amin'i Kristy ny fanantenanao, fa tsy ao amin'ny tenanao."*- Ny Tena Hasambarana, t. 84. Izay fehezanteny anankiray izay no nilainy.

Taona maro taty aoriana dia naharay taratasy nalefan'ny iray tamin'ireo zazalahy mpianany izy. "Fantatro fa tsy faly tamin'ny zavatra nataonao nandritra ny fampianarana mandrafitra indray andro iry ianao," izay no tao anatin'ilay taratasy, "kanefa tiako ho fantatrao fa ny ohatra nasehonao tamin'ny nanetrenao tena sy nanaovanao izay tokony natao ka nialanao tsiny taminay, dia naneho zava-dehibe ho ahy. Efa raim-pianakaviana aho izao, imbetsaka aho no nangataka famelana tamin'ireo zanako rehefa tsy mety izay

ataoko, ary ny ohatra nasehonao dia nanampy ahy ho raim-pianakaviana mendrika kokoa.”

*“Tsy maintsy hihohoka sy hitomany matetika eo an-tongotr’i Jesosy isika noho ny tsy fahombiazana sy ny fahadisoana; nefa tsy tokony ho kivy isika. Ary na dia hoe resin’ny devoly aza isika dia tsy ariana, na afoy, na lavin’Andriamanitra akory. Sanatria! Eo an-tanana ankavanan’Andriamanitra Kristy manao fifonana ho antsika.” - Ny tena hasambarana, tt. 76,77*

## **SOSO-KEVITRA MOMBA NY ENDRIKY NY FOTOAM-BAVAKA**

### **Fiderana**

- Tompo ô! Midera Anao izahay noho ny amin’i Jesôsy Kristy ilay Mpisolovava anay izay mifona ho anay.
- Midera Anao izahay satria nataonao tonga fandresena ny tsy fahombiazanay.
- Midera Anao izahay Andriamanitra ô! Fa na dia lavo aza izahay dia tsy lavinao ary tsy afoinao.

### **Fiaiken-keloka**

- Andriamanitra ô! Asehoy anay ny lafim-piainanay izay ilanay ny Fanahinao izay manalefaka anay sy manamboatra anay.
- Mamelà ny helokay tamin’ny tsy nahafehezany ny fahatezerana teo anatrehan’ny hafa sy nitenenanay teny feno fahatezerana sy masiaka.
- Omeo anay ny herinao mba hialanay tsiny amin’ny hafa rehefa nanao ny tsy nety tamin’izy ireo izahay.

### **Fitalahoana sy fanelanelanana**

- Andriamanitra ô! Mangataka izahay ny mba homenao ny Fanahin’ny fiadanana raha sendra toe-javatra mahatezitra.
- Mivavaka ho an’ireo sekoly advantista miisa 8208 izay misy mpianatra 2 tapitrisa eo ho eo izahay. Hampianatra ny Baiboly hatrany anie ireny sekoly ireny ka hitarika ny tanoranao ho amin’ny asa fitoriana sy fanompoana.
- Andriamanitra ô! Omeo fahendrena izahay hanatrarany ireo kolontsaina izay tsy manana fahalianana amin’ny fivavahana. Aoka ny Fanahinao Masina handrodana ny rindrina rehetra izay mamefy ny fo tsy mpivavaka.
- Mivavaka ho an’ireo vondron’olona any Azia izahay, ho an’ireo Silamo sy Boudhiste ary Hindouiste. Maro amin’izy ireo no mbola tsy nandre ny anaran’i



Jesôsy. Omeo fahendrena manokana izahay mba hanomezanay izay ilain'izy ireo.

- Meteza hitahy anay raha eo am-panatrarana ireo olona andevozin'ny fivavahana amin'ny fanahy sy ny fanompoan-tsampy ary ny finoana ny biby izahay. Ampio izahay hahatakatra ny fomba fahitany an'izao tontolo izao sy hampahafantatra azy ireo ny Mpamonjy ny tenany.
- Andriamanitra ô! Ampirisiho ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito manerana izao tontolo izao mba hivavaka bebe kokoa noho ny hatramin'izay. Aoka izahay hangataka ny ranonorana faran'ny Fanahy Masina. Mangataka izahay mba hotanterahinao ny teny fikasanao ao amin'ny Joe. 2 sy Hôs. 6 ary Asa. 2.
- Mivavaka ho an'ireo vondron'olona miisa 541 any amin'ny firenena 18 any amin'ny Divizona Atsimon'i Afrika sy ny Ranomasimbe Indianina izahay. Meteza hitarika azy ireo ho amin'ny fahamarinana ara-Baiboly.
- Asehoy anay ny fomba hanomezana ny zavatra ilain'ny mpitsoa-ponenana amin'ny fiainana andavanandro sy izay ilainy ara-panahy. Enga anie ny fiangonanay ho fantatra amin'ny fitiavana ny hafa na iza izy ireo na iza ary na avy aiza na avy aiza fiaviany.
- Ampio izahay mba hanambara ny hafatry ny anjely telo ao amin'ny Apôk. 14 amin'ny fahafenoana sy amim-pahatokiana. Ny fitiavana sy ny fahamarinan'i Kristy anie ho ivon'ny fampianaranay rehetra.
- Mivavaka koa izahay ho an'ny lisitra misy ireo olona fito na mihoatra [apetraho ny anarana raha mety].

## Fisaorana

- Andriamanitra ô! Misaotra fa hainao ny miaro anay tsy ho lavo (Joda 24)
- Misaotra Anao noho ny fisian'ny fibebahana sy ny famelan-keloka ary ny fampihavanana.
- Misaotra Anao izahay noho ny amin'ny ohatry ny fanompoana navelan'i Kristy ho anay. Meteza hanome anay ny hery hanarahana ny ohatra nomeny.

## Hira

Mitadiava hira mifanaraka amin'ny lohahevitra.

**Teny fikasana takina mandritra ny vavaka**

- *“Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin’ny tsi-fahamarinana rehetra.” - 1 Jao. 1:9*
- *“Anaka, izany zavatra izany no soratako aminareo mba tsy hanotanareo. Ary raha misy manota, dia manana Solovava ao amin’ny Ray isika, dia Jesosy Kristy, Ilay Marina” - 1 Jao. 2:1*

## FANANDRAMANA LALINA KOKOA

### ANDRO 7- NY VONINAHITRY NY TANJONA

*“Dia hamaly ny Mpanjaka ka hanao aminy hoe: lazaiko aminareo marina tokoa: araka izay efa nataonareo tamin’ny anankiray amin’ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko.” - Mat. 25:40*

*“Izay heverin’ny fo feno fitiavan-tena ho raharaha mahafa-baraka, dia ny fanarenana izay fadiranovana sy ambany noho izy na amin’ny toetra, na amin’ny laharam-boninahitra, no ataon’ny anjely tsy misy kilema ho tena raharaha. Ny toetry ny fitiavana feno fandavan-tena nananan’i Kristy no toetra manenika ny lanitra sady tena votoatin’ny hasambarany. Izany no toetra tokony hananan’ny mpanaraka an’i Jesosy sady asa tokony hataony.” - Ny Tena Hasambarana, tt. 91,92.*

“Andriamanitra ô! Tsy vitako angamba izany! Nanao fahadisoana lehibe lanao tamin’ity indray mandeha ity! Te hiasa ho anao aho, saingy eto!” Izany no fitalahoako tamin’Andriamanitra rehefa napetrany tao amin’ny lisea ho an’ny tanora mila mamita ny fianarany sy miomana ho amin’ny tontolon’ny asa aho. Maro tamin’ireo mpianatra ireo no tsy manan-kialofana, niaran’ny herisetra, na koa tao anatina tarika mpanao asa ratsy, mandray zava-mahadomelina ary tafiditra tamin’ny fivarotan-tena mihitsy aza. 20 taona no efa laniko tamin’ny fampianarana tany amin’ny tontolo voaron’ny sekoly kristianina, ka mihoatra noho izay azoko zakaina ity fanendrena vaovao ity.

Nihazona ny patalohany sy nanao saron-dohan’akanjo izay nanarona ny endriny ireo mpianatra raha niditra tao amin’ny efitrano fianarana tamin’ny andro voalohany. Vao ora voalohany dia efa teraka ny olana rehefa nanomboka nitabataba nanao teny tsy maotina feno fandrahonana tamin’ny tovolahy roa ny tovolahy anankiray. Teo aho, tsy nahazo aina mihitsy, ny ady efa hanomboka. Natahotra aho. Nahatonga ahy haniry fatratra fiarovana ny teny tsy mendrika ataon’izy ireo sy ny mozika henoiny ary ny sary mampita hafatra an-kolaka asehony eo amin’ny fisehoan-tsarin’ny solosainy. Tsy manana anjara eto aho. Nahatsiaro tena ho toy ny zanak’ondry tao afovoan’ny amboadia marobe aho; tahaka ireo mpianatra tao anatin’ny ranomasina nisafoaka no niantsoako hoe: “Tompo ô! Voanjeo aho!”

Ny bokin’i Jeremia no novakiko rehefa manao fandinihan-tena ka naverin’Andriamanitra tao an-tsaiko ireto teny ireto: *“Aza matahotra azy hianao; fa momba anao hamonjy anao Aho, hoy Jehovah (...) Fa hiady aminao ireny, nefa tsy hahaleo anao, satria momba anao hamonjy anao Aho, hoy Jehovah.” - Jer. 1:8,19.*

Nivavaka nangataka fanampiana aho, nododosako Andriamanitra hanatanteraka ny teny nomeny an’i Jeremia, mba hitondra fitoniana ao anatin’ny

efitrano fianarana. Rehefa izay dia niteny tamin-kerim-po toy ny tsy an'olombelona aho tamin'ireo mpianatra hoe: "Tsy manaiky ny fitondrantena tahaka izany aho ato amin'ity efitrano fianarana ity. Mipetraha ianareo ary atombohy ny fanaovana izay zavatra nampanaovina anareo." Alaivo sary an-tsaina ny fahagagako rehefa nipetraka tamim-pahanginana izy ireo! Nidera an'Andriamanitra tao am-poko aho, nanome voninahitra Azy noho ny fahatsarany sy ny famindrampony. Nandritra ny herinandro manaraka izay aho dia mbola nanohy nangataka tamin'Andriamanitra mba hanala ahy amin'io asa io. Ninoako mantsy fa tsy manana anjara eto aho. Novaliany tamin'ny fomba tsy mahazatra ny vavaka nataoko - tamin'ny fanehoana tamiko ny toetry ny foko.

Niasa niaraka tamin'ny mpianatra iray teo amin'ny solosaina aho raha nametraka fanontaniana tsy mahazatra tamiko izy hoe: "Jodi, avy tany amin'ny sekoly kristianina moa ianao, sa tsy izany?" Rehefa namaly "eny" aho dia hoy izy: "nahoana àry ianao no miaraka aminay eto?" Nanindrona ny foko ny fanontaniana napetrany. Nahagaga ahy ny valintenin'Andriamanitra: "Tsy vonona ny hiasa amin'izao tontolo izao ianao, raha tsy miala ao amin'ny fijery ivelany ao anatin'ao sy ny tahotra tsy hahavita maneho ny fitiavako amin'ireo zaza ireo. Eto ianao mba hanova ny fiainan'izy ireo, mba haneho ny toetrako aminy." Marina izay nambaran'Andriamanitra! Tsy vonona hanao ny asa aho satria tsy nanam-pitiavana. "Maniry ny hitondra fiovana eo amin'ny fiainanareo fotsiny aho," hoy aho tamin'ny. Ny tolakandro dia mbola niverina izany fanontaniana izany saingy tovovavy indray no nametraka azy.

Inona no fiovana azoko entina? Nanomboka tamin'ny zavatra bitika izany, tahaka ny fanomezana azy ireo sakafo maraina ara-pahasalamana mba hanombohany ny tontolo andro amin'ny sakafo tsara farafahakeliny. Nahazo ny fitokisan'izy ireo aho rehefa nihaino ny tantarany sy niray tamin'ny fahoriany ary nanjary namana sy mpanolo-tsaina azy.

Rehefa namely an'i Azia ny "tsunami" tamin'ny taona 2004 dia naniry ny hahalala izay heveriko momba izany loza izany ireo mpianatra. Nolazaiko tamin'izy ireo fa ny tsunami dia famantarana ny fiverenan'i Jesôsy tsy ho ela. Izao no nolazain'ny iray tamin'ireo mpianatro, izay nirehareha fa notezaina tao anatin'ny fiangonana: "Tsy miresaka momba izany ve ny ao amin'ny Apôkalipsy?" Nanasa azy aho hamaky toko sy andininy iray. Nangina tanteraka ireo mpianatra rehefa nanazava aho fa nampiomana izao tontolo izao ho vonona i Jesôsy. Nolazaiko koa fa raha misy te hahafantatra ny fiomanana ho amin'ny fiavian'i Jesôsy, dia hahafaly ahy ny hilaza izany aminy. Nony hariva ny andro tamin'izay dia nisy tovovavy nanatona ny biraoko ary nilaza hoe: "maniry ny hahafantatra aho." Nolazaiko taminy ny fitiavan'i Jesôsy azy sy ny zanany lahy ary nitaona azy aho handray an'i Kristy ho Mpampanjiny. Nanana tombontsoa naneho

an'i Jesôsy tamin'ireo "zanako" ireo aho nandritra izay taona izay, ary nitaona azy ireo handray Azy.

"Tsy hitondra velively ny zanany any ankoatra izay tiany haleha Andriamanitra raha efa hitan'izy ireo sahady ny farany hatrany amin'ny voalohany ary hitany ny voninahitry ny tanjona izay tanterahiny amin'ny mpiara-miasa Aminy azy."- Conflict and Courage, t. 278

## **SOSO-KEVITRA MOMBA NY ENDRIKY NY FOTOAM-BAVAKA**

### **Fiderana**

- Andriamanitra ô! Midera Anao aho noho ny fangorahanao ny fahorianay.
- Midera Anao izahay noho ny amin'ireo olona izay nanolokolo anay tao amin'ny finoana sy nitarika anay hanana fifandraisana ety kokoa amin'i Jesôsy.
- Midera Anao izahay noho ny fahatokianaô tsy manam-petra aminay.

### **Fiaiken-keloka**

- Ray ô! Asehoy anay ny fahotana tokony hekenay eo anatrehan'ny rehetra sy izay tokony hekenay samirery. Mangataka mba handresy ny fahotana izahay.
- Andriamanitra ô! Mamelà ny helokay tamin'ny niasalanay ny amin'ny fitantananao. Mamelà ny helokay raha niezaka nitady ny lalanay izahay rehefa sendra toe-java-tsarotra, kanefa napetrakao tamin'izany ho amina antony iray izahay.
- Mamelà ny helokay tamin'ny namelanay ny tahotra na ny hevitra mibahana mialoha hisakana anay tsy hizara ny fitiavanao amin'ny hafa.

### **Fitalahoana sy fanelanelanana**

- Andriamanitra ô! Mangataka ny fiarovanao ny ankizy sy ny tanora marefo izahay. Arovy amin'ireo izay mitady ny hanararaotra azy izy ireny.
- Andriamanitra ô! Enga anie ireo olona izay mikarakara ny ankizy tsy manankialofana hanana fo miantra sy tanana malefaka ary teny feno halemem-panahy.
- Mivavaka ho an'ny ankohonan'ireo ankizy mikomy amin'ny fahefana misy izahay. Omeo azy ireo ny fahasoavanao mba hiatrehany ny toe-javatra amin'ny fo mangoraka.

- Mangataka Aminao izahay mba hanangana misiônera any an-drenivohitra izay hanorina fiangonana ho an'ireo vondron'olona miisa 806 any amin'ny firenena 20 any amin'ny Diviziona Inter-Eorôpeanina.
- Meteza hanangana tafika mpiasa mba hanorina fiangonana ho an'ireo vondron'olona miisa 948 any amin'ny firenena 38 any amin'ny Diviziona Inter-Amerikanina.
- Mivavaka ho an'ny enta-mavesatra ao am-pon'ireo mambran'ny fiangonana sy ireo rehetra izay manatrika izao fotoam-bavaka izao izahay.
- Indro entinay Aminao ny anarana fito izay nadikanay eo amin'ny karatra kely. Ray ô! Ianao irery no mahalala ny toe-javatra rehetra izay lalovan'ny namanay sy ny fianakavianay ary ireo mpiara-miasa aminay. Tariho amin'ny lalanao izy ireo ary sintony ho eo anilanao.

### **Fisaorana**

- Misaotra Anao noho ny fitiavanao tsy miala sy ny fiantranao anay.
- Ray ô! Misaotra noho ny fitsinjovanao anay mandrakariva amin'ny masompitiavanao.
- Misaotra noho ny fahazoanao sy ny fangorahanao ny fahalemenay.

### **Hira**

Mitadiava hira mifanaraka amin'ny lohahevitra.

### **Teny fikasana takina mandritra ny vavaka**

- *“Alaharo ny tenin'ny mahantra sy ny kamboty; omeo rariny ny ory sy ny malahelo; vonjeo ny mahantra sy ny malahelo; afaho amin'ny tanan'ny ratsy fanahy izy.”* - Sal. 82:3,4
- *“Nefa izao no lazain'i Jehovah: Na dia ny sambotry ny mahery aza dia halaina ihany, ary ho afaka ny babon'ny mpandromboka; fa Izaho no hiady amin'izay miady aminao, ary Izaho no hamonjy ny zanakao.”* - Isa. 49:25
- *“Izao no fivavahana madio sady tsy misy loto eo anatrehan'Andriamanitra Ray: ny mamangy ny kamboty sy ny mpitondratena amin'ny fahoriany, sy ny miaro ny tena tsy hisy pentimpentina avy amin'izao tontolo izao.”* - Jak. 1:27

## **FANANDRAMANA LALINA KOKOA**

### **ANDRO 8- MAMAKIVAKY NY LOHASAHA**

*“Akaikin’izay manana fo mangorakoraka Jehovah ary mamonjy izay torotoro fanahy.”- Sal. 34:18*

Nanatanteraka iraka nandritra ny tapa-bolana tany amin’ny tanànan’i Iloilo tany Philippines izahay no nisy niantso aho tao amin’ny biraon’ny fiangonana. “Ramatoa, naharay antso avy any Etazonia ianao, avia haingana!” Nidobodoboka mafy ny foko raha nihazakazaka nankao amin’ny birao aho ary nandray ny telefona. Nisefosefo aho sady niteny hoe: “Allo?” Reko tao amin’ny telefona ny feo mitoloko hoe: “Jodi a, maty i Danny!” Nitehin-tratra aho, tsy nino. “Ahoana hoe? Fa inona no nitranga?” hoy aho.

Ny zandriko lahy no nampita ny vaovao tamiko fa hita tao amin’ny efitranon’ny trano fandriam-bahiny iray i Danny zokiko lahy, izay mpidoroka zava-mahadomelina sy mpisotro toaka. Nisy fanjaitra teo amin’ny sandriny. Nahafaty ny fatran’ny “héroïne” sy alikaola natambany. Tohina mafy aho ka napetrako ny telefona ary niantsampy teo an-tsandrin’ny vadiko aho nitomany. Lavitra loatra ny tranonay aho ka tsy afaka hihazakazaka ho any amin’ny fianakaviako, tsy maintsy niandry ny herinandro iray mandra-pahatapitry ny iraka nampanaovina anay.

Nandritra ny sidina nony hody izahay dia nitamberina tao an-tsaiko ireo fahatsiarovana ny fahazazana. Tadidiko ireo fotoana manokana niarahako nilalao tamin’ily anadahiko. Tsaroako fa niaro ahy fatratra izy. Nieritreritra momba ny fiainan’i Danny aho, ny amin’ny safidy izay nataony. Nalahelo mafy ny foko, raha mba nanana fiainana tsaratsara kokoa mantsy izy, nahafantatra an’Andriamanitra ary nahita fiadanana sy fifaliana.

Mora nahazo namana i Danny, olona “be mpitia” izy. Rehefa tafiditra tany amin’ny lisea anefa izy dia ireo olona tia milanonana sy misotro toaka ary mandray zava-mahadomelina no namany. Tsy ela dia nanjary mpisotro toaka sy mpidoroka zava-mahadomelina i Danny, izay nahatonga azy hitsidika matetika ny fonja sy ny ivontoerana fanarenana ny olona miankin-doha amin’ny zava-mahadomelina araka ny baikon’ny fitsarana. Nony farany dia naniraka mpisolovava ny fitsarana hampitandrina azy fa raha tsy manalavitra io tanàna io sy ireo namany izy dia mety hiafara any an-tranomaizina. Niara-nipetraka tamiko sy ny vadiko nandritra ny fotoana fohy izy, araka izany.

Naneho fahalianana tamin'ny zavatra ara-panahy i Danny raha nijanona tao aminay. Nandray anjara tamin'ny fotoam-bavaka nataon'ny fianakaviana izy ary nisoratra anarana tamin'ny fianarana Baiboly amin-taratasy ifandefasana mihitsy aza. Hainy avokoa ny valinteny marina ary haingana tokoa no nahavitany ny lesona. Niova mihitsy ny fiainany, ary ninoany fa efa mitombina tsara izy ka nandeha nody. Tsy ela dia niverina niaraka tamin'ireo namany fahiny sy ny zava-mahadomelina izy, nihalalina kokoa aza ka nampiasa zava-mahadomelina mahery kokoa izay namoizany ny ainy nony farany. Azo antoka fa vaky ny fon'Andriamanitra nahita ilay efa nanefany ny vidin'ny famonjena tao anatin'izany toe-javatra izany, nitotongana nanjary andevon'ny fahazarana. *“Mandrotsaka ranomason-tebiteby ny fitiavan'Andriamanitra rehefa misy olona nohariany araka ny endriky ny Mpamorona azy tsy mandray ny fitiavany.”*- The Spirit of Prophecy, b. 3, t. 13).

Nalahelo an'i Danny aho. Nanimba ny fianakaviana ny nahita ny ady nataony tamin'ny fiankinan-doha. Imbetsaka izy no nanaraotra ireo ray aman-dreninay, nangalatra ny fananan'izy ireo mba hanomezany fahafaham-po ny fiankinan-dohany, mandainga izy avy eo mba hanaronana izany. Tsy azon'izy ireo natao intsony ny namela azy hipetraka tao an-trano ka nanjary tsy nanan-kialofana izy. Nahavaky fo ny reniko tokoa ny nieritreritra ny amin'ilay zanany natory eny an-dalana amin'ny andro ririnina sy misakafo eny ambany fialofana raha misy sakafo, mirenireny eny an-dalana mitady zava-mahadomelina bebe kokoa. Namindra fo taminy imbetsaka ny reniko, saingy tsy niova mihitsy izy. Maty irery izy. Reraka loatra aho amin'ity tontolo ity sy ny fandemen'i Satana ireo izay marefo sy tsy manana an'i Kristy. Tsy drafitr'Andriamanitra mihitsy ny handalovan'ny olombelona amin'ny fahoriana sy ny fahatsiarovan-tena ho irery ary ho andevozin'i Satana.

Manontany tena aho raha toa nino i Danny fa tia azy Andriamanitra. Nanontany tena ny amin'izay tao an-tsainy nandritra ny fotoana farany niainany aho. Niantso an'Andriamanitra ve izy? Ho voavonjy ve izy? Tsy ho fantatro amin'izao fiainana izao mihitsy ny valin'izany kanefa matoky aho fa efa niahy azy hatramin'ny nahaterahany ny Raintsika izay any an-danitra. Fantatro fa namana tsy nandao azy ny fitiavan'Andriamanitra fa nitaona azy hatrany ary nanolotra ho azy ny famonjena.

## **SOSO-KEVITRA MOMBA NY ENDRIKY NY FOTOAM-BAVAKA**

### **Fiderana**

- Andriamanitra ô! Midera Anao izahay noho ny nanomezanao an'i Jesôsy izay maty mba hamonjy anay sy ireo tianao rehetra.



- Andriamanitra ô! Midera Anao izahay satria mandre anay lanao rehefa miresaka Aminao izahay ary mamaly izany araka ny sitraponao.
- Midera Anao izahay noho ny herinao mahay manova fiainana.

**Fiaiken-keloka sy fangatahana mba handresy ny fahotana**

- Ray ô! Meteza haneho aminay ny fahotana tokony hekenay eo anatrehan'ny rehetra sy izay tokony hekenay samirery. Mangataka izahay mba handresy ny fahotana.
- Mamelà ny helokay tamin'ny tsy fetezanay hanaraka ny sitraponao voasoratra ao amin'ny Teninao.
- Misaotra noho ny namelanao ny helokay araka ny 1 Jao. 1:9.

**Fitalahoana sy fanelanelanana**

- Ray ô! Mangataka ho an'ireo mizaka ny vokatry ny toe-javatra na feheziny fiankinan-doha izahay. Vahao ny fatorana mangeja azy ireo! Hamerina azy ireo Aminao anie izahay amin'ny alalan'ny fitiavana sy ny fiheverana azy ireo.
- Andriamanitra ô! Meteza hanome anay ny fahatakarana sy ny fo mihantra ireo mambran'ny fianakaviana izay nanararaotra anay. Ampio izy ireo hahita ny fitiavanao amin'ny alalan'ny asa ataonay.
- Ampianaro izahay hitory ireo foto-pinoan'ny fiangonana amin'ny fahaizamanazava tsara sy ny fomba mahaliana ary amin'ny fahamarinan'ny Baiboly. Enga anie ny fitiavan'i Jesôsy no ho ivon'ny zava-drehetra izay inoanay.
- Mangataka Aminao izahay mba hanomana ny tanora ho amin'ny fanorenana fiangonana ho an'ireo vondron'olona 789 any amin'ny firenena 9 any amin'ny Diviziona Amerika Avaratra.
- Mangataka Aminao izahay mba hanomana mpilatsaka an-tsitrapo marobe hanompo ireo vondron'olona 70 any amin'ny Saha any Isiraely.
- Mangataka Aminao izahay mba hanangana misiônera mpitsabo mba hanorina fiangonana ho an'ireo vondron'olona 830 any amin'ny firenena miisa 11 any amin'ny Diviziona Afrika Afovoany-Atsinanana.
- Mangataka Aminao izahay mba hitsanganan'ireo mpiadin'ny vavaka mba hivavaka ho an'ireo vondron'olona 2 568 any amin'ny firenena 4 any amin'ny Diviziona Atsimon'i Azia. Tsaroanay manokana ny Hope TV any Inde sy ny sekoly ho an'ny jamba any Azia.

- Mivavaka ho an'ny asa ataon'ny trano pirinty any amin'ny Diviziona Azia-Pasifika izahay.
- Mivavaka izahay mba hanatanterahanao ny teny fikasana nomenao ao amin'ny Sal. 32:8, ny mba hitarihanao sy hanoroanao lalana anay raha manatanteraka ny folo andro ho fanaovana fahaikana ho fanatrarana ny hafa izahay.
- Misaotra Ray noho ny nanirahanao ny Fanahy Masina hanova an'ireo olona fito ao amin'ny lisitry ny olona entinay amim-bavaka.

## Fisaorana

- Andriamanitra ô! Misaotra Anao izahay satria tsy mandresy anay ny herin'i Satana.
- Misaotra noho ny nanomezanao anay lalana hanalavirana mba tsy handresen'ny fakam-panahy anay (1 Kôr. 10:13)
- Misaotra Anao satria rehefa manafaka anay lanao dia afaka tokoa izahay (Jao. 8:36)
- Misaotra sahady amin'ny valim-bavaka homena anay.

## Hira

Mitadiava hira mifanaraka amin'ny lohahevitra

## Teny fikasana takina mandritra ny mivavaka

- “Fa Andriamanitro hahatanteraka izay rehetra tokony ho anareo araka ny haren'ny amin' ny voninahitra ao amin' i Kristy Jesosy”- Fil. 4:19
- “Mahasitrana ny torotoro fo Izy sy mamehy ny feriny.”- Sal. 147:3
- “Izaho hilaza an' i Jehovah hoe: fialofako sy batery fiarovana ho ahy Izy ary Andriamanitro, izay hitokiako. Fa Izy no hanafaka anao amin' ny fandriky ny mpihaza sy ny areti-mandoza.”- Sal. 91:2, 3
- “Koa raha misy olona ao amin' i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo.”- 2 Kôr. 5:17

**FANANDRAMANA LALINA KOKOA****ANDRO 9 - HERY LEHIBE NOHO NY FISALASALANA**

*“Ary noho izany koa no iaretako izao zavatra izao, ka tsy menatra aho, satria fantatro Izay inoako, ary matoky aho fa Izy dia mahatahiry ilay zavatra natolotro Azy mandra-pihavin’izay andro izay.”- 2 Tim. 1:12.*

“Fantatra tamin’ny fitiliana fa mitoe-jaza ianao!” Tsy andriko izay hizarana izany vaovao mahafaly izany tamin’ny vadiko. Efa ho roa taona izao ny zanakay vavy ary mampety tsara ny elanelana eo amin’ny ankizy izao fitondrana vohoka izao. Nivadika ho alahelo anefa ny fifalianay, tsy indray mandeha ihany, fa indroa. Tsy ela akory tamin’izay andro izay, nahatsapa fanaintainana tao amin’ny faritry ny kiboko aho, niafara tany amin’ny fandehanana tany amin’ny hôpitaly izany. Nanamafy ny ahiahin’ny mpitsabo ny fitiliana natao – zaza an-tsosonkoditra izany. Rovitra ny iray amin’ireo fantson-taovampananahako ka niteraka fahaverezan-dra any anaty izay mety hahafaty. Nanamboatra ny tsy fetezana ara-batana ny fandidiana saingy tsy nitsabo ny foko diso fanantenana.

Taorian’ny taona maro niezahana nitady zaza kanefa tsy nisy vokany, dia nilaza tamiko ny mpitsabo ahy fa tsy hahomby izany noho ny ratra amin’ny kamban-tsela vokatry ny fahaverezan-dra. Tapa-kevitra ny haneho aminy aho fa diso izany! Izao no nolazaiko tao am-poko: “Andriamanitra lehibe no tompoiko; nanao fahagagana ho an’i Saraha Izy ka nahatonga azy nitoe-jaza na dia tao anatin’ny toe-javatra tsy azo heverina aza; azony atao ny manao fahagagana ho ahy.” Napetrako teo an-tanan’Andriamanitra ny finoako rehetra, ary tsy ela akory dia nitoe-jaza indray aho. Namaly ny vavako Andriamanitra! Faly tokoa izahay. Nitombo ny finoanay ny teny fikasany sy ny fitiavanay an’Andriamanitra.

Nandehandeha nanaraka ny moron’ny renirano tony iray izaho sy ny vadiko indray Sabata folakandro no nahatsapa fanaintainana tsy vaovao amiko aho tao amin’ny ila kibo. Efa nahatsapa izany aho teo aloha saingy nodiako tsy re izany. Nony tonga ny hariva dia nihamafy ny fanaintainana, ary niafara tamin’ny fandehanana tany amin’ny hôpitaly indray. Nanamafy ny tahotro ny fitsirihana natao – zaza an-tsosonkoditra fanindroany izany ary nila fandidiana maika dia maika aho.

Inona no mitranga rehefa mametraka ny finoany rehetra eo amin’ny teny fikasan’Andriamanitra ny Kristianina iray kanefa fahadisoam-panantenana no setrin’izany? Aiza ilay mahasoana resahin’ny Rôm. 8:28? Nanarona ahy ny rahon’ny fisalasalana. Nanontany tena aho hoe: Andriamanitra ô! Nahoana? Tsy takatro! Nahoana lanao no namaly ny vavako kanefa nanaisotra izany indray? Nahoana no navelanao aho?

Nandry teo amin'ny fandrian'ny hôpitaly aho, kivy dia kivy. Nahatsapa fanaintainan'ny vatana aho ary reraka tanteraka ara-pihetsehampo. Tsy te hahita na iza na iza aho! Nilaza tamiko ilay mpitsabo mpanampy mikarakara ahy fa hanampy ahy hahazo aina kokoa ny rano mafana, nanampy ahy tao amin'ny efitrano fandroana izy. Nanorika ny tavako ny ranomaso. Nieritreritra aho hoe tokony hivavaka kanefa tsy nahavita izany. Nahatsiaro ho narian'Andriamanitra tanteraka aho. Tahaka ny rahona mainty amin'ny andro ratsy ny etona nateraky ny rano tao amin'ny efitrano fandroana. Tonga ara-potoana ny devoly hanoso-kevitra hoe: "Izany ve ny fomba hamalian'Andriamanitra ireo izay mametraka ny fitokiany Aminy? Toy izany ve no fanehoany ny fitiavany?"

Tsy nandao ahy anefa Andriamanitra. Gaga aho raha namerina tamin'ny feo mafy ireto teny manaraka ireto: "Tia ahy Andriamanitra." Tsy nahazo antoka aho fa hahavita izany, na naniry hanao izany akory aza. Gaga sy talanjona indray aho ka niteny hoe: "Tia ahy Andriamanitra." Naveriko intelo izany fehezanteny izany, ka teny samy hafa hatrany no nasongadiko isaky ny miteny. "Tia ahy ANDRIAMANITRA." "TIA ahy Andriamanitra." "Tia AHY Andriamanitra!" Rehefa voateniko izay fehezanteny fahatelo izay dia nandao ahy ilay haizina teo! Niverina tany amin'ny fandriako aho, reraka tanteraka ary naniry ny ho irery.

Rehefa niditra tao amin'ny efitrano nisy ahy ny mpiahy ara-panahy ao amin'ny hôpitaly dia nijery ny kisary teo amin'ny fandriako izy ary nanontany ahy hoe: "Ramatoa Genson?" Rehefa namaly aho dia nankeo akaikiko izy ary nandray ny tanako, sady niteny hoe: "Mafy izany mamoy anaka, sa tsy izany?" Niverina indray ireo raho-mainty! Tsy te hitomany teo imasony aho ka nosaronako tamin'ny bodofotsy ny lohako ary niteny mafy aho hoe: "Tia ahy Andriamanitra! Fantatro Ilay inoako! Efa natolotro ho an'i Kristy ny fiainako, ka tsy mampaninona izay ataony ho ahy satria efa miafina ao Aminy ny fiainako." Nandao ahy niaraka tamin'izay ireo raho-mainty.

Nitondra fampiononana ho an'ny foko ireo teny nolazain'i Jesôsy tamin'i Petera: "Izay ataoko dia tsy fantatrao ankehitriny, fa ho fantatrao rahatrizay."- Jao. 13:7. Nitolona tamin'Andriamanitra aho noho ny amin'ny tsy nahazoako zaza. Tsy takatro mihitsy hoe nahoana izany no nitranga, indrindra moa tamin'ny fotoana nanehoako finoana. Folo taona taty aoriana vao takatro fa tian'Andriamanitra ny hananako fanandramana fa ny finoana dia tsy maintsy mandeha any ankoatry ny rahona ho amin'izay tsy hita maso, ary koa ny fahasoavany dia tonga lafatra ao amin'ny tsy fahafahantsika manao na inona na inona. Nangataka fahagagana aho ka nomen'Andriamanitra anankiray. Nianarako tamin'izay fa ny tena fahagagana dia ny fahalehibiazan'ny herin'Andriamanitra mihoatra lavitra noho ny fisalasalako, ary hihazona ahy hatrany Izy eo am-pamakiana ny toe-javatsarotra. Afaka miteny tahaka an'i Jôba aho hoe: *"Na dia hamono ahy aza Izy, mbola*

*hanantena Azy ihany aho.” “Fa mahalala ny làlana falehako Izy; Raha hizahany toetra aho, dia hivoaka tahaka ny volamena.” - Jôba 13:15; 23:10.*

“Manome lesona ho antsika momba ny fitokiana Andriamanitra. Hampianarin'ny antsika ny tokony halehantsika raha hitady fanampiana sy hery amin'ny fotoana ilana izany. Amin'izany no hahazoantsika fahalalana ny amin'ny sitrapony, ilaintsika izany ao amin'ny fanandramantsika eo amin'ny fiainana. Mihamatanjaka ny finoana rehefa mifanandrina amin'ny fisalasalana sy tahotra.”- Testimonies, b. 4, tt. 116, 117). *“Ary amin'ny fiainana ho avy dia hazava ireo zava-miafina izay nanahirana sy nandiso fanantenana antsika teto. Ho hitantsika fa anisan'ny fitahiana lehibe indrindra noraisintsika ireo fivavahantsika toa tsy nisy valiny sy ireo fanantenana nafointsika.”- Tanamasoandron'ny fahasalamana, t. 316.*

## **SOSO-KEVITRA MOMBA NY ENDRIKY NY FOTOAM-BAVAKA**

### **Fiderana**

- Andriamanitra ô! Midera Anao izahay fa Ray be famindrampo lanao ary Andriamanitry ny fampiononana (2 Kôr. 1:3-7).
- Midera Anao izahay noho ny nanasitrananao ny fonay naratra sy namehezanao ny ferinao.
- Midera Anao izahay noho ny namelanao anay hametraka ny entanay mavesatra eo Aminao. Hanohana anay lanao amin'ny oram-pahoriana satria efa niaritra fahoriana lanao.

### **Fiaiken-keloka**

- Mangataka ny Fanahy Masina izahay mba haneho aminay ny fahotana manasaraka anay Aminao.
- Mamelà ny helokay Ray rehefa manarona ny fitokianay Aminao ny fisalalananay marobe.
- Misaotra Anao izahay noho ny amin'ny famelan-keloka atolotrao anay.

### **Fitalahoana sy fanelanelanana**

- Andriamanitra ô! Mangataka fahendrena sy fahasavana izahay mba hanekenay ny fahadisoam-panantenana, satria fantatray fa tia anay lanao ary hampiasa ny zavatra rehetra ho amin'izay mahasoana anay na dia tsy takatray aza izany amin'izao fotoana izao.

- Mangataka izahay mba hohatanjahina ny finoanay rehefa tojo fisalasalana sy tahotra izahay.
- Ampio ny fianakavianay haneho ny fitiavanao ao an-tokantrano sy eo amin'ny fiarahamonina. Mangataka Anao izahay mba hitondra firindrana ao an-tokantrano, hanasitrana ny fifandraisana rava rehetra, hiaro ireo marefo amin'ny herisetra ary haneho ny herinao izay manamasina ao anatin'ny toe-javatra toa tsy ahitana fanantenana.
- Enga anie ny mambran'ny fiangonana sy ny pasitora ary ireo mpitarika maneran-tany ho voafahan'ny Tenin'Andriamanitra isan'andro. Ampio izahay hitady Anao isan'andro amin'ny vavaka manokana ataon'ny tsirairay. Ampahatsiahivo anay fa tsy mahefa na inona na inona izahay raha tsy eo lanao.
- Mangataka Aminao izahay mba hanangana mpitsabo mpanampy sy mpitsabo izay hanorina fiangonana vaovao any amin'ny toerana misy ireo vondron'olona 1978 any amin'ny firenena 22 any amin'ny Diviziona Afrika Afovoany-Andrefana.
- Mivavaka ho an'ireo olona 49 tapitrisa any amin'ireo tanàna 19 tsy tongan'ny fahamarinana indrindra any amin'ny Diviziona Trans-Eôropenina izahay.
- Mivavaka ho an'ireo olona fito ao anaty lisitry ny olona entinay am-bavaka izahay. Omeo azy ireo ny fo mahalala Anao araka izay ambaran'ny teninao ao amin'ny Jer. 24:7.

## Fisaorana

- Ray ô! Misaotra Anao izahay noho ny amin'i Kristy izay manao fanelanelanana ho anay, manana fanantenana sy hoavy izahay.
- Misaotra Anao noho ny fampaherezanao anay amin'ny olanay rehetra mba hahafahanay mampahery ny hafa.
- Andriamanitra ô! Misaotra anao izahay fa tonga lafatra ao amin'ny fahalemenay ny herinao.

## Hira

Mitadiava hira mifanaraka amin'ny lohahevitra.

## Teny fikasana takina mandritra ny vavaka

- *“Mankanesa atỳ amiko, hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa izaho no hanome anareo fitsaharana.” - Mat. 11:28*

- *“Aza matahotra hianao, fa momba anao Aho; ary aza miherikerika foana, fa Izaho no Andriamanitrao; mampahery anao Aho sady mamonjy anao; eny, mitantana anao amin’ny tàmàna ankavanàn’ny fahamarinako Aho.” - Isa. 41:10*
- *“Apetraho amin’i Jehovah ny entanao, ary Izy no hanohana anao; tsy havelany hangozohozo mandrakizay ny marina.” - Sal. 55:22*

## FANANDRAMANA LALINA KOKOA

### ANDRO 10 - AVELAO NY TSILO

*“Ry rahalahy, tsy mbola ataoko fa efa nahazo ny tenako; fa zavatra iray loha no ataoko; manadino izay zavatra ao aoriana ka miezaka hanatratra izay zavatra eo aloha, eny, miezaka hanatratra ny marika aho hahazoako ny lokan’ny fiantsoan’Andriamanitra any ambony ao amin’i Kristy Jesosy.” - Fil. 3:13, 14*

Nilaozan’ny ray niteraka anay izaho sy ny zokiko lahy. Tsy mba nahita azy izahay satria mbola kely tokoa izahay no nandao ny reninay izy. Ny hany fantatray momba azy dia ny maha-tantsambo azy, lava ary tsara tarehy izy, mena ny volony ary misy pentimpentina ny tarehiny, ary ahenoa firokin’ny any atsimo ny fiteniny. Tsy nahomby avokoa ny fitadiavana azy rehetra ka tsy nanao izany intsony aho. Nitombo tao anatin’ny fanontaniana ny tenako ny amin’ny antony tsy nitiavany anay aho; namela ratra tao amin’ny foko mbola tanora izany.

Mikaviavia aho fahiny, tafintohina foana amin’ny tsy misy antony rehefa milalao. Natao fihomehezana aho tany an-tsekoly. Fohy ny voloko ary notapahina eo ambonin’ny soroka hanodidina ny endriko hatsatra. Tsy mba hita soritra teo amin’ny masoko ny fifaliana tokony hananan’ny ankizy valo taona. Matetika no niantefa tamiko ny hanihany sy ny fanadrohadroana.

Ny fotoana fakan-drivotra no tsy tiako indrindra ao anatin’ny tontolo andro satria nilalao irery aho; tsy tiako lavitra noho izany anefa ny fotoan’ny fanatanjahantena. Nilalao baolina dakana izahay, na antsoina koa hoe baolina kitra, izay tena tsy tiako tokoa. Mandaka baolina no atao amin’ily lalao ary mihazakazaka manodidina ireo tsato-by. Rehefa milahatra ny ankizy dia mifidy ny ekipany ny kapiteny. Izaho hatrany no voafidy farany. Rehefa mandray ny toerany ny tsirairay ao amin’ny ekipa dia alefa any amin’ny faritra lavitra eo amin’ny kianja aho satria tsy nahay io lalao io. Rehefa izay dia nanomboka nihiaka ny ekipako hoe: “Miverena! Iny i Timmy!” Mandaka mafy ny baolina mandrakariva i Timmy. Nijoro fotsiny aho, nanohon-tanana. Tampoka teo dia nahare hiakiaka aho hoe: “DeWeese donendrina! Manatona anao iny ny baolina! Sambory iny!” Nijery ambony aho, hitako ny baolina hianjera aty amiko. Natsotrako ny sandriko ary nisamboriko izany! Tsy nino ny ankizy ka nihoraka mafy hoe: “Oe! Voasambotr’i DeWeese donendrika ny baolina!” Mahery fo aho nandritra ny fotoana fohy, noderain’ireo mpiara-mianatra tamiko; vetivety ihany anefa izany. Niverina tamin’ny mahazatra ny zava-drehetra rehefa nandaka ily baolina aho ka namily ny lalan’izany, izay nahatonga ny ekipako ho resy.



Niaraka tamiko nandritra ny fahatanorana sy ny fahalehibiazana ny tsy fahazoana antoka sy ny fanomezana tombambidy ambany ny tenako. Misy fiantraikany amin'izay hoavintsika ny toe-javatra niainana tamin'ny fahazazana, kanefa tsy voatery hijanona ho tahaka izany isika. Rariny aho raha toa malahelo sy tezitra; narian'ny raiko rahateo aho, tsy nana-namana ary mora nohararaotina satria naniry ny hoekena. Arakaraka ny nitoerako tao amin'izany no nahatonga izany ho zava-misy tokoa. Nanangona fehezantsilo aho. Mavesatra loatra anefa ary mety hisy fiantraikany amin'ny fahasalamantsika amin'ny farany ny fikikirana amin'ny fanandramana tamin'ny lasa izay mangidy tokoa. Manjary andevon'ny fihetsehampontsika isika.

Vao haingana aho no namaky izao teny izao:

*“Maro ny olona izay mandeha amin'ity fiainana ity no mieritreritra lalandava ny amin'ny fahadisoany sy ny tsy fahombiazany ary ny fahadisoam-panantenany, ka feno fahoriana sy fahakiviana ny fony. Raha mbola tany Eoropa aho, dia nisy vehivavy izay tra-pahoriana indrindra, nanoratra tamiko nangataka teny famporisihana. Nony alin'iny namakiako ny taratasy iny, dia nofiko, fa tao amin'ny zaridaina anankiray, hono aho, ary nisy olona izay toa tompon'ilay zaridaina nitarika ahy hamakivaky an'ireo lalan-kely tao. Raha mbola nioty ny voninkazo sy finaritra tamin'ny fofony manitra aho, dia niteny tamiko ity vehivavy ity izay nifanindran-dalana tamiko, ka nampiseho ahy angivy ratsy tarehy izay nisakan-dalana azy. Ka dia ory sady sahirana teo izy. Tsy nandeha tamin'ny lala-masaka nanaraka ny mpitarika izy, fa nandeha tao anatin'ny angivy sy tsilo. “Indrisy!” hoy izy, “moa tsy mampalahelo va fa simban'ny tsilo ity zaridaina tsara ity?” Fa hoy ilay mpitarika hoe: “Aza mikasika ny tsilo, sao maratra ianao. Ny raozy sy ny lisy ary pika no alao.” Moa tsy efa nisy toerana mamirapiratra va tamin'izay efa nolalovanao? (...) Raha nitodika hijery ny toe-piainanao tamin'ny lasa ianao, moa tsy mahita zava-mahafaly amin'ireny va? Moa va ny teny fikasan'Andriamanitra tsy toy ny voninkazo manitra mamerovero maniry eo andaniny roa amin'ny lalanao? Moa va tsy ho faly ianao ka havelanao hameno ny fonao ny hatsarantarehiny sy ny fofony manitra? (...) Tsy hendry ny manangona ireo fahatsiarovana mampalahelo ny amin'ny toe-piainana tamin'ny lasa - ny heloka sy ny fahadisoam-panantenana tamin'izany – ka hiresaka sy hiory ny amin'izany, ambara-pahatongantsika ho latsaka amin'ny famoizam-po. Feno haizina ny fanahy kivy, fa manampina ny fahazavan'Andriamanitra tsy hiditra ao ampony, sady manaloka amin'ny lalan'ny hafa koa.” - Ny tena hasambarana, tt. 137-139.*

Nisafidy ny hanary ireo tsilo aho, ary nanangona ny raozy. Rehefa tonga tao amin'ny fiainako i Kristy dia hitako ny maha-izaho ahy ao Aminy! Izaho ilay zazavavy kely mahia taloha izay nihevitra ho tsy nahavita na inona na inona, izay nanjary zanak'Andriamanitra, zanaka vavin'ny mpanjakan'ny mpanjaka (1 Pet. 2:9). Tsy olona

tsy manan-drainy intsony aho satria nanjary Raiko Izy (Sal. 27:10; Jao. 16:27). Tsy voailika sy manirery intsony aho satria efa nantsoin'ny Ray any an-danitra ho sakaizany (Jao. 15:15). Fantatro izao fa manana tombambidy lehibe aho, satria efa nanolotra ny ainy ho ahy Izy (Jao. 3:16). Antony tokony hifaliana manao ahoana re izany!

## **SOSO-KEVITRA MOMBA NY ENDRIKY NY FOTOAM-BAVAKA**

### **Fiderana**

- Andriamanitra ô! Midera Anao izahay noho ny herinao izay manova!
- Midera Anao izahay noho ny niantsoanao anay ho sakaiza (Jao. 15:15).
- Midera Anao izahay noho ny nifidiananao anay ho zanaka.

### **Fiaiken-keloka sy fangatahana mba handresy ny fahotana**

- Andriamanitra ô! Mangataka izahay mba handresy ny fahotana eo amin'ny fiainanay.
- Mamelà ny helokay tamin'ny nifidiananay hitoetra ao amin'ny "tsilon"ny lasa sy ny namelanay ireny fanandramana ireny hanakivy anay. Misaotra fa rehefa miaiky ny helokay izahay dia mahatoky lanao ka mamela ny fahotanay ary manadio anay (1 Jao. 1:9).

### **Fitalahoana sy fanelanelanana**

- Andriamanitra ô! Entinay Aminao ireo mpitondra fiangonana maneran-tany. Omeo fahendrena izy ireo raha eo am-pandraisana fanapahan-kevitra manan-danja sy eo am-pitarohana ireo vahoakanao.
- Mangataka ny fahasoavanao izahay mba hamela ny helok'ireo nanao ratsy taminay. Tompo ô! Mitondrà fanasitranana sy fanarenana ho an'ny fianakaviana.
- Andriamanitra ô! Ampio ny tsirairay aminay ho tonga sakaizan'ireo tsy manana namana, mba haneho ny fitiavanao amin'ireo izay mila fitiavana.
- Mivavaka ho an'ireo zanakay izahay, meteza hampahery azy ireo mba hijoro tsara ho Anao rehefa tojo sakana sy fanarena. Ampio izy ireo hanao safidy tsara sy hijoro ho an'ny fahamarinana (Isa. 44:3,4).

- Ampianaro izahay hanaraka ny ohatra tsy misy fitiavan-tena nasehon'i Kristy, amin'ny fanomezana izay ilain'ireo olona akaiky anay. Meteza hanome fitaovana anay mba hahatonga anay ho misiônera mpitsabo, mpilatsaka antsitrabo any amin'ny fiarahamonina ary ho naman'ireo mila fanampiana.
- Andriamanitra ô! Hanenika ny fiangonana amin'ny andro farany anie ny fifohazana ho amin'ny fitiavana voalohany. Hijoro ho an'ny fahamarinana anie izahay na dia hianjera aza ny lanitra.
- Andriamanitra ô! Asehoy anay ny fomba hizarana ny filazantsara amin'ireo Silamo. Mivavaka izahay mba handrenesan'izy ireo sy hamaliany ny fahasoavana atolotrao.
- Mivavaka ho an'ireo anarana fito ao amin'ny lisitra nataonay izahay. Meteza haneho amin'ny tsirairay avy amin'izy ireo ny haben'ny fitiavan'i Jesôsy azy.

## Fisaorana

- Andriamanitra ô! Misaotra noho ny teny fikasanao hoe: *"Izay nanomboka asa tsara tao anatinareo no hahatanteraka izany mandra-pihavin'ny andron'i Jesosy Kristy."* - Fil. 1:6
- Misaotra Tompo ô fa nofenoinao fifaliana sy fiadanana izahay.
- Misaotra fa efa miasa sahady ao am-pon'ireo olona entinay amim-bavaka lanao.

## Hira

Mitadiava hira mifanaraka amin'ny lohahevitra.

## Teny fikasana takina mandritra ny vavaka

- *"Fa ny raiko aman-dreniko efa nahafoy ahy; fa Jehovah kosa no mandray ahy."* - Sal. 27:10
- *"Inona ary no holazaintsika ny amin'izany zavatra izany? Raha Andriamanitra momba antsika, iza no hahatohitra antsika?"* - Rôm. 8:31

- *“Mety manadino ny zanany minono va ny vehivavy ka tsy hamindra fo amin’ny zanaka naloaky ny kibony? Eny, mety manadino ihany izy, Fa Izaho kosa tsy mba manadino anao.” - Isa. 49:15*

## **FANANDRAMANA LALINA KOKOA**

### **SABATA FANKALAZANA, 19 Janoary**

#### **Soso-kevitra momba ny endriky ny Sabata famaranana**

Ity Sabata farany ity dia tokony ho fotoan-dehibe firavoravoana ny amin’izay efa nataon’Andriamanitra ho anareo sy ny fiangonana nandritra ireo Folo Androm-bavaka. Saintsaino izay fomba handaminanareo ny andro hankalazanareo ny fahatsaran’Andriamanitra sy ny heriny lehibe. Saintsaino ny fomba nanandramanareo ny firotsahan’ny Fanahy Masina tao anatin’ny folo andro. Ity Sabata ity dia tombontsoa hahafahanareo mifaly ny amin’izay efa nataon’Andriamanitra sy ataony amin’izao fotoana izao ary mbola hataony any aoriana.

Samy manana ny fahasahiranany ny fiangonana tsirairay, koa miangavy ny hiasanareo miaraka amin’ny mpitarika eo an-toerana mba hahazoana mamolavola drafitra manokana ho an’ny fiangonanareo. Indreto misy soso-kevitra mahakasika ny fanompoam-pivavahana ao anatin’ny Sabata famaranana.

#### **Andininy fototra**

*«Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy, Izay efa nirahinao.» – Jao. 17:3.*

- **Fijoroana ho vavolombelona:** Manokàna fotoana ampy tsara ho an’ny fijoroana ho vavolombelona mikasika ny valim-bavaka azo. Ireo izay nandray anjara nandritra ny Folo Androm-bavaka dia tokony hanana tantara maro azony zaraina amin’ny fiangonana, koa ampisihy izy ireo hamintimpintina ny teniny mba hahazoan’ny rehetra mandray anjara. Mety hanana ny tantarany koa ny hafa, koa tsara raha halamina mialoha ny fijoroana ho vavolombelona sasany.
- **Fotoam-bavaka:** Asao ny fiangonana manontolo hiray ao anatin’ny fiombonam-bavaka. Azonao atao ny mitarika ny fiangonana amin’ny alalan’ny vavaka ifandimbiasana tahaka ny natao nandritra ny herinandro. Azonareo atao ny miara-mivavaka momba ny andalan-teny iray voafaritry. Azo atao ao anatin’ny tarika madinika izany na ataon’ny fiangonana iray manontolo. Safidy iray hafa ihany koa ny manomana antom-bavaka maro samihafa mandritra

ny fanompoam-pivavahana: momba ny Soratra Masina, isan-tarika, isambatan'olona, ho an'ny fiangonana iray manontolo, mangina, sy ny sisa.

- **Hira:** Andro natao hifaliana ny amin'izay nataon'Andriamanitra ho antsika ity andro ity, koa tsara indrindra ny hampiasana ny mozika hoenti-manatanteraka izany. Raha misy ny hira manokana izay manjary hira fanevan'ny tarika misy anareo, dia ataovy izay hihiran'ny fiangonana iray manontolo izany.
- **Drafitra momba ny hoavy:** Raha nitarika anareo ho amin'ny asa fitaomampahy na asa avy tamin'ny alalan'ny Folo Androm-bavaka Andriamanitra, dia ampahafantaro ny mpiray fanantenana ny drafitrareo ka taomy izy ireo hiaran'ny miasa. (Misy soso-kevitra naroso ao amin'ny tari-dalana ho an'ny mpitarika).
- **Ankizy/Tanora:** Azo atao tsara ny manao tantara ho an'ny ankizy mikasika ny vavaka. Raha nisy ankizy na tanora tao anatin'ny vondrom-bavakareo, dia asao izy ireo hizara ny fijoroany ho vavolombelona sy/na hitarika mandritra ny fotoam-bavaka.
- **Fandeferana:** Aoka hisy ny fileferana eo amin'ny drafitrareo mba hahazoanareo manaraka ny fitarihan'ny Fanahy Masina mandritra ny fanompoam-pivavahana.